

# **Ahoana no hampahomby ny tokantrano**

**Carlo Brugnoli**

**Nandika teny: Razafindrakoto Tovonirina S.**

## **Fisaorana**

Isaorako mitafotafo ireo olona rehetra izay nandray anjara tamin'ny fananterahana ity asa soratra ity; tononina manokana ny ankohonan'i Jean-Daniel, Sylviane sy Line André, Benoît sy Leopoldine Djossou, ramatoa isany Nathalie Araujo, Anne Bachelard, Catherine Froehlich, Elisabeth Nussbaumer, Jacqueline Schwerzmann, Doris Vuilleumier ary Rosine Walter, ramatoa kely isany Priscille Suter sy Rachel Yapoudjian sy andriamatoa isany Pierre-Yves Burgat, Oliver Fleury, Yves-Pascal Suter ary Luc-Olivier Suter. Tena sarobidy tamiko ny fiarahana miasa taminareo.

# Fizahan-takila

<b>Fizahan-takila</b> .....	<b>3</b>
Savaranonando .....	5
Fampidirana .....	7
1 Ny fanalahidin'ny fahasambarana .....	9
2 Ahoana no fisafidianana izay ho vady .....	11
Inona no hery manosika anao eo amin'ny fainanao?.....	14
Mpitovo sa manambady?.....	15
Inona no fotoana mety hanombohana ny fiarahan'olon-droa? .....	16
<b>Ny andraikitra telon'ny vavaka</b> .....	<b>18</b>
A.    Fanomanana ho amin'hy safidy tsara.....	18
B.    Mivavaka ho an'izay ho vady .....	20
<b>Miroso eo antanin'ady</b> .....	<b>21</b>
<b>Olombelona feno no vadiana: vatana, aina, fanahy</b> .....	<b>23</b>
<b>Ny andraikitry ny mpiandry</b> .....	<b>23</b>
<b>Fiarahana – Fifamofoana - Fanambadiana</b> .....	<b>27</b>
A.    Fiarahana .....	27
B.    Fifamofoana.....	28
C.    Ny mariazy.....	32
<b>3 Fifamatorana eo amin'ny lafiny ara-batana.</b> .....	<b>34</b>
<b>Vatana atao tsinontsinona</b> .....	<b>34</b>
<b>Vatana indraindraina</b> .....	<b>34</b>
<b>Ny vatana araka ny fijerin'ny Baiboly</b> .....	<b>34</b>
<b>Ny vatana eo amin'ny mpivady</b> .....	<b>36</b>
<b>Antony folo tsara hitehirizana ny firaiana ara-nofo ho eo amin'ny sehatry ny fanambadiana</b> .....	<b>48</b>
1.    Vao maika tena tsara ny fanomezana rehefa omena amin'hy fomba tsy ampoizina .48	
2.    Ny rindran-damin'ny fahariana .....	49
3.    Ny tena fitiavana mahay miandry.....	50
4.    Mahakasika ny rariny: Koa amin'izany na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany .....	51
5.    Ny firaiana ara-nofo na dia voaaro aza dia mety hamindra aretina sida sy ireo aretina hafa miampita amin'ny alalan'ny firaiana ara-nofo.....	52
6.    Firaiana ara-nofo iray ivelan'ny fanambadiana, eny na dia amin'ny fofombadin'ny tena aza dia manokatra mora foana varavarana ho amin'ny fiahana ivelan'ny	
fanambadiana na dia aorian'ny mariazy aza. ....	52
7.    Misy risika na ho an'ny ray aman-dreny na ho an'ny zaza ny fitondrana vohoka ivelan'ny fanambadiana .....	53
8.    Ny fitondrana vohoka ivelan'ny fanambadiana, indrindra raha tsy nirina dia matetika miafara amin'ny fanalan-jaza.....	53
9.    Miteraka fifandraisana hafa ankoatra ny fifandraisan'ny nofo ny firaiana ara-nofo. .54	
10.    Mitera-doza ara-moraly sy ara-panahy ny firaiana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana	
55	
<b>Inona no azo ambara mahakasika ny tokatranomaso?</b> .....	<b>55</b>
<b>Manàna fahasahiana</b> .....	<b>55</b>

<b>4 Fifamatorana eo amin'ny sehatry ny fanahy.....</b>	<b>57</b>
Nantsoina hivady amin'ny olona namantsika isika ary natao hikolokolo ny maha-mpinamana mandritra ny andro iainana .....	58
Mieritreritra aloha vao manao hetsika .....	60
Mianatra mifankahalala.....	62
Olona manana soatoavina amin'ny tena nef ahafe amin'ny tena no alaina vady.....	66
Soatoavina lehibe ho an'ny vehivavy: ny fahatsapana ho voaaro .....	68
Soatoavina lehibe ho an'ny lehilahy: voninahitra.....	71
Olona mahay zavatra maro alaina vady fa tsy olona mahay ny zavatra rehetra .....	75
Olona manana filàna mitovy amin'ny an'ny tena alaina vady. ....	75
Tokony ho eo ambany fifehezan'ny finamàna ny fandaharam-potoana sy ny resa-bola. ....	76
<b>5 Fifamatorana eo amin'ny sehatry ny fanahy.....</b>	<b>77</b>
"Agape": loharanon'ny fiombonana ara-panahy.....	77
Fiaraha-mientana eo anivon'ny asa fanompoana.....	79
Fiaraha-mientana amin'ny alalan'ny vavaka.....	79
Fiaraha-mientana eo amin'ny fahefana.....	80
"Faritra mena" na rehefa tandindonin-doza ny fiaraha-mientana.....	83
"Agape" : loharanom-pahatokiana.....	86
A. Ny lalan'ny famafazana sy fijinjana na mandeha araka ny Fanahy .....	86
B. Ny fiasan'ny maha-izy antsika (ny fanahy) .....	87
C. Aza misara-pandriana ianareo (vatana) .....	89
Agape, loharanon'ny fahatsaram-panahy sy famelan-keloka .....	89
Famitinana ny boky.....	91
Taratasy ho an'ny mpamaky.....	92
Fampahafantarana ny boky .....	93

## Savaranonando

Nangataka tamiko ny mpanoratra hanao ity Savaranonando ity. Raha ny marina dia ny fifandraisanay lalina sy naharitra amin'ny maha-mpinamana izay vita tombo-kase tamin'ny finoana iombonana sy ny antso no nanamarina ny faniriany. Nisalasala aho. Moa tsy efa marobe ve ny zavatra voasoratra mahakasika ny fitiavana sy ny fianan'ny mpivady? Fa inona kosa no vokany?

Saingy, hitako tamin'ny diam-penin'i Carlo Brugnoli fa toa mbola tsy nisy nanitsaka ilay zotra voafaritra tsara mahakasika ny fitiavana mitarika ho amin'ny fanambadiana. Tsy ahitana famerimberenana zavatra efa voalaza amin'ny teniny. Teny marina no ambarany, lazainy ny fahombiazana azo tsapain-tanana mahakasika ilay asam-pitiavana tsara loatra izay antony naharian' Andriamanitra antsika ho lahy sy vavy. Amin'ny alalan'ny teny voatenon'ny nofo sy ny ra no anoritsoritany ny fahasambarana azo tanterahina sy maharitra eo amin'ny fainan'olon-droa.

Mety heverina ho toy ny zavatra manokana ny dingana narahan'i Carlo sy Michèle Brugnoli teo amin'ny resaka fitiavana, izay naneho ho ohatra tamin'ny lafin-javatra maro. Marina fa ny fiorenan'izy ireo manokana amin'ny maha-kristiana nialoha ny fihaonany, ny antso itambaran'izy ireo ao anatin'ny fikelezan'aina ifampizarana tanteraka dia nandray anjara tamin'ny fananany tokantrano sambatra. Ilaina ve ny mampatsiaro fa ny tsy fahatanterahan'ny fanirian'izy ireo hanana taranaka dia vao maika nanosika azy ireo hitady fiombonam-pitiavana mizotra tsy mitsahatra ho amin'ny fahatanterahana.

Tsara ny anindriana izany. Na manao ahoana na manao ahoana ny toetra mampiavaka sy ny fomba nitaizana ireo izay ho mpivady dia miandany aminy hatrany ny tetik'asan'Andriamanitra.

Ny tontolo manodidina sy izay zavatra noeritreretina hitranga mahakasika ny fihaonako tamin'ilay tonga vadiko dia tsy azo ampitahaina mihitsy amin'ny an'i Carlo sy Michèle mivady.

Taorian'ny fifamofoana nandritra ny efatra taona, 59 taona nanambadiana notovonan'ny fananana zaza fito tamin'ny vady izay efa any amin'ny Tompo ankehitriny dia ambarako fa ity boky ity dia manambara ny fahamarinana tsotra izay tian'ny Baiboly ho fantatry ny rehetra. Ambarako fa ny fainan'olon-droa, voatenon'ny fitiavana maharitra sy tompon'andraikitra no sitrapon' Andriamanitra natao hoktsahina na dia ao anatin'ny tsy fahombiazana aza.

Manana antony tsy tambo isaina aho noho izany ny haniry mba hamakian'ny ray aman-dreny sy ny zananyadolantsento, ny tanora izay hanambara amin'ny namany mahakasika azy, na efa mifoha ny fitiavany na tsia ity boky ity.

Voasoratra fa tsy mofo ihany no iveloman'ny olona fa izay rehetra aloaky ny vavan'i Jehovah.<sup>1</sup> Ny mofon'ny fitiavana dia mandray anjara amin'ny andavan'androm-piainan'ny mpivady sy ny zanak'izy ireo. Ny taona tsy mitsahatra manampy tsiro azy.

Ny proteina avy amin'ny mofo tsara dia tao amin'ny masomboly aloha, avy eo tao amin'ny ravina sy ny tahan'ny varimbazaha. Maro anefa ny mpivady no misaraka, leon'ny hatsatson'ny lasopy vita tamin'ny vary tsy matoy.

Vary tsy matoy no sakafon'izy ireo isanandro satria tsy hain'izy ireo na tsy nekeny ny hiandry ny fotoana voafaritra hialan'ny proteina amin'ny ravina, avy eo amin'ny taho izay lasa maina sy tonga mololo mba hanome amboara matoy izay hanaovana mofo tsara.

Tian'Andriamanitra ho tiana sy ho maha-te-ho tia isika. Ny tenin'ny fahamarinany dia mifangaro amin'ny fomba lalina amin'ny mofon'ny fitiavana marina ifampizarana. Vitsy ny zavatra mampangetaheta noho ny fiainana mahavady.

Ny tsy fahombiazana izay mety hiseho dia mahatonga antsika ho liana amin'ny filàna hahalala na hiverina amin'ny fikasan'Andriamanitra. Ny fitiavana dia ianarana. Fito amby fitompolo im-pito, azo eritreretina tsara ny manovaova ny fomba fanoratra sy manao pratika ny fanoratana ny matoanteny amin'ny fomba marina. Gramera tena amporisihina amin'ny lafiny rehetra ity boky ity.

Nyon, novembre 1999. Maurice Ray, Mpitandrina, Mpanoratra ary Mpitory Filazantsara

---

<sup>1</sup> Deotoronomia 8.3

## Fampidirana

**“Tsy misy manakaiky ny lanitra mohoatra ny mpivady mifankatia ary tsy misy manakaiky ny helo noho ny mpivady mifanimba.”<sup>2</sup>**

Izao tontolo izao manontolo dia fehezin’ny lalàna fizika, moraly ary ara-panahy tena misy, izay mahakasika ny sehatra rehetra. Tsy afa-bela amin’izany ny fanambadiana. Ny fifandraisana feno tombontsoan’ny olon-droa mifankatia no ivon’ny planin’Andriamanitra, mpamorona sy mpitantana ny zavatra rehetra.

Ny mpivady tsy mahalala izany dia marefo toy ny sambo tsy misy familiana eny afovoan’ny ranomasina; azo heverina hiaina fotoana tena mamy izy ireo saingy tsy misy fiarovana na dia kely aza, miankindoha amin’ny izay mety ho fiovaovan’ny toetr’andro na sakana mety hiseho eny amin’ny lâlany. Tratran’ny tsy nampoizina sy nasafotofoton’ny tafiotran’ny fihetseham-po sy ny maha sarpatarina ny toetran’ny olombelona izy ka entin’ny onjan-drano amin’izay itiavany azy sady tsy mahalala izay tena antony, mpitazana tsy afaka manao na inona na inona manolona ireo andro tsara sy andro ratsy mandalo eo anoloany amin’ny tsy fahalalana. Noho ny finoany fa lalavon’ny fotoana, toerana ary kisendrasendra izy dia azo heverina ny hahatonga azy ho toy ny olona niharandzoa.

Raha maro no mihevitra ny fanambadiana ho toy izany, ny tanjon’ity boky ity dia ny haneho fa tsy ankitsapaka ny fanambadiana. Ny fiarahanonina misy antsika izay efa mivoana ihany koa dia maniry fatratra ny hahita marika mari-pototra. Ilay Andriamanitra nahary ny mpivady, izay nibaiko ny hitoerana ho mahatoky ary maniry ny hiainan’ny tsirairay fahasambarana dia mitady lehilahy sy vehivavy maneho amin’ny endrika faminaniana<sup>3</sup> ny fikasany: fijoroana ho vavolobelona velon’ny fanjakana mioriana amin’ny fitiavana.

Tsy natao ho fitsaboana<sup>4</sup> ity asa soratra ity, fa ho fisorohana. Tsy boky mahakasika ny fihainoana ho famahana olana izay manana tanjona ho fanasitrana ireo ratra maro mahakasika ny fisiana (na dia mino ny fahasoavan’Andriamanitra izay mamela heloka, manasitrana ary manarina aza aho), fa kosa boky natao hanoro hevitra mba hahombiazana na hivelarana amin’ny lafin-javatra saro-padin’ny fiainana dia ny fanambadiana.

Tahaka ny any amin’ny asako amin’ny ankapobeny dia nametraka izao fomba fiasa izao aho manoloana ity lohahevitra ity dia ny tsy hikasika ireo sehatra izay tsy fantattro na kely ny fahalalako mahakasika azy. Mety hiteny ianareo hoe

---

<sup>2</sup> Mpanoratra tsy fantatra.

<sup>3</sup> Voaloham-bokatra na modely mifanaraka amin’ny planin’Andriamanitra ny amin’ny mpivady.

<sup>4</sup> Ny boky nosoratan’ny vadiko mitondra ny lohateny hoe « Ahoana no hahatonga anao ho naman’ny vadinao » dia fitsaboana kokoa.

zavatra mandeha ho azy izany; saingy izany no antony tsy namelabelarako mahakasika ny resaka aretina azo avy amin'ny firaisansana ara-nofo, ny fanabeazan'aizana na ihany koa ny fisarahana sy ny fanambadiana aorian'ny fisarahana<sup>5</sup>, zavatra izay ivelan'ny lohahevitra izay resahana ato. Antenaiko fa tsy diso fanantenana ianao ary hahita izay tadiavinao any amin'ny fivarotamboky ireo boky izay mamebelatrala ireo taranja ireo izay nosoratan'ny mpanoratra nohosoran'Andriamanitra manokana ho amin'izany.

Eo am-panoratana ireo andalana ireo dia napetraka manoloana safidy tena tena sarotra aho: na manakaiky kokoa izay mety amin'ny rehetra, na hanambara aminao ny fahamarinana. Mety handratra izy indraindry ary sarotra iainana, saingy mitondra fahafahana sy fahafenoana. Ilay fomba fiasa voalohany ekena fa mety hanetsika mpivady kristiana, saingy tsy hanana tsiro mampiavaka azy; ilay faharoa, izay niantefan'ny safidiko (izay mety hanelingelina) dia fototry ny fiarahamonina tsara lavitra satria ahitana ny tsiron'ny tokantrano sy ankohonana miorina tsara sy mampirapiratra. Faniranao ve ny hanandrana dia lavitrezaka feno fanamby? Afatory ary ny fehikibonao, roso isika!

---

<sup>5</sup> Na ny resaka vodiondry sy ny fomba mampiavaka firenena iray.

# Fizarana voalohany

## 1 Ny fanalahidin'ny fahasambarana

Fantatrao ve in-enina miverina tamin'ny alalan'ny teny naloakan'ny vavan'i Jesosy io fanalahidy io? Matoa ny teny iray naverimberina im-betsaka toy izany dia tena manan-danja loatra izy. Azo fintininina amin'ny fehezan-teny iray io fanalahidy io manao hoe: "Izay te-hamonijy ny ainy no hamery azy; fa izay mamery ny ainy noho ny amiko dia hahita ny tena fainana."<sup>6</sup> Voalaza ary naseho tamin'ny fomba hafa ity fisainana ity any amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly: "Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray."<sup>7</sup>

Tsaroanao ve ity tantara manaraka ity? Nipetraka teo ambony latabatra nandritra ny fety iray ny vahoaka maro, saingy lava loatra ny sotro ka tsy nisy afaka nampiditra zavatra tany am-bavany; sento sy fahasorenana no betsaka. Tao amin'ny efitra ilany kosa, izay feno olona nasaina ihany koa ary ny latabatra rakotra sakafotsy mitovy ihany saingy feno hehy sy fifaliana ny fiarahana, na dia sotro lava be ihany koa aza no nampiasaina, satria samy nampiasa izany hamahanana ny hafa ny tsirairay...

Eo am-pisaintsainana izany tantara izany isika dia afaka ny hahatakatra fitsipika mahavarana, eny mety hanafitohina ho an'ny sasany aza, nefo marina: zava-doza ny mivady raha ny ho sambatra no antony hanambadiana. Fa nahoana ary? Voalohany, satria tokony ho sambatra sy hivelatra isika alohan'ny fanambadiana. Jesosy tsy nampanantena fainana be dia be ho an'ny mpianatra manambady, fa kosa ho an'izay rehetra azy<sup>8</sup>. Raha ny amin'i Isaia mpaminany indray dia tsy manambara fahasambarana toy ny "ony" sy fiadanana toy ny "onjan-dranomasina" miankina amin'ny maha-mpitovo na maha-manambady izy, fa kosa amin'ny fankatoavana ny Mpahary ireny ihany.<sup>9</sup>

Faharoa, ary eto no teboka fototra ho antsika, satria ny fitiavana tena izy dia manome. Andriamanitra dia fitiavana; **nitia** Izy ary **nanome**...ary nohariana araka ny endriny isika.<sup>10</sup> Tsy fihetseham-po fotsiny ihany ny fitiavana fa safidy ihany koa: mikatsaka ny tsara indrindra ho an'ny hafa. Na ny zatovo lahy feno fahasorena ka mitsiriritra zatovo vavy amin'ny fieritreretana hoe: "mila alaiko vady iny satria hanome fahasambarana ho ahy", na ny zatovo vavy tojo zatovolahy iray ka miteny hoe : "raha mba lasa vadiko iny dia hanome fahasambarana ahy" dia samy diso kajy avokoa. Izany no mahatonga ny hoe

<sup>6</sup> Matio 10.39, 16.25, Marka 8.34-35, Lioka 9.24, 17.33, Jaona 12.25

<sup>7</sup> Asan'ny Apostoly 20.35

<sup>8</sup> Jaona 10.10

<sup>9</sup> Isaia 48.18

<sup>10</sup> Araka ny 1 Jaona 4.8, Jaona 3.16, Genesisy 1.27

vao tsy tapitra akory ny volan-tantelin'ny mpivady sasany dia efa miseho ny pitikafo tsy azo ialana vokatry ny fiarahan'ny olona tia tena roa.

Raha tsy nyahasambatra ary no hanambadiana, inona no antony hirosoana amin'izany? Raha ny fijerin'Andriamanitra, ny antony voalohany hidirana ao amin'ny fanambadiana dia ny fahavononana hanao izay hasasambatra ny ankilany. Raha manao izany ve isika dia lasa mihena ny fitiavana na mihena ny fahasambarana? Mazava ho azy fa tsia, fa kosa mandray fanapahan-kevitra feno fahasahiana isika hanontona izay ananantsika: ny tena fitiavana dia manolotra ary ao amin'izany fanomezana izany no andraisany ny fahafenoan'ny fahalehibeazany. "Raha eo imasonry dia toy ny efa mahita soa aho"<sup>11</sup> hoy ny hiran'ilay Maherifon'ny Tononkiran'i Solomona mahakasika ny malalany.

Raha miteny mahakasika ny fofombadiny ny zatovo vavy iray manao hoe: "fantatro fa tia ahy izy", ny tiany hambara dia ny hoe : "fantatro fa mikatsaka izay hasasambatra ahy izy". Moa ve tsy mahonena raha toy izao no ao an-tsainy: "fantatro fa te-hosambatra izy ka izany no iarahany amiko."?

**Namboarina hikatsaka ny fahasambaran'ny hafa sy ny fahasambaran' Andriamanitra isika.** Ambaran'ny Baiboly fa izay tsy mitady afa-tsy ny fahasambaran'ny tenany samirery, na mandritra ny 10 minitra, na 10 taona, na mandritra ny androm-piainany dia tsy hahita izany. Azo atao ny mividy fahafinaretana, fa ny fahasambarana kosa tsy mety afa-tsy omena sy raisina. Na dia mahery aza ny fakam-panahy dia tsy noforonina hanao ho lohalaharana ny fitadiavana ny fahasambarantsika samirery isika. Toy izao no fomba nilazan'olona iray azy: "Ny fahasambarana ihany no zavatra tokana tavela amintsika amin'ny fotoana izay anomezantsika azy ny hafa." Raha omeko olona ny famataranandroko na ny kiraroko dia esorina amiko ilay izy; fa raha manao izay hasasambatra olona iray aho dia sambatra.

Isan'ny famaritana ny fahamatorana ny tsy fisian'ny fitiavan-tena. Tsaroako fa nandritra ny fahazazako dia nizara sôkôla ho ahy sy ny anabaviko ny mamanay indraindray. Nandritra ny taona maro dia nihevitra aho fa tsy tia sôkôla izy, mandra-pahafantarako fa matetika dia izy no tsy mihinana noho ny fitiavany anay...

Ny fotora iorenan'ny fanambadiana dia tsy fihetseham-po manome fahafaham-po ho an'ny tena manokana amin'ny fomba feno fitiavan-tena, fa kosa safidy mazava: maniry ny tsara indrindra ho an'izay ho vady. Rehefa tafapetraka izay fotora izay, andeha hojerentsika ankehitriny ilay fanontaniana mila valiny: ahoana no isafidianana izay ho vady?

---

<sup>11</sup> Tononkiran'i Solomona 8.10

## Fizarana faharaoa

### 2 Ahoana no fisafidianana izay ho vady

Miresaka mahakasika ity lohahevitra ity ny fijoroana vavolombelona ao amin'ny bokiko voalohany mitondra ny lohateny hoe "Une vie en couleur"<sup>12</sup> Tehampahatsiaro teboka vitsivitsy aho eto mba hahafahana manatsoaka ireo fitsipika izay tena nanampy anay mivady:

Nandritra ny dia roa voalohany nataoko tany Afrika, ny voalohany nandritra ny telo volana ary ny manaraka 15, dia tsy nahataitra ahy loatra ny resaka fanambadiana. *Teo ho eo amin'ny 22 taona teo aho ary noveriko fa mila miaina ho an'i Kristy araka izay azo atao aho.* Niteny tamiko manokana ny andininy ao amin'ny Baiboly izay iresahan'i Paoly mahakasika ny antsony tsy hanambady. Noraisiko ho ahy ny teny filamatrany manao hoe: "tonga zavatra rehetra aho amin'ny olona rehetra, mba hamonjeko ny sasany na iza na iza."<sup>13</sup> Izany ary izany hatrany no tanjona notadiaviko harahina teo amin'ny fainako. Ny vavaka nataoko mahakasika ny fanambadiana dia azo fintinina toy izao: "Tompo o! Raha ny maha-mpitovo no ahafahako hitondra na dia olona iray aza ao amin'ny fanjakanao dia te-hijanona ho mpitovo aho; fa raha tsy izany, avelao aho hanambady." Fotoana fohy taorian'izay, nandritra ny fotoana nialana sasatra dia nihaona tamin'ny lahy antitra mpitoky Filazantsara teo amoron'ny dobo filomanosana iray aho izay efa nandray ahy tany aminy matetitetika. Tsy nisy fampidirana akory fa tonga dia niteny tamiko izy hoe: "Hono hoy aho ry Carlo, mbola tsy manambady ihany angaha ianao? Tsy fantatrao angaha fa ny "iray" afaka mandresy zato, ary ny roa "iray alina?" Na dia tsy azony an-tsaina aza dia nitondra valiny mety amin'ny olona rehetra fa manokana tamin'ny fanontaniana napetrako izy. Nanome ahy fanazavana izay nanambara ny fampitomboankery<sup>14</sup> avy amin'ny fikambanana araka an'Andriamanitra izy.

Rehefa niverina tany amin'ny firenko aho dia nifandinika ny mpiandraikitra mba hijery raha efa tonga ny fotoana hampiandraiketana ahy ny ekipa mpitoky Filazantsara any amin'ny faritr'i Eropa miteny frantsay na tsia. Teo am-pivavahana izy ireo dia nandray lahatsoratra somary nahatalanjona nanao hoe: "Koa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, **manam-bady tokana, mahonon-tena, hendry...**"<sup>15</sup> Rehefa nampahantarina izany aho dia navaliko azy ireo fa azo antoka fa resaka fampirafesana no tian'i Paoly hambara satria

<sup>12</sup> Jereo ny fizarana fahadimy. Nivoaka in-dray mandeha ny boky tamin'ny lohateny hoe "Sur ta parole, je jetterai le filet"

<sup>13</sup> 1 Korintiana 9.19-23

<sup>14</sup> Fampitomboana hery ho fanatrarana tanjona

<sup>15</sup> 1 Timoty 3.2

*izy tenany aza tsy nanambady. Izy ireo anefa nanana fisainana fa Andriamanitra efa nanomana ho ahy “mpanampy toy ny mpiara-miasa” izay hanohana ahy amin’ny andraikitra miandry ahy. Toa nihamari-pototra ny lalan-kizorana mahakasika ny maha-mpitovo sy ny fanambadiana.*

*Fa ahoana kosa ary no hahalalana izay nomanin’ny Tompo ho ahy? Tamin’izay fotoana izay dia nahatanteraka zavatra mazava sy tena iankian-javatra goavana aho: ilay ho vadiko, na dia tsy nisy fomba nahalalako na dia kely akory aza hoe iza moa izy na aiza moa izy, dia nonina tany amin’ny toerana iray ao anatin’ny planeta ary fantatr’Andriamanitra tsara izy. Izy ihany koa any aminy any dia nanana ny fanontaniany, ny fanantenany, ny safidy mila ataony ary tsy maintsy nitantana ireo zavatra tsy tambo isaina mahakasika ny fisiana izay azoko entina eo anatrehan’ny Tompo amin’ny alalan’ny vavaka. Samy nomaniny tany amin’izay nisy anay avy izahay tamin’ny fanomezana anay fahafahana hitombo amin’ny fahamatorana, mandra-piandry ilay fotoana hihaoananay amin’ny ho avy.*

*Fa izay tena niaro ahy tamin’ny fahadisoana goavana sy tsy ho diso lalana ary tamin’ny lalana tsy misy lalan-kivoahana dia fitsipika iray tena tsotra. **Noharina ho nofo, saina ary fanahy** isika. Noho izany, mba hiorenan’ny tokatrano sy hivelarany dia mila miaina fifanekena misy lafiny telo izy. Azoko fa ao amin’ny planin’ny Mpahary, ny lehilahy sy vehivavy izay mikasa hitambatra mandritra ny androm-piaiany dia tsy maintsy misy zavatra ankositrahany, ankamamiany, iriany eo amin’ny lafiny ara-batan’ny andaniny sy ny ankilany. Saingy tsy ampy ary tsy afaka mandeha irery io zava-misy mahafinaritra io, satria tsy maneho afa-tsy ny fifamatoran’ny fanambadiana eo lafiny vatana fotsiny ihany izy.*

*Amin’ny lafiny faharoa dia tsy maintsy ho mpinamana akaiky indrindra eto amin’izao tontolo izao izy ireo, tsy aloha ihany fa indrindra indrindra aorian’ny mariazy. Hifameno amin’ny fomba mirindra izy ireo amin’ny lafiny ara-tsaina mahakasika ny tanjona kendrena, mahakasika ny fomba fisainana sy fahatsapan-javatra. Tena tsara raha afaka miara-mihomehy sy miara mitomany izy ireo, miala-voly sy mianatra, miara-mientanentana sy miara-miasa am-pahafinaretana. Ity fifamatorana eo amin’ny lafiny saina ity no fifamatorana faharoa momba ny fanambadiana.*

*Farany, eo amin’ny lafiny ara-panahy, ny mpivady araka an’Andriamanitra dia mifameno amin’ny antsony, fiantsoana azy, ny seham-panompoany ary ny fanomezam-pahasoavany. Hitako ao anatin’izany ilay mahazaka telo olana izay tsy mora tapaka araka ny anambaran’ny Mpitoriteny azy<sup>16</sup>.*

---

<sup>16</sup> Mpitoriteny 4.12

*Io no raisiko marika, toy ny “fil à plomb” ho an’ny mpanao trano, nandritra ny taona maro niandrasana.*

*Nanatona ny fotoam-pialan-tsasatra sy ny asa fanompoana tany Avignon; nanao vavaka ho ahy manokana aho nanao hoe: “Tompo o! Mangataka Aminao aho mba hapetrakao amin’ny vondrom-bavaka iray izaho sy izay ho vadiko.” Nitony haingana ny fientantantanako rehefa fantatro fa tsy isan’ireo tao amin’ny vondrona aho fa mpiandraikitra vondrona, midika izany fa natao hanara-maso vondrom-bavaka enina samihafa aho. Tsy olana izany hoy aho, mety tsy avy amin’ny fitarihan’Andriamanitra angamba iny vavaka nataoko iny.*

*Ny volana septambra dia tany amin’ny kaonferansa fanaon’ny mpiasa eo anivon’ny Tanora Mpanefa Iraka isan-taona aho, dia mbola nanao vavaka toa feno fahasahiana ihany koa aho nanao hoe : “Tompo o! raha ato izay ho vadiko dia asehoy ahy izy!” 120 izahay tamin’izay...Nanapakevitra ny handeha hitsangatsangana tany anaty ala tsy dia alavitra aho hanohy ny fifampiresahako. Teo am-pidinana ny tohatra mihazo ny tokontany aho dia niarahaba an’i Michèle Yapoudjian, fisehoan-javatra toa tsy naharototra akory satria efa niaraka nanao dia nandritra ny roa volana tany Afrika izahay. Saingy tsy afaka tao an-tsaiko ny endriny raha nanomboka nivavaka aho. Andriamanitra o! Resy lahatra aho androany, raha nahatsirao ny fanoloran-tena tanterak’i Michèle amin’ny fitoriana ny Filazantsara, ny fifaliany mampita hafatra ary ny hafanam-pony amin’ny vavaka. Nazava tamiko fa ho namana izy, ho namako. Tampotapoka toe dia raiki-pitia taminy aho, raha tsy noheritreretiko ho tanteraka akory izany! Tampoka teo dia tonga tovovavy tsara tarehy indrindra manerana izao tontolo izao izy! Sambany aho no nahatsapa ilay “mahazaka telo olana”. Efa nieritreritra tovovavy hafa aho, saingy tsy ampy iray na roa ilay mahazaka. Nisy antsimpirihan-javatra niseho tany Avignon niverina tao amin’ny fitadiako: Iray amin’ireo mpitarika vondrom-bavaka 6 izay niandraiketako i Michèle; Noho izany dia nifanerasera matetika taminy aho! Azo heverina fa mbola tsy tonga ny fotoanan’Andriamanitra tamin’izay. Saingy tamin’io faha 22 septambra 1979 io dia tsy nandeha intsony aho fa toa nanidina! Ny fitsipika anaty mifehy misionanay dia mandrara ahy tsy hiresaka avy hatrany, indrindra amin’i Michèle. Tena fitsapana mafy ho ahy izany! Nanokana ora maro aho hivawahana samirery ny amin’ny ho avy. Fantatro fa hiala ao amin’ny Tanora Mpanefa Iraka izy ary hiverina amin’ny asany amin’ny maha mpiasa ara-tsosialy azy tany amin’ny faritra manodidina an’i Paris. Rahoviana indray izy no ho hitako?*

*Nangataka fampaherezana tamin’ny Tompo aho. Tamin’ny sakafao farany niarahanay dia nozarazaraina tamina latabatra 20 izahay. Niara-nipetraka tamin’ny namana iray efa nandritra ny fotoana ela aho. Mbola tsy nisy nipetraka ny seza teo ankavanako. Nisy nandray fitenenana ka niteny hoe: “Nomaniko ho*

*an'i Michèle ity toerana ity, tsy nahita azy aho nandritra ny faran'ny herinandro manontolo." Saingy tsy hita mihitsy Michèle. Taorian'ny vavaka dia iny izy niditra ny efitrano fisakafoanana...ary tsy nisalasala ilay namany nanatsika azy hanoro azy ny **toerany**. Nanomboka nidobodoboka mafy ny foko. Tsy nahinan-kanina aho! Na izany aza dia afaka nanipy resaka taminy aho, toy izay tokony hataon'ny mpitarika mahomby amin'ny mpiara-miasa aminy teo aloha. Notsorin'i Michèle avy eo fa tena noana mafy izy, saingy tsy sahy nanampy izy nanoloana ity zazalahy manao fihinana tsotsotra! Teo anelanelan'izay dia efa nizara tamin'ny mpiandraikitra ahy ny zava-misy aho ary nampanantena izy ireo ny hivavaka mahakasika izany amin'ny andro ho avy; saingy hatreto dia nijanona ho tsiambaratelo ny raharaha. Inona anefa no mety ho eritreretin'izy ireo mahita anay nifanila toerana nandritra ny sakafo? Lasa Michèle ary tsy afaka nanao veloma azy akory aho. Izy koa ve moa ho afaka hanao veloma olona 120...Dimy andro taty aoriana dia nilaza tamiko ny mpiandraikitra ahy fa manam-piadanana izy ireo rehefa mieritreritra ilay fikasana. Saingy nihevitra izy ireo fa tsy tokony hitondra fiatraikany amin'ny fiverenan'i Michèle handray ny asany indray izany. Nangataka taminy izy ireo ny hiandry kely alohan'ny hanoratana aminy...*

Raha tianao ny hahalala mahakasika io taratasy voalohany nifandraisany io dia azonao atao malalaka ny mijery ny pejy faha 66 ka hatramin'ny faha 68 amin'ilay boky voalaza tetsy ambony.

Andeha horaisintsika ireo dingana ireo mba hahatakarantsika ireo fitsipika izay voarakitra ao aminy mba hahafahantsika manao safidy tsara:

## **Inona no hery manosika anao eo amin'ny fiainanao?**

"Ary miravoravoa amin'i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao."<sup>17</sup>

Ny filana ny torohevitr'Andriamanitra mba hahombiazan'ny fanambadiana dia midika ho fametrahana Azy alohan'ny fanambadiana. Fepetra henjana ary tena sarotra tanterahina izany ho an'ireo izay mijery an'Andriamanitra ho toy ny lozabe, mahasosotra, mahasorena, taraiky be, be lolom-po sy mpanaraka fombafombam-pivavahana. Saingy tombontsoa mihoam-pampana ho an'ireo izay mahalala fa feno fahatsarana Andriamanitra, tena tia Izy, manao hetsika azo tsapain-tanana Izy, mailamailaka, mahay mamoron-javatra ary ara-panahy.

"Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany."<sup>18</sup>

---

<sup>17</sup> Salamo 37.4

<sup>18</sup> Matio 6.33

“Raha misy manaraka Ahy ka tsy mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny zanany sy ny rahalahiny sy ny anabaviny, eny, ary ny ainy koa aza, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy.”<sup>19</sup>

Ny môlekiola tsirairay mandrafitra ny maha-izy antsika dia noforonina sy hazonin’lley nanamboatra azy. Fantany amin’ny antsipirihany faran’izay madinika indrindra isika. Azony tsara ny antsipirihany rehetra sy ny fisehoan-javatra mahakasika ny safidintsika rehetra. Fantany ny fomba fiasan’ny maha-izy antsika sy ny toetrantsika. Ny fiara izay mandray fikarakarana manokana avy amin’ilay namorona azy, na ny ôordinatera izay tantanin’ilay namolavola azy dia ho fitaovana manana tombony manokana; toy izay koa no miseho amin’ireo izay manatona ny Mpahary azy mba handray tolon-tsaina avy aminy. Ny hoe “Ampianaro aho hiaina” dia vavaka tsara indrindra raha toa ka miantefa any amin’ny Raïntsika. Fa raha tsy mila ny tolo-tsainy kosa isika dia avela hanao izay danin’ny saina.

Tsy maintsy mihoatra noho ny fitiavantsika ny fanambadiana ny fitiavantsika an’Andriamanitra. Ny mampiavaka ny olona araka ny nofo dia ny fiankohofany amin’ny voaary amin’ny toeran’ny Mpahary. Ny fanambadiana dia faharian’Andriamanitra; mba hahafahany mitarika sy mitahy azy dia tsy tokony ho lasa zavatra nataeo hiankohofana izy.

## Mpitovo sa manambady?

Jesosy amin’ny maha-Andriamanitra feno sy maha-**olombelona feno** Azy dia nanaiky ny toerana maha-mpitovo Azy. Moa ve tsy nahatsapa fivelarana Izy tamin’izany? Moa ve Izy “singa tsy feno mivezivezy” mitady ilay silam-panahiny? Nametraka fepetra tamin’ny Rainy ve izy ny mba hanambadiany alohan’ny hidirany ao amin’ny seham-panompoany? Nahatsiaro tena ho nanan-kilema ve izy tamin’ny iraka nataony nanoloana ireo mpaminany nanambady? Fantany fa ny planin’Andriamanitra dia nanomana ny tsara lavitra ho Azy: fifanekena mandrakizay miaraka amin’ny olon’Andriamanitra tsy misy ankanavaka.

Namaly ny mpianany izay nanontany Azy ny amin’ny maha-mpitovo Izy: misy antony maro ny mahatonga ny olona tsy hanambady: “fa misy ionoka, izay teraka ionoka hatrany an-kibon-dreniny; ary misy ionoka, izay nataon’ny olona ionoka; ary misy ionoka, izay nanao ny tenany ionoka noho ny fanjakan’ny lanitra.”<sup>20</sup> Raha ny hanambady no lalana mahazatra ho an’ny mpianatra dia tsy azo ahilika ihany koa ny maha-mpitovo. Ny fangatahana amin’Andriamanitra ny amin’ny safidy mahakasika fiainanao dia fanananao antoka ny hiditra amin’ny

<sup>19</sup> Lioka 14.26

<sup>20</sup> Matio 19.12

tsara indrindra. Fametrahana fototra azo antoka izany noho ny fisafidianana samirery ny hanambady (na hijanona ho mpitovo) ary mangataka Aminy ny hitahy ny safidinao avy eo.

Raha niresaka mahakasika ny maha-mpitovo Paoly dia toy izao no nosoratany: "Fa tiako ho tahaka ahy ny olona rehetra; kanefa samy manana izay fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra azy avy, ka ny anankiray toy izao ary ny anankiray toy izao kosa."<sup>21</sup>

Amin'ireo andininy roa ireo, ny konteksta dia manindry ny maha fanomezana ny fahafahana manambady, tahaka ny fijanonana ho mpitovo ihany koa. Ny fanekena hilefitra mialoha ny fahalalana ny fanomezana noraisina no fihetsika mety indrindra tsara arahina sy tazonina: Ny fahavononana hijanona ho mpitovo no fiomanana tsara indrindra ho amin'ny fanambadiana, ny fahavononana hivady no fiomanana tsara indrindra hijanona ho mpitovo! Tompo o! asehoy ahy ny fanomezana noraisiko. Raha noheverina matetika ho toy ny zavatra mitoetra maharitra ny maha-mpitovo dia azo iainana ho toy ny vanim-potoana, na dingana, na fiomanana ihany koa izy matetika. Izany indrindra no mitarika antsika ho amin'ny teboka manaraka.

## Inona no fotoana mety hanombohana ny fiarahan'olon-droa?

Ny valintenin'ny Baiboly amin'ity fanontaniana ity tsy miresaka taona fa mahakasika ny toe-po. Ny fainana amin'ny fahafenoany sy am-paharanitan-tsaina ny taona maro mifandimby maha-mpitovo no fomba mety indrindra hiomanana amin'ny fiarahan'olon-droa feno fahasambarana.

Mitaky fotoana sy hery goavana ny fiarahan'olon-droa. Na ny sarimihetsika, na ny boky, na ny dokam-barotra, na ny kilalao mandeha amin'ny fahitalavitra, na ny namana eny indraindray ny mpitandrina sy ray aman-drenitsika dia miombom-peo miteny amintsika hoe: ara-dalana ny fananana namana. Saingy ny fahitana olona iarahana, ny fiarohana aminy, ny fifamaliana aminy, ny fisarahana aminy, ary avy eo mitady hafa indray, dia miaraka indray dia mifamaly, sns., dia sady lalana tsy voatery hizorana no tsy lalana manabe, fa sady mandreraka, no mahasorena, no mandratra. Ny ratra sasantsasany tsy mitondra fanamboarana akory fa mamela fery lalina izay an-taonany maro vao mety ho sitrana, eny mety tsy ho sitrana mihitsy aza. Vao maika sarotra no miala amin'ireo zotra voalaza ireo raha tsy raharohana na raisina ho toy ny fiahiahiana ireo torhevitra samihafa natao. Tsaroako ireo alim-pandihizana

---

<sup>21</sup> 1 Korintiana 7.7

fanao amin'ny faran'ny taom-pianarana, ireo izay tsy nahita vehivavy iarohana taorian'ny dihy naharitra adiny iray dia zary niakin-drindrina irey.

Firifiry moa ireo izay efa manambady ankehitriny no mahatsiaro ireo taona maro nolanolaniana tsy amin'antony tamin'ny fiarahana feno olana, feno fahadisoam-panantenana, feno fisalasalana tsy misy fiafarany, narahina fisarahana mangidy mandra-piditra amin'ny fifandraisana feno fahasambarana. Ezahina hamarinina ho toy ny fotoana fakana traikefa na koa dingan'ny fahamatorana ireny vanim-potoana ireny, saingy tsy nilaina akory ny niaretana tamin'ireny.

Ity misy andininy avy amin'ny Soratra Masina izay iresahan'i Paoly mahakasika izany: "Fa tiako tsy ho maro ahina ianareo. Izay tsy manam-bady dia miahny an'ny Tompo mba hahafaly ny Tompo. Fa izay manam-bady kosa miahny an'izao fainana izao mba hahafaly ny vavy. Ary tsy mitovy koa ny vehivavy manam-bady sy ny virijina. Ny vehivavy tsy manam-bady mitandrina ny an'ny Tompo, mba ho samy masina avokoa ny tenany sy ny fanahiny; fa izay manam-bady kosa dia mitandrina ny an'izao fainana izao mba hahafaly ny lahy. Ary miteny izany aho mbaahasoa anareo, fa tsy haningotra anareo amin'ny tadvavarana, fa mba hanaovanareo izay miendrika sy hitoeranareo tsara amin'ny Tompo, ka tsy hivizezen'ny sainareo."<sup>22</sup>

Misy fotoanany avokoa noho izany ny zavatra rehetra; eny na ho an'ireo izay nantsoina hanambady aza (izay manome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanambadiana), ny vanimpotoana maha-mpitovo dia asehon'ny Soratra Masina ho fotoana tena sarobidy loatra hitomboana ao amin'i Kristy. Ilay hery Maherivaika vonona hampiasaina ao anatinao dia miseho amin'ny endrika maro sady tena ilaina amin'ny zavatra maro toy ny fanokanana fotoana hianarana tenim-pirenena, fifehezana zavatra manokana na fakana diploma, fanaovana iraka, fiaraha-miasa, fahazoan-dalana hanofana, fizaran'asa, fanaovana asa an-tsitrano, fanatanjahantena, fanaovana dia hijerena toerana vaovao, izany rehetra izany azonao atao amin-kalalahana tanteraka sy miaraka amin'ny fepetra feno izay hanjavona toy ny tsy misy afaka taona vitsivitsy. Ny fanarahana ny fitarihan'Andriamanitra amin'ireo dingana ireo dia ho loharano mitondra fahafaham-po tsy azonao vinavinaina. Tsy vitan'izany fa matetika dia ao amin'ny sehatra izay nifaneraseranao taman'olona no ahitana ilay ho vady. Tena azo eritreretina ny hihaonan'ny zatovolahy sy zatovovavy izay samy nahazo tsara ny maha-zava-dehibe ireo taona maro na ha-mpitovo sy niaina izany tamin'ny fahafenoany amin'ireny sehatra ireny. Tena azo eritreretina ihany koa ny hihaonan'ny zatovolahy sy zatovovavy izay nandany ny androny tany

---

<sup>22</sup> 1 Korintiana 7.32.35

amin'ny toeram-pisotroana sy toeram-pandihizana ary nifindrafindra olona irahana.

Tsy mahagaga raha naverina in-telo ao amin'ny Tononkiran'i Solomona, ilay boky maneho ny fitiavana amin'ny endrika tonon-kira ny teny hoe: "Mampianiana<sup>23</sup> anareo aho: **Aza manaitra na mamoha** ny fitiavana raha tsy efa sitrapony."<sup>24</sup>

Rehefa tsindrian-daona ny amin'ny dia hatao isika ka manao famoha-mandry amin'ny 4 ora maraina, ny zavatra mety hiseho dia na isika mifoha im-polo alohan'ny ora, na isika matory tsara tsy misy ahiahy mandra-panenon'ny famoha-mandry. Iza amin'ireo no tianao? Ho ahy manokana dia aleoko tsara mandry dia avy eo mifoha amin'ny fahalalana fa manomboka ilay fotoana nandrasana. Amin'izay fotoana izay dia tena hahafinaritra ny dia. Toy izany ihany koa amin'ny fanambadiana, sorohy ireo fifohazana tsy amin'ny fotoany izay mandreraka sy mampihena ny fientanentanana rehefa tonga ilay fotoana tena hiaingana.

## Ny andraikitra telon'ny vavaka

### A. *Fanomanana ho amin'ny safidy tsara*

Tamin'ny fotoana nahatongavan'i Rebeka ilay ho vadiny dia nieritreritra tany an-tsaha Isaka.<sup>25</sup> Na dia tena samy hafa tanteraka amin'ny fomba ankehitriny eo amin'ny lafiny ara-kolontsaina aza ity fanambadiana ity dia tena faran'izay tsara fanomanana. Hita taratratra izany amin'ny finiavan'i Abrahama rainy, ny dia nahitam-pahombiazana nataon'i Eleazera mpanompony, ny fihaonana tamin'ilay ho rafozana ary farany ny faneken'ilay zatovo vavy ny fidirany'ny Fanahin'Andriamanitra an-tsehatra tamin'ny fomba mahery vaika. Azo heverina fa ny fieritreretana, na ny fisaintsainana fanaon'i Isaka no iray amin'ireo antony, na ny antony lehibe indrindra nampahomby ny fanomanana. Ilay fifampiresahany tamin'Andriamanitra izay loharanon'ny fahamasahhana<sup>26</sup> sy fiovana no fanomanana tsara indrindra ho amin'ny safidy tsara<sup>27</sup>. Raha tsy nanao izany izy dia azo antoka fa efa nanambady vehivavy araka izay nahafalifaly ny fony, tahaka an'i Esao zanany taona vitsivitsy taty aorianana.<sup>28</sup>

<sup>23</sup> Ny dikan-teny sasany manao hoe "miangavy mafy" (diem)

<sup>24</sup> Tononkiran'i Solomona 2.7, 3.5, 8.4 ; naverina in-droa avy ny famporishana amin'ireo andininy ireo.

<sup>25</sup> Genesisy 24.63

<sup>26</sup> 2 Korintiana 3.18

<sup>27</sup> Tsy maka ny toeran'ny finamana izay tokony hiorina velively io fototra io. Ny tantaran'ny Baiboly mahakasika ireto mpivady ireto dia mampatsiahy antsika ny amin'izany.

<sup>28</sup> Genesisy 27.26 sy 28.6-9

Alohan'ny hanombohana ny fiarahana, ny mpianatr'i Kristy rehetra dia mila mametraka fanontaniana roa tena manan-danja:

1. Vonona ny hanao ny sitrapon'Andriamanitra ve aho ao amin'ny sehatra<sup>29</sup> izay nomanin'ny ho ahy?
2. Vonona ve aho ny hametraka ny fahatokiako aminy amin'ny fitarihana lalana ahy ho amin'ny vady izay nomanin'ny ho ahy mba hiainako fiombonan-kery aminy amin'ny fanompoana Azy?

Ny ankamaroan'ny safidy feno fahasahiana sy tsy misy fisalasalana dia atao ao amin'io fotoana io. Rehefa mivady, manana tokantrano sy trano onenana, mandray karama, miaraka amin'ny zaza voalohany dia sarotra kokoa ny eritreritra hanova ny zotra harahina. **Vao maika tena sarotra izany raha toa ka tsy nanolotena tanteraka ho an'i Kristy ny iray.** Mifamatotra akaiky sady tafiditra ao amin'ny planin'Andriamanitra ny fanambadiana sy ny sehatra hiasana, na dia miseho amin'ny endrika maro tsy voatanisa aza.

Ny mpivady izay ifandroritan'ny andriamanitr'izao tontolo izao sy ny Fanahy Masina dia mivonona hiaina fainana matroka, indrindra moa fa "Tsy misy olona mahay manompo tombo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny."<sup>30</sup>

Ny tanjon'ny mpianatra rehetra dia tsy ny hiaina ny **sitrapo navelan'Andriamanitra hotanteraka**<sup>31</sup>, fa hiaina ny **tena sitrapony** marina tokoa.

Maro no mihevitra ankehitriny fa ny anjaran'Andriamanitra dia ny mitahy izay natambatr'olombelona (oho ny hatsaram-pony sy ny fandeferany dia manao izany tokoa Izy...)! Saingy ny fampianaran'i Jesosy kosa dia hafa noho izany: "Izay nampiraisin'Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona."<sup>32</sup>

Na izany aza anefa, hoy ny olona sasany, tsy misy afa-tsy olona iray ihany ve no nomanin'Andriamanitra ho ahy eto an-tany? Ranomainty maro no lany mahakasika ity fanontaniana ity ary mety niteraka ady hevitra mafana ihany koa. Heveriko fa tsy mahafa-po ny faharesen-dahatra manizingizina hevitra tokana. Etsy an-daniny, azo antoka fa llay mahalala ny isan'ny volon-dohantsika dia manana sitrapo faratapony sy tanteraka ho antsika tsirairay. Ny fanambadiana dia sady tsy zavatra tsy laharam-pahamehana no tsy ilaina tsy akory; manana

<sup>29</sup> Araka ny Hebreo 12.1 izay mandrisika antsika hanana faharetana ao amin'ny toeram-PIHAKAZAHANA, tanjona, hazakazaka, zotra izay nomanin'Andriamanitra ho antsika.

<sup>30</sup> Matio 6.24. Jereo ihany koa ny andininy manontolo izay mamebelatratra io lohahevitra io (and. 24-34)

<sup>31</sup> Izay nandefaran'Andriamanitra nefo tsy tena ekeny.

<sup>32</sup> Matio 19.6

planina mazava ao an-tsainy mahakasika azy io llay Raintsika any an-danitra. Etsy an-kilany, tsy kisangisangy ny tsy fankatoavan'ny olombelona fa tena nampalahelo an'Andriamanitra.<sup>33</sup> Malalaka tanteraka ilay olona natokana ho anao hitantana ny fainany miaraka amin'izay takian'izany rehetra. Raha tsy hitanisa afats'ireo safidy izay mifamatotra akaiky amin'ilay resaka, azo raisina ohatra ny fanoherana ny fandresen-dahatry ny Fanahy ho amin'ny fiovam-po, ny tsy firahirahiana na fanambadiana ratsy. Inona no hiseho raha ilay olona nomanin'Andriamanitra ho anao manambady olona hafa, na mamono tena, na mandeha mitrandraka volamena any Alaska? Moa ve ho voazona hijanona ho mpitovo ianao? Tsia, satria Andriamanitra dia tsy lza fa llay mahay mamonorona indray sy manao drafitra vaovao noho ny tsy fankatoavana ary na eo aza ny tsy fankatoavan'ny olombelona.

Hoy indray ny hafa: "Heveriko fa nantsoina ho amin'ny fanambadiana aho, saingy tsy mahita olona halaina vady aho!"

**Ny toetra tsara** tao amin'i Rebeka, izay azon'ny tsirairay **saintsainina** dia azo antoka fa hanome santionany amin'ny valin'io fanamarihana io. Tsy azo tsinontsinoavina sady mitombina ho an'ny lehilahy ihany koa ireo toetra tsara ireo! Ireto manaraka ireto no tena nahasarika ahy manokana:

- Nikarakara ny vatany Rebeka,
- niaro ny tenany ho madio ho an'ilay olon-tiany izy teo amin'ny lafiny firaisansa ara-nofo,
- olona nazoto niasa sy nahatoky izy teo amin'ny andavan'androm-piaiany,
- tia manompo izy,
- naneho finiavana ary nanana ny toetra nampiavaka azy izy,
- feno fahasahiana izy.<sup>34</sup>

## B. **Mivavaka ho an'izay ho vady**

Araka ny efa nambara dia mifototra amin'ny zava-misy faran'izay tsotra ity vavaka ity: raha natsoin'Andriamanitra ho amin'ny fanambadiana ianao dia **any ho any amin'ity planeta ity izay ho vadinao**. Tsy ilaina akory ny mahalala azy mba hahafahana mivavaka ho azy. Raha tsy hilaza afa-tsy fangatahana vitsivitsy amin'ireo maro azo atao dia manolo-kevitra anao aho hivavaka ho amin'ny:

---

<sup>33</sup> Araka ny Matio 23.37

<sup>34</sup> Genesisy 24.16-21, 24-25, 28, 58. Tsara raha neverina manokana ireo soatoavina voatokana ho an'ny lehilahy sy ho an'ny vehivavy. Tena ilaina ho fanorenana finamana vaovao ihany koa izy ireo (Jereo ny fizarana fahefatra)

- Safidy lehibe mila ataony: ny hanekeny an'Andriamanitra, mba hananana fahafantarana amin'ny fomba azo antoka, hahalala ny fotoana mety, hanana fahiratan-tsaina, hanana herim-po.
- Ny fahamatorany: fivelaran'ny toetra mampiavaka azy, ny fahatokiana, ny fanompoana, ny hafanam-po, ny fandraisan'andraikitra.
- Ny fahasalamany: fiarovana, fivelarana, hery, fahendrena, fahasitrana.
- Ny fiofanany: feno, ara-kalitao, amim-paharetana, hisy lalana misokatra, hahomby.
- Ny ankohonany: firaisansa, fifamenoana, ho avy, fitahiana.

### C. *Miroso eo antanin'ady*

Ny fanambadiana mahomby dia fandresena bataina fa tsy zavatra mandeha ho azy. Mila ekena anefa fa nibahaha ny fampahalalam-baovao nandritra ny taona vitsy izay ny fijery ratsy sy maloto ary itarina izay manetry ny fanambadiana. Mitondra hakiviana ity fironana ity sady mampatahotra, nefy ny fijerena izay tena misy marina miaraka amin'ny fampiharihariana ny fery dia vao maika manosika antsika hanao fanamby. Ity misy santionan'ny lahatsoratra manadihady lalina mahakasika ny ankohonana sy ny fanambadiana nivoaka ny sabotsy 12 jona 1993 tao amin'ny gazety *Le monde*:

- Tamin'ny taona 60 tany Frantsa, fanambadiana iray amin'ny folo no mety hiafara amin'ny fisarahana. Ankehitriny, mihoatra ny iray amin'ny telo. "Mifanohitra amin'izay eken'ny be sy ny maro ny amin'ny fitomboana tsy an-kijanona, hoy Irène Théry izay mandamindamina ny resaka, ny isan'ny fisarahana ho an'ireo efa manan-janaka dia tsy dia niova firy tao anatin'y folo taona." ***Mitoetra ho modely misongadina ny tokantrano maharitra.*** Tamin'ny 1994, 74 isan-jaton'ny lehilahy 40 hatramin'ny 45 taona ary 80 isan-jaton'ny vehivavy mitovy taona dia nitoetra tamin'ny vadiny voalohany na tsy nivady afa-tsy in-dray mandeha. Izany dia nahafahan'ny ***ampahany be indrindra amin'ny zaza tsy ampy taona (83% tamin'ny 1994) hiara-miaina amin'ny rainy sy ny reniny.***

Tsy azo ampitahaina velively amin'ireo izay andresena lahatra antsika ireo antotan-kevitra ireo. Miovaova arakaraka ny firenena ny salan'isa saingy na eo aza ny faharavan'ny tokantrano maro dia mila ambara amin'ireo izay mikasa hanambady ankehitriny kosa ny fahamarinana: raha ny 4 amin'ny 10 no misaraka<sup>35</sup> any amin'ny firenena tandrefana dia rariny loatra ny hanambarana

---

<sup>35</sup> Mila fantarina ihany koa fa ny antotan'isa dia maneho ny isan'ny fanambadiana sy ny fisarahana amin'ny fomba tsy refesi-mandidy sady tsy manamarika fa ilay nisara-bady matetika, na dia niverina nanambady aza teo anilanelan'ny fisarahana dia manatevin-daharana ny salan'izan'ireo nisara-bady. 40 isan-jaton'ny fisarahana noho izany tsy midiaka avy hatrany fa 40 isan-jaton'ny vahoaka manambady dia nisara-bady avokoa.

fa ny 6 amin'ny 10 toy ny lamban'akoho. Ny fisaraham-panambadiana eo anivon'ny mpianatr'i Kristy kosa dia mbola amin'ny salan'isa faran'izay ambany. Ny fanitrikirihana ny amin'ny "rano tapaky ny vera" tsy hahatonga azy ho feno na oviana na oviana. Ny kristiana sasantsasany mihevitra fa ny lahateny manaitra izay mirona ho amin'ny fanabotsinana ny olana dia handray anjara amin'ny fanetsehana ny vahoakan'Andriamanitra. Ny mifanohitra tanteraka amin'izany anefa no miseho; mihena ny fanantenana, mihena miaraka amin'izay ihany koa ny risi-po, ny fahavononana hiady ary ny fianam-bavaka.

Mihoatra ny 4 tapitrisa ny olona manao tokatranomaso tany Frantsa ny taona 1998; ekena fa tena maro loatra izany, saingy tsy mahakasika afa-tsy ny 14 isan-jaton'ny mpivady ireo. Araka ny fanadihadiana nataon'ny INED (Institut National d'Etudes Démographiques) tamin'ny 1986 dia ny 6 isan-jaton'ny olona manao tokatranomaso ihany no milaza fa mandà ny fanambadiana (noho izany latsaky ny 1 isan-jaton'ny mponina amin'ny ankapobeny).

Raha amin'ny alalan'izay ambara amin'ny haino vaky jery mahazatra no hakantsika ny hafanan'ny fiarahanonina dia hino isika fa ny fijangajangana dia toy ny zavatra tsy azo ialana ho an'ny mpivady, maro isa lavitra ny tokatranomaso ary ny fanambadiana dia zavatra efa nilaozan'ny toetr'andro izay efa eo andalam-panjavonana. Mandiso izany anefa ny fanadihadiana amin'ny fomba matotra: nitombo isa ny fanambadiana tany Frantsa ny taona 1987 ka hatramin'ny 1997.<sup>36</sup> Ilo no isa farany. Somary nihena ny tahan'ny fitomboana hatramin'ny 1987.<sup>37</sup>

Raha mbola raisintsika ohatra ny ady amin'ny fihanaky ny "sida", manafitohina tsotra izao ny tsy filazan'ny haino vaky jery fa ny ankamaroan'ny mpivady dia mitoetra ho mahatoky ary izany no isan'ny antony voalohany azo andresena io loza amin'atambo io.

Na izany aza anefa dia mahatsiaro tena ho tandindonin-doza ny herin'ny maizina noho ny amin'ireo mpivady manao sava-lalana izay mijoro anarivony ary nanapakevitra ny hiaina ho toy ny fahazavana ho an'i Kristy eo anivon'ny fiarahanonina. Ny fiarahan'ny lahy sy ny vavy ary ny faniriana lalina hahita ilay silam-panahy dia hery mahery vaika sy saro-pady, ao anatin'izany dia toa mahasarika kokoa ny lalana tsy misy hivoahana sy ny lala-manitsy noho ilay lalan-tsara sy azo antoka nomanin'ny Tompo. Ireo antotan-kevitra ireo sy ny fahalalana tsara ny tena dia tokony hitarika antsika hikolokolo fivavahana ho an'ny hafa amin'ny fahamailoana.

<sup>36</sup> Tamin'ny 1998 dia nisy 282 000, izany hoe latsaky ny 2 000 tamin'ny taona teo aloha. Nahatratra 119 200 ny fisarahana ny taona 1995.

<sup>37</sup> Izany hoe 42 isan-jaton'ny fanambadiana

## **Olombelona feno no vadiana: vatana, aina, fanahy**

Ity petrakevitra ity izay efa nambara teo aloha dia hanokanana fizarana 3 lehibe amin'ity boky ity. Isan'ireo fepetra fototra mahakasika ny fisafidianana izay ho vady izy ity. Maro ny fanambadiana no rendrika ankehitriny satria niorina tamin'ny fifamatorana iray na roa izy reny tany am-piandohana raha tokony ho telo.

Misy olona mihevitra fa rehefa manankina ny fanambadiany amin' Andriamanitra izy dia tsy maintsy hanambady olona ratsy tarehy, tsy azo iarahamonina, mankaleo.... Fomba fijery ratsy ny amin'llay namorona ny fanambadiana izany! Mifanohitra amin'izany no ambaran'ny Baiboly:

“Izay **matoky an'i Jehovah** no ho sambatra”<sup>38</sup>

“Fa ho faly aminao indray Jehovah ka hahasoa anao, araka izay nahafaliany tamin'ny razanao”<sup>39</sup>

“Izay lehilahy mahazo vady dia mahazo zava-tsoa Sady mahita sitraka amin'i Jehovah.”<sup>40</sup>

Samy manokana avokoa isika rehetra ary soa ihany fa tsy mitovy avokoa ny zavatra mahaliana antsika. Raha tsy azo hidovirana izany eo amin'ny lafiny arabatana dia manana toetra miavaka ihany koa isika, ary noho izany tsy hampivelatra finamana lalina amin'ny olona rehetra isika. Ny fiombonampanahy mirindra dia miankina amin'ny antso, ny fanoloran-tena ary ny fiarahana mandeha amin'ny Tompo.

Mety hisy zatovolahy hahita fa tsara tarehy sy feno fanoloran-tena ny zatovovavy iray, saingy ny zavatra mahaliana sy ny vina ny amin'ny ankohonana dia hanaisotra, eny mety tsy hitarika ho amin'izay mety ho fifeñkena. Mety hisy zatovovavy hahita fa tena mahafinaritra ny bandy iray; hijanona ho mpinana akaiky izy ireo ary hanompo an'Andriamanitra amin'ny hafanam-po mitovy, saingy tsy mahasarika azy ny lafiny ara-batany.

## **Ny andraikitrty ny mpiandry**

Mitady tolotsaina ny mpino sasantsasany rehefa hividy finday, na rehefa hisafidy toerana hianarana tenim-pirenena vahiny, eny mahakasika izay marika kiraro hovidiany aza, saingy mihidy tanteraka izy manoloana ny fanontaniana

---

<sup>38</sup> Ohabolana 16.20

<sup>39</sup> Detoronomia 30.9

<sup>40</sup> Ohabolana 18.22

tena mandan-danja indrindra ankoatra ny amin'ny famonjena dia ny amin'ny fisafidianana izay ho vady!

Toa mifanohitra amin'ny zava-misy no miseho satria azo heverina ho mifamatotra tanteraka amin'ny fisiantsika ny filàna tolotsaina amin'io vanimpotoana io. Ireo izay tsy mahalala fa mila torohevitra izy dia alaim-panahy hila hevitra tsy nahy amin'izay sendra azy. Ho famaliana ilay filàna antoka mazava ao anatin'y dia any amin'ny olona tsy matotra sy tsy manam-pitiavana marina azy izy ireo no mizara izay ao am-pony. Saingy fantatry ny olona rehetra fa tsy mankany amin'ny mpanamboatra fiara izy raha hanala nify, ary tsy mankany amin'ny mpitsabo biby raha mila fandidiana!

Mety hoy angamba ianao amiko hoe: Ekena fa tena ilaina ny tolon-tsaina, fa **iza** no ho afaka hanao izany?

Tsy voatery ny mpitandrina eo anivon'ny fikambanana an-toerana misy anao no mpanolotsaina idealy, indrindra moa raha miandraikitra olona 200 na 300 izy sady tsy mahafantatra anao akory raha tsy amin'ny fotoana handraisany tanana anao rehefa avy manao fanompoam-pivavahana. Saingy tokony ho olona matotra ao amin'i Kristy io olona io, olona mahalala anao tsara, olona tena tia anao ary olona tena manana faniriana ny hahombiazanao eo amin'ny fiainanao sy ao amin'ny tokantranonao.

Zavatra tena mandeha ho azy ny hanohanan'io olona io anao amin'ity dingana ity. Tsy toy adidy anefa fa tena tombontsoa manokana. Raha tsy mpanolo-tsaina hendry ny mpiandry amina fanapahan-kevitra miainkina aman'aina, inona moa no ilàna azy?

Ny anjara asan'ny mpanolo-tsaina (na ny mpivady mpanolo-tsaina) dia ny hametraka fanontaniana tsara fipetra, hamaly ireo fanontaniana ary indrindra indrindra hivavaka ho anao mba hahalalanao ny sitrapon'Andriamanitra. Tsy anjarany ny mampahafantatra anao ny lalan-kizorana sy dingana arahina, ianao ihany no mila mandray izany avy amin'ny tenanao, ny anjarany dia ny mizara izay fanamarinana na fanafoanana izay zavatra tsapanao ao anatinao mangina ao.

**Amin'ny fotoana inona** no tsara mandray tolo-tsaina? Ho ahy manokana dia mazava ny valin-teny: Ny tsara dia ny mangataka tolo-tsaina **alohan'ny hanombohana ny fiarahana**. Satria nahoana? Satria rehefa miaraka amin'ny zatovolahy na zatovovavy nofidiantsika isika dia efa miredareda toy ny fitaovana natsofoka amin'ny herin'aratra 100 000 volta ny fihetseham-pontsika. "Fa

mahery toy ny fahafatesana ny fitiavana, Masiaka tahaka ny fiainan-tsi-hita fahasaro-piaro; Ny lelafony dia lelafo midedadeda, Eny, lelafon'i Jehovah."<sup>41</sup>

Rehefa nofohazina ny fitiavana, ny tolo-tsaina zakantsika sy henon'ny sofintsika dia ny hoe "Milay, ataoovy!" Avy amin'ny feon'ny fieritrerentsika izay tsy mamela antsika hanam-piadanana sy ny fisalasalana izay mamoha antsika amin'ny torimaso noho izany ny olana. Latsaka ao anaty fandrika isika satria fantatsika tsara fa tena mila porofo manamarina ny fanapahan-kevitra noraisina isika; saingy ny "eny" tsy mitsahatra ny manodoka nefy tsy manome toky, ny "tsia" kosa toa tsy zakan'ny saina ekena...Manjavozavo hatrany ny tolo-tsaina amin'izay fotoana izay, na avy amin'Andriamanitra io na avy amin'olona.

Niresaka fitsipika fototra hanorenana safidy araka an'Andriamanitra hanombohana fiarahana feno fahasambarana isika hatreto. Ho hitantsika fa mifameno ny fototra sy ny fiarahana; misy kristiana manindry mafy ny amin'ny fototra ka mihevitra fa fombafomba azo tsinontsinoavina ny fotoana irahana; ao indray, izay maro an'isa kokoa, manao tsinontsinona ny fototra ka miezaka amin'ny fomba feno fitavozavozana hirotsaka amin'ny fiarahana izy miafara amin'ny fikorontanana tsy misy toy izany. Ireo fironana ireo dia mampihen-danja ary indraindray mitondra alahelo amin'ny fifandraisana izay tokony ho tsara loatra. Ny fototra azo antoka arahina fiarahana madio dia misoroka olana maro ary manome fifaliana feno.

Alohan'ny hamaranana ity fizarana manoritsoritra ireo dingana iarahan'olon-droa miaina ity, andeha hofintinintsika ireo fiomanana manokana izay nianarantsika hatreto:

- **Ny fahasambaranao.** Miankina amin'ny fitiavana marina izay vonona hanome ny fahasambaranao. Ny fitsiriritana izay mitrandraka ny hafa sy mametsifetsy azy dia tsy mitondra afa-tsy fahasorenana.
- **Ny hery manosika anao.** Ny fitiavaao an'Andriamanitra sy ny sitrapony ho an'ny fiainanao dia tokony hohoatra ny fanirianao hanambady.
- **Ny maha-mpitovo sy ny fanambadiana dia samy fanomezana.** Ny fangatahana amin'Andriamanitra ny amin'izay safidiny ho anao dia manome toky anao amin'ny fidirana amin'ny tsara indrindra.
- **Ny fotoana mety hirosoana amin'ny fiarahana.** Tsy zavatra tsy azo ialana akory, na koa zavatra nisosoka tsy niera, fa zavatra mandreraka, mahasorena ary mandratra ny mitady olona, miaraka amin'olona, miady, misaraka, dia avy eo mitady olona hafa indray, dia miaraka, sns... Ny fiainana amin'ny fahafenoany ny sy am-pahiratan-tsaina ny fotoana

---

<sup>41</sup> Tononkira 8.6b

maha-mpitovo dia tena fomba tsara hiomanana amin'ny fiarahana misy fahasambarana.

- **Ireo anjara asa telon'ny vavaka:**

1. Any ho any eto amin'ity planeta ity izay ho vadinao.<sup>42</sup> Tsy ilaina akory ny hahalala azy vao hanomboka hivavaka ho azy.
  2. Ny fanambadiana mahomby dia fandresena bataina fa tsy zavatra mandeha ho azy. Mahatsiaro tena ho tandindonin-doza ny herin'ny maizina noho ny amin'ireo mpivady manao sava-lalana izay mijoro anarivony ary nanapakevitra ny hiaina ho toy ny fahazavana ho an'i Kristy eo anivon'ny fiarahamonina.
  3. Ny fiainana maha-mpinamana amin'Andriamanitra dia loharanon'ny fahamatorana sy loharanom-panovana; izany no fiomanana tonga lafatra ho amin'ny safidy tsara.
- **Olombelona feno no alaina vady: vatana, aina, fanahy.** Ny fanambadiana miorina tsara dia fanekena misy lafiny telo.
- **Ny andraikitrty ny mpiandry.** Tokony ho olona matotra ao amin'i Kristy, izay mahalala anao tsara, izay tena tia anao ary maniry marina ny hahombiazanao eo amin'ny fiainanao sy amin'ny tokantranonao.

---

<sup>42</sup> Raha toa ka nandray fanomezana ny hanambady ianao

## **Fiarahana – Fifamofoana - Fanambadiana**

Mitondra fiatraikany amin'ny ampahany amin'ny firesehana ity lafin-javatra iray ity ny lafiny ara-piaraha-monina sy ny lafiny ara-kolotsaina. Noho izany ny ampahany amin'ny fisaintsainana manaraka eto dia novolavolain'ny zavatra nolovaiko manokana. Raha raisintsika ny ohatr'i Isaka, zanak'i Abrahama dia tsy nahalala ny vadiny izy nialoha ny fanambadiana; ankehitriny kosa, na amin'ireo izay mbola mampihatra ny vady atolotra aza dia mahalana dia mahalana ny toa izany. Ny fifangaroan'ny kolontsaina sy ny fifindrana mankany amin'ny tanan-dehibe dia samy isan'ny antony roa amin'ireo maro tsy voatanisa. Ny Baiboly anefa dia miresaka matetika mahakasika ny fifamofoana ary rariny loatra ny hiheverana fa nisy fotoana tena niainana finamàna tena akaiky na fiarahana nialoha azy. Tsy ny fisainana tandrefana ihany noho izany no manaraka ny zotra manomboka amin'ny fiarahana, miroso amin'ny fifamofoana ary miafara amin'ny fanambadiana.

Ity firosoana ahitana dingana telo ity dia ny fifankalalana, fahazoana antoka ary fiombonam-po dia loharanon'ny fahafenoana sy fiarovana. Arakaraka ny hifankalalana dia hitombo ny antoka ananantsika fa tsy diso safidy isika (miaraka amin'ireo fiovaovan'ny zava-misy eny am-pandehanana eny izay tsy misy afa-bela aminy). Ny fahazoana antoka ny maha ao amin'ny planin'Andriamanitra dia hiteraka fiombonam-po miha-lalim-paka hatrany hatrany. Mba hampadio sy hampisy fahasambarana io fiombonam-po io anefa dia misy lafin-javatra roa faran'izay tsotra nefo tena zava-dehibe tsy azo ialana.

- Fadio ny manao izay tsy hampahazo aina ny ankilany izay mety somary mikombona kokoa eo aminareo, izany hoe tsy manao herisetra amin'ny feon'ny fieritreretany.
- Fadio ny manao hetsika misy endrika fifampikasihana ara-pananahana<sup>43</sup> izay voatokana ho eo amin'ny sehatry ny fanambadiana.

### **A. *Fiarahana***

Fotoana natokana hamantarana ny ankilany ary manome sehatra lehibe amin'ny finamàna ny fiarahana. Ekena fa tena toa miaina anatynofy izany rehefa manao fitafiana mihaja sy mandeha miaraka misakafo, saingy tena tsy ampy izany. Ho fampivelarana ny maha mpinamana amin'ny tena fahalalana ny ankilany dia tena ilaina ny fiarahana miasa, mianatra, na mamaky boky, mifanerasera rehefa samy reraka, na sorena, na rehefa ao tsara, mifameno amin'ny fandraisan'andraikitra, miaina amin'ny fifandraisana amin'ny hafa, miara-miatrika olana ara-bola na ara-pahasalama, milalao, mandresy na resy,

---

<sup>43</sup> Ny fiarahana mandray fanapanahan-kevitra mazava mahakasika azy ity dia ho fiarovana amin'ny fakam-panahy sy izay mety ho fihevitra diso rehetra.

miaraka eny an-tendrombohitra na any amin'ny dobo filomanosana, sns. Fotoana hiatrehana miandalana ihany koa ireo lohahevi-dehiben'ny fainana io fotoana io sady hisedrana ny hevity ny tena sy ny fomba fijery izao tontolo izao sy ny vaovao vao mafana.

Tahaka ny fifandraisana rehetra, eny fa na dia eo aza ireo fototra feno fahamatorana, ity fiarahan-dalan'olon-droa voalohany ity dia mety hangirifiry ka mety hitaky fitsaharana na mety ho fanapahana ny fiarahanana mihitsy aza. **Ny tena fitiavana tsy afaka miorina afa-tsyo ao anatin'ny fahafahana.**

Na izany aza anefa, ny ankamaroan'ny mpivady dia niroso tamin'ny fivelaran'ny maha-mpinamana azy ary niha-lalimpaka ihany koa ny fihetsehampon'izy ireo. Tsy ho ela dia ho avy ny andro izay hiresahana amin'ny fomba toa mandeha ho azy nefo feno fahamatorana ny amin'ny fanambadiana, izay mitarika ho amin'ny fotoana hiresahana mahakasika ny fifamofoana.

### **B. Fifamofoana**

Fiomanana ho amin'ny fanambadiana ny fotoanan'ny fifamofoana. Samy manana ny toerany na ny fiarahanana na ny fifamofoana; ny olon-droa izay manafangaro azy ireo dia mety hiaina amin'ny fomba tsy izy ny zavatra rehetra.

Rehefa jamban'ny fitiavana isika dia mety hanadino fa ny fanambadiana ihany koa dia fifanekena ara-pianakaviana: ny fanambadiana olona iray dia fifamatorana amin'ny fianakaviana vaovao. Io fianakaviana vaovao io anefa dia manana ny fahazarany, ireo izay mifandray aminy, ny fomban-drazany, ny heriny, ny fahalemeny ary matetika manana ny zavatra takiany (na mivantana na miafina). Tena ara-dalana raha misy ambahany hifankalalana amin'ny fianakavian'izay ho vady ny fotoana fifamofoana, ary misy lafin-javatra sasantsasany ihany koa tokony hifankafantaran'ny fianakaviana roa tonta.

Andeha hijery andininy vitsivitsy avy amin'ny Baiboly izay miresaka ny fifamofoana:

"Israely, hofofoiko ho vadiko mandrakizay ianao, eny, hofofoiko ho vadiko amin'ny rariny sy ny hitsiny ary amin'ny fitiavana sy ny indrafo ianao; Eny, hofofoiko ho vadiko amin'ny fahamarinana ianao. Ka dia hahalala an'i Jehovah."<sup>44</sup>

Moa tsy mahagaga loatra ve fa Andriamanitra mihitsy no maka ny toeran'ny foform-bady raha niteny tamin'ny vahoakany amin'ity andininy ity? Ny fifamofoana tsy toy ny tohatra mihodina sy mandeha ho azy ka mitondra tsy mila

---

<sup>44</sup> Hosea 2.21.22

fisahiranana any amin'ny fanambadiana, fa fotoana hanorenan'hy lahy sy ny vavy amin'ny fanaovana hetsika mazava ny fitiavany. Akory ny fahasambaran'ny zatovo vavy mahita ny fofombadiny nambabo ny fony tamin'ny fahitsian'ny fony, tamin'ny rariny, tamin'ny fitiavana, tamin'ny halemem-panahy ary fahatokiana. Izany no vodiondry izay tsy ho voasolon'ny vola, na fombandrazana, na izay zavatra hafa rehetra mety foronin'ny olona! Ireo toetra tsara ireo dia toy ny andry mitondra fahazoana antoka feno ho an'ilay ho vady ary manome fahafahana azy hanana fifaliana tsy amin'ahiahy ny amin'ny ho avy. Tena ilan'ny lehilahy ny ho vonton'ireo toetra tsara ireo.

Moa ve manana fanamby tsotsotra kokoa ny vavy?

"Mba ho raisiny (Kristy) ho an'ny tenany izany ho fiangonana **malaza tsy misy pentipentina**, na fiketronana, ny izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy."<sup>45</sup> Voninahitra manao ahoana ho an-dralehilahy ny fahitana ny fofombadiny feno famirapiratana, mikolokolo ny hatsaran-tarehy, fahamasinana ary fahatsarana tanteraka. Fanomezana tsy voavidim-bola azon-dravehivavy omanina ho an'ilay tia azy izany. Ny fifaliana izay mitosaka avy amin'izany dia raisina sady ho toy ny ohatra anehoana ny fihetseham-pon'Andriamanitra manoloana ny olony no anehoana koa fihetseham-pon'ny olon'Andriamanitra manoloana ny mpahary azy.

"Ary tahaka ny fifalian'ny mpampakatra amin'ny ampakariny no hifalian'Andriamanitraise amina."<sup>46</sup>

"Hifaly dia hifaly amin'i Jehovah aho, ny fanahiko ho **ravoravo** amin' Andriamanitraise..., toy ny **mpampakatra** misatroka hamama tahaka ny mpisorona, ary toy ny ampakarina miravaka ny firàvany."<sup>47</sup> Ny fifaliana, ny hira, ny fifialam-po, ny hatsarana, ny fifantohan'ny fo sy ny fanahy ary ny atao rehetra dia santonan'ny amin'ireo soatoavina manamarika io fotoana manokana sy matetika in-dray mandeha tsy miverina eo amin'ny fainana io.

Andiny maro ao amin'ny Testamenta Taloha no maneho fa Andriamanitra dia manaiky, miaro ary manaja ny fifamofoana. Jeremia mpaminany dia manambara inefatra miverina ny hiran'ny mpampakatra; mariky ny fitahiana (na, rehefa tsy misy izy dia ozona) ho an'ny firenena manontolo.<sup>48</sup>

Any amin'ny tanin'i Israely ny lehilahy mifofo vady dia tsy alefa an'ady ary ny vehivavy voafofo kosa dia arovan'ny lalana:

---

<sup>45</sup> Efesiana 5.27

<sup>46</sup> Isaia 6.25

<sup>47</sup> Isaia 61.10

<sup>48</sup> Jeremia 7.34, 16.9, 25.10, 33.11.

"Ary iza no olona izay efa nifofo vady, nefo tsy mbola nampakatra azy? Aoka handeha hiverina any an-tranony izy, fandrao maty any amin'ny ady, ka olon-kafa no hampakatra ny vadiny."<sup>49</sup> Ny fanolanana vehivavy voafofo dia anamelohana ho faty.<sup>50</sup> Amin'io andinin-tSoratra Masina io dia oharina amin'ny famonoan'olona ny fanolanana.

Inona ary no miseho raha tsy resy lahatra hanohy ny fiarahana ny andaniny na ny ankilany na dia teo aza ireo fototra azo antoka sy ny fiarahana mampisy fanantenana? Moa ve manan-jo hamarana ny fifamofoana ny kristiana feno fanoloran-tena?

Josefa ilay fofombadin'i Maria no ohatra manaitra; Tianao ve ny haka kely ny toerany ao anatin'ity tantara ity?

Bevohoka tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina Maria izay voafofo ho fofombadin'i Josefa, nialoha ny nanaovany ny fomban'ny mpivady. Josefa ilay ho vadiny dia lehilahy tsara sady mahitsy. Tsy tiany ny hanala baraka azy sy hahatonga azy banana laza ratsy. Izany no nahatonga azy nikasa hisaraka mangingina aminy.

Raha izy nandanjalanja ny eny sy ny tsia ny amin'izay mety hiseho iny dia nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy tamin'nynofy ka niteny taminy hoe: "Josefa, zanak'i Davida, aza misalasala mandray an'i Maria ho vadinao, satria ny zaza izay entiny dia avy amin'ny Fanahy Masina. Hiteraka zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy..."

Rehefa nifoha Josefa dia nanao izay nandidian'ny anjely azy: nampandrosoiny tany aminy ny fofombadiny ary noraisiny ho vadiny. Saingy tsy niray taminy izy mandra-piterany zazalahy izay nomeny anarana hoe Jesosy"<sup>51</sup>

Te-hanindry toetra tsara telo tao amin'ity lehilahy ity aho, toetra tsara izay mbola manan-kery sy tsy lany andro.

- Voalohany: fantany fa afaka misaraka malalaka amin'i Maria izy.
- Faharoa: tsy avy hatrany dia nataony izany fa nieritreritra izy alohan'ny hanaovany hetsika.
- Fahatelo: raha tsy maintsy hisaraka izy dia tamin'ny fomba mihaja no nanaovany izany, izany hoe tsy nisy fanafintohinana ary tsy misy endrika valifaty sy famaizana ataon'ilay mihevi-tena ho niharan'ny tsy rariny, saingy tamin'ny fomba mangingina, mba tsy handratra an'i Maria.

---

<sup>49</sup> Detoronomia 20.7

<sup>50</sup> Detoronomia 22.25-26

<sup>51</sup> Matio 1.18-21, 24-25

Ankoatra izany, ny finoana miavaka nananany, ny toetrary mahitsy ary ny fahaizany mifehy tena dia nandray anjara feno tamin'ny planina manokana izay nomanin'Andriamanitra ho azy sy ny fofombadiny.

Matetika dia matahotra mampitsahatra ny fifamofoana ny kristiana feno fanoloran-tena; heverin'izy ireo fa mariky ny tsy fahamatorana izany, mandratsy laza azy ary mitondra ratra tsy azo sitranina amin'ny an-kilany; manamelo-tena tsy misy fiafarany izy noho izany. Zava-doza ny fiheverana ny fisarahana ho toy ny loza goavana. Azo antoka fa tsy hetsika natao hamaivanina izany; saingy hadalana kosa ny fisorohana azy araka izay azo atao amin'ny fitsoahana mankany amin'ny fanambadiana nefà ny marika hita mason'ny tsy fetezany efa miseho lany! Na dia efa voavidy aza ny fanaka ary efa voazara ny fanasana dia tsy misy tokony hanery anao hanambady tsy amim-paharesen-dahatra na antery vay manta ny fofombadinao.

Ny fihetsika madio mandritra ny fanomanana ny fanambadiana manoloana ny fofombady dia miseho toy izao: "Manana fitiavana ampy hamelana anao handray safidy hafa aho, tsy amin'ny fandrahonana na fitakiana. Marina fa nihevitra isika fa natao hiaraka, saingy raha tsy vonona ianao ny handany androm-piaínanao miaraka amiko dia tsy handrahona anao aho (amin'ny alalan'ny fanehoana fahakiviana lalina, famonoan-tena, fanakorontanana ny fiaínakaviana). Malalaka ianao ary mirary fiaínan-tsambatra ho anao aho."

Tsy natao haorina eo ambonin'ny faneriterena an-kolaka, na fiantrana, na fandrahonana velively ny fanambadiana. Averina indray fa tsy ho marina, ho tsara ary ho lalina mihitsy ny fitiavana raha tsy miorina eo amin'ny fahafahana.

Mazava ho azy fa ny antony hirosoana ho amin'ny fifamofoana dia satria manana tanjona hivady, ary ny fanapahana ny fifamofoana dia tena sarotra; saingy kely lavitra ny fangirifiriana entiny noho izay ateraky ny fisaraham-panambadiana na ny fiaínana fiaínana toy ny any amin'ny helo. Raha tena ilaina ireo fampitandremana ireo dia mazava ho azy fa ny lalana mahazatra dia mitarika hatrany any amin'ny lanonam-panambadiana feno fifaliana.

Tsy manana fisainana hafa ankoatra ny fiarahana miaina ny mpifamofo ary reharehan'izy ireo ny hanamarika eo imason'ny rehetra ny fiombonany. Raha avelan'Andriamanitra dia hamorona aina vaovao amin'ny alalan'ny fanampiany izy ireo; hanamarika mandrakizay ny fifaneken'izy ireo ireo zanany ireo satria mitondra ny marik'ireo ray aman-dreny roa tonta izy ireo.

## C. Ny mariazy

- Manomboka ary mifarana amin'ny mariazy ny Soratra Masina.
- Ampitahain'ny Soratra Masina amin'ny mpanjaka mikarakara Ianonam-panambadian'ny zanany ny fanjakan'Andriamanitra.
- Nandritra ny fanambadiana no nanaovan'i Jesosy ny fahagagana voalohany nataony.<sup>52</sup>

Ny tanjona eto dia tsy ny hanome anao ny fomba hanaingoana ny fiangonana na hisafidianana ny sakafo hohanina, fa kosa hanindry ny fisainan'ny Baiboly mahakasika ity fankalazana ity. Ireto avy ireo singa mandrafitra azy ao amin'ny Soratra Masina: ny fiomanana sy ny tsodranon'Andriamanitra, ny fanasana sy ny nasaina, ny akanjo fitondra amin'ny fety, ny Ianonana, ny firavoravoana ary indrindra ny fifalian'ny mpivady.

Hoy ravehivavy amin'ilay nify azy: "Misetroka ilay satroboninahitra nasatrodreniny azy tamin'ny andro nampakarany vady, dia tamin'ny andro nifalian'ny fony." Dia hoy kosa izy mamaly: "Endrey, tsara tarehy ianao, ry tompokovavy havako! Endrey, tsara tarehy ianao! Ny masonao dia voromailala eo amin'ny fisalobonanao."<sup>53</sup>

Ny fifaliana, ny namana, ny hatsaran-tarehy, ny mampiavaka manokana ary ny hafatra ampitain'ity fety ity dia samy soatoavin'ny Baiboly avokoa. Fety itarafana toetra roa samihafa ity fety ity. Tsara ny hiara-mandinika mahakasika azy, manomboka amin'izay tena zava-dehibe ka hatramin'izay heverina ho tsy dia zava-dehibe loatra. Azo antoka fa efa nanonofinofy mahakasika azy io ny tovovavy hatramin'ny fahazazany, miaraka amin'ireo faniriana vitsivitsy voafaritra tsara. Mila liana sy manaiky ho voakasika amin'ireny ny zatovolahy.

Raha miseho amin'ny endrika tsy misy fetrany amin'ny loko sy ny fanehoana azy ny Ianonam-panambadiana arakaraka ny fianakaviana, ny kolontsaina, ny firenena ary ny kaontinanta tsirairay dia manamarika fizerana hoamin'ny ***kihondalana tsy azo ielana sy imasom-bahoaka*** izy. Any amin'ny foko rehetra, na foko inona io na foko inona, eny fa na izay monina any amin'ny toerana faran'izay mitoka-monina indrindra aza, dia hain'ny olona ny manavaka ny lehilahy sy vehivavy manambady sy lehilahy sy vehivavy tsy mbola miditra amin'ny sehatry ny fanambadiana. Manomboka eo anivor'ny fianakaviana ka hatramin'ny mpifanolo-bodirindrina, mandalo amin'ny mpiara-miasa sy ny namana, eny hatramin'ny mpiaramonina ao amin'ny tanana na faritra iray dia fantatry ny tsirairay manomboka eo fa ity vehivavy ity dia an'ity lehilahy ity ary ity lehilahy ity dia an'ity vehivavy ity. Misy endri-pifandraisana vaovao teraka:

<sup>52</sup> Genesisy 2.18-24, Apokalipsy 19.7, Matio 22.2, Jaona 2.1-11

<sup>53</sup> Tononkira 3.11 sy 4.1

“Izy no vadiko”. Azontsika ampiana fa io fifanekena io dia matetika mitohy amin’ny fomba fiteny izay samy manana ny hakantony avokoa: “Izy ireo no **ray aman-dreniko**” “Ireo no **zanakay**”. Zary toa fakam-panahy ho an’ny mpivady sasantsasany ny mivady amin’ny fomba miafinafina sy mangingina noho ny antony maro samihafa, saingy izany faharesen-dahatra izany dia tsy misy fanohanana na fototra ara-Baiboly: “Aoka hanan-kaja amin’ny olona **rehetra** ny fanambadiana”<sup>54</sup>

Hiverenantsika ao amin’ny fizarana manaraka ny singa mandrafitra ny fanekena izay manomana sy hiara-dalana amin’ny mpivady mandritra ny androm-piaianany. Alohan’izay dia andeha mbola horesahintsika ny amin’ny lafiny ara-bola manodidina ny Ianonam-panambadiana.

Nanana tombontsoa manokana aho nahita Ianonam-panambadiana sady mahafiniritra nefo tsotra tamin’ireo namana marobe ao amin’ny Tanora Mpanefa Iraka. Nisy fotoana aza moa dia tsy afaka nividy ny akanjony ralehilahy raha tsy ny andro marainan’ny mariaziny! **Ny Ianonana makotrokotroka tsy midika ho fandaniana mihoa-papana**. Mpanompo tsara ny vola fa tempoko ratsy. Tena azo ampiharina amin’ny mariazy io fomba fiteny io. Rehefa ny lafiny ara-bola no mibahan-toerana dia atosiny ho any amin’ny avonavona isika. Marobe ny tanora no maindry taona maro vao manao ny mariaziny noho ny antony ara-ekonomika tsotra fotsiny. Ny fomba nifandovana dia manery azy ireo hanatanteraka lisitra zavatra tsy maintsy atao tsy tambo isaina mahakasika ny fanomezana sy ny fiantsenana, ny fanofana fiara sy toeram-pilanonana, ny toerana isakafoanana, ny isan’ny hasaina, izay ho fomba fiana ho safidiana manomboka eo amin’io fety io sy ny fitakiana hafa ataon’ny fianakaviana. Mety ho toy ny tendrombohitra tsy hay henihina, eny mety ho vesatra tsy hay zakaina ireny rehetra ireny, nefo mamopofona fanova-maso sy zava-poana. Tsara lavitra noho ny fiara faran’izay raitra ny fitsikin’ilay ampakarina; fahatsiarovana mipetraka tsara lavitra noho ny akanjo raitra ny fihomehezana ary ny fananana ekipa avy amin’ny namana akaiky dia ho mora lavitra noho ny fanakaramana mpandroso sakafio matihanina.

Ny zava-doza dia ny mangatak’andro efatra taona voa miroso amin’ny fanambadiana mba hiankohofana amin’i Mamona.<sup>55</sup>

Marina fa azo atao koa ny fanatsotsorana diso tafahoatra dia avy eo manenina, saingy ny mpivady mitoetra ho mahatoky sy matotra dia hahita fifaliana amin’ny fanorenana sy fampivelarana tsikelikely ny tokantranony, eny fa na dia nanomboka ny fanambadiany tamin’ny fainana faran’izay tsotra aza.

---

<sup>54</sup> Hebreo 13.4

<sup>55</sup> Matio 6.24

## **Fizarana fahatelo**

### **3 Fifamatorana eo amin'ny lafiny ara-batana**

Andeha hofantarintsika aloha ireo fomba fijery samihafa manoloana ny fifandraisana izay kolokolointsiaka mahakasika ny vatantsika.

#### **Vatana atao tsinontsinona**

Teo amin'ny vanimoana rehetra, ary indraindray teo anivon'ireo mpianatra izay tena nanana hafanam-po, ny vatana dia nohaverina ho sakana mampisaraka antsika amin'Andriamanitra. Noho izy voafetra sy mety maty dia noheverina ho toy ny maloto ny vatana ary amin'ny maha-nofo azy dia nampitoviana tamin'ny fahotana ny vatana. Natao tsinontsinona toy ny zavatra latsa-danja izay hariana tsy ho ela ny vatana.

Tsy ilaozan'ny vokatra izay tsy afa-misaraka aminy izany fomba fijery izany; na izy mamporisika na manamarina ny fomba fitafy tsy mivaky loha, fidiovana sy fikarakarana latsa-danja, tsy fitandremana manoloana ireo fepetra arapahasalamana, ary mety hitarika ho amin'ny fiankinan-doha amin'ny endriny maro samihafa ihany koa. Mizaka samirery ny ankamaroan'ny vokatra entin'ireo zava-misy ireo ny olona mbola irery, fa ny olona manambady kosa dia hampahory fatratra ny manodidina azy, indrindra ny vadiny.

#### **Vatana indraindraina**

Ny mifanohitra tanteraka amin'izay voalaza tetsy indray dia ahitantsika olona marobe izay toa tsy miaina afa-tsy ho an'ny vatany. Raisina ho toy ny fitaovana hireharehana ny vatana ka ampiasaina hanenjehana fahafinaretana sy atao etam-barotra, atao fampisehoana, ampitahaina, ampitomboina amin'hy fomba mihoa-papana ireo hozatra eo aminy, asiana fanafody mampatanjaka, andaniana vola aman-karena tsy toko tsy forohana mba hanovana ny lokony na ny endriny, sakanana ny fahanterany ary atao izay hahatonga azy haharitra mandrakizay raha azo atao; raha fintinina dia tomponia sy iankohofana ny vatana.

#### **Ny vatana araka ny fijerin'ny Baiboly**

Hanolotra anao fijery in-draindraina mitopy maso vetivety mahakasika izay ambaran'ny Baiboly aho mba hamerenana ny fitadidiantsika sy ho fototra iorenan'ny fanekena misy lafin-javatra telo izay hojerentsika.

"Fa ao amin'ny **tenany** (Kristy) no itoeran'hy fahafenoan'ny fomban' Andriamantra rehetra"<sup>56</sup>

"Fa ny **tenany** no tempoly nolazainy."<sup>57</sup>

"Ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin'ny **tenany** teo ambonin'ny hazo, mba ho faty ny amin'ny ota isika, fa ho velona ny amin'ny fahamarinana"<sup>58</sup>

Andriamanitra tsy mba nanao tsinontsinona ny vatan'olombelona, tonga olona Izy (Ary ny Teny dia tonga nofo). Ilay tenany izay nonenan'ny fahafenoan' Andriamanitra dianofatsihina teo amin'ny hazo fijaliana. Maty Izy, ary avy eo nitsangana tamin'ny maty ary nomem-boninahitra. Nanao fanekena mandrakizay tamin'ny olombelona Andriamanitra ary manana toerana manokana amin'izany ny vatana.

### **Ahoana ny amintsika vahoakan'Andriamanitra?**

"Moa tsy fantatrareo fa ny **tenanareo** dia tempolin'ny Fanahy Masina..."<sup>59</sup>

"Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny **tenanareo** ho **fanatitra velona**, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany."<sup>60</sup>

"Ary Andriamaniry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny **tenanareo** ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika."<sup>61</sup>

"Dia tahaka izany koa, ny lehilahy tokony ho tia ny vadiny tahaka ny **tenany** ihany. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany."<sup>62</sup>

Mitia ny tena, mikarakara azy, manaja azy, manolotra azy ho an' Andriamanitra, manao azy ho fitaovan'ny famaharinana, marina sy masina, izany no ampianarin'ny Soratra Masina antsika. Na izany aza dia nomena atsika ho toy ny mpanompo ny tenantsika. Raha omentsika azy ny toeran'ny tombo, ihavian'ny fanapahan-kevitsika dia haingana dia haingana no hitarihany antsika ho amin'ny faharavana. Ankasitranan'ny olona ny mpamily mahafehy ny fiarany, fa iza kosa no hatoky mpamily izay anjakan'ny masinina izay tokony ho

<sup>56</sup> Kolosiana 2.9

<sup>57</sup> Jaona 2.21

<sup>58</sup> 1 Petera 2.24

<sup>59</sup> 1 Korintiana 6.19

<sup>60</sup> Romana 21.1

<sup>61</sup> 1 Tesaloniana 5.23

<sup>62</sup> Efesiana 5.28

feheziny? Hoy Paoly raha manambara mahakasika ny vatany izy: "fa asiako mafy ny **tenako** ho mangana ka andevoziko, fandrao, na dia efa nitory tamin'ny sasany aza aho, dia holavina kosa ny **tenako**."<sup>63</sup>

### ***Na dia mety maty aza dia manana ho avy ny vatantsika***

"Fa ity **mety lo** ity tsy maintsy **hitafy ny tsi-fahalovana**, ary ity **mety maty** ity tsy maintsy **hitafy ny tsi-fahafatesana**."<sup>64</sup>

"Ary tsy izany ihany, fa isika koa, na dia manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy aza, eny, isika aza dia misento ato anatintsika, miandry ny fananganan-anaka, dia ny **fanavotana ny tenantsika**".<sup>65</sup>

Hovana ity vatantsika ankehitriny ity, hatao tonga hafa mihitsy, ho tafiana. Tsy **famoronana indray** mandeha anefa fa **fananganana amin'ny maty**, na dia tsy maintsy hanangona ireo molekiolana vovoka miparitaka any amin'ny kaontinanta dimy aza Andriamanitra!<sup>66</sup>

### ***Ny vatana eo amin'ny mpivady***

Mba hahafahany miaina dia mila hery ny vatantsika; mba hamaliana io filana io dia afaka ny namorona fomba fisakafoanana manokana hatrany ampiandohana ny Mpahary, tahaka ny solika fampiasa amin'ny fiara na toy ny herin'aratra ampiasaina amin'ny milina mandeha amin'ny herin'aratra. Soa ihany fa noho ny hatsarany dia nampiarahin'Andriamanitra ny mahasoa sy ny mahafinaritra. Izany no antony nampisy ireo sakafy sy zava-pisotro amin'ny tsirony sy loko tsy voatanisa eto amin'ity planeta ity. Saingy midika inona moa ny fananana ireo karazan-tsakafo marobe ireo, raha tsy afaka ny hanavaka ny ranom-boakazo vita amin'ny mananasy sy ny ronono ny vatantsika?

Tsy nijanona teo anefa Andriamanitra; tena sitrany ny hahatonga io fanovozan-kery isan'andro io tsy ho zavatra mahafinaritra fotsiny, fa ho sehatra hahafahan'ny olombelona mifandray amin'ny fomba tsy azo vinavinaina, manomboka amin'ny finonoan'ny zaza amin'ny reniny hatramin'ny fiarahana misakafo eo anivon'ny mpivady, ankohonana, namana sy ireo fifandraisana tsy tambo isaina eo amin'ny olombelona izay mandrafitra ny fisiantsika.

Mba hiainantsika fahasambarana dia mbola hitantsika amin'ny maha-zava-dehibe ny fitomboan'ny olombelona eo amin'ny lafiny taranaka io fitsipika io. Ny mpahay siansa dia naneho fa azo atao ny mampihaona anaty fantsona tsotra

---

<sup>63</sup> 1 Korintiana 9.27

<sup>64</sup> 1 Korintiana 15.53

<sup>65</sup> Romana 8.23

<sup>66</sup> Araka ny Jaona 5.29, Apokalipsy 20.12-13

vita amin'ny vera ny tsirinaina lahy sy ny tsirinaina vavy, ao anatin'ny tontolo tsy misy resaka afa-tsya teknika sy matematika any anaty laboratoara. Andriamanitra kosa nisafidy ny hampiditra an-tsehatra ny fainana manontolo, ny fihetseham-po mifono hagagana izay mihavao tsy misy fiafarany eo anivon'ny fiarahan'ny mpivady. Sitrany ny hivoahan'ny aina vaovao avy ao amin'ny tany masina voavoatra tamin'ny fitiavana sy ny fifampatokisan'ny olombelona roa. Noho izany dia ny fiombonana, ny fitiavana ary ny fahatsapana ho voaaro no mandrafitra ny fiandohan'ny fainana. Hohitantsika ihany koa fa ankoatra ny zavatra izay tsindriana manokana eto dia tena zava-dehibe eo amin'ny fainan'ny mpivady ity fiombonana ara-batana ity. **Ahitana ireo vavahadin-tsaina dimy izy: fahitana, fandrenesana, fahatsapana, fanamboloana ary ny fahatsapana ny tsiro.** Tsy mahagaga raha ny fitambaran'izay rehetra mety ho tsapan'ny vatantsika dia miteraka fahasambarana feno fahamendrehana sy madio. Raha oharina aminy ny fahatsapana entin'ny divay na ny zava-mahadomelina dia tena tsy misy dikany eny mety faran'izay ratsy aza.

### **Mamom-pitia**

Ny Baiboly amin'ny alalan'ny Tononkiran'i Solomona manokana dia maneho tsy miolakolaka ny fahafenoana izay omen'Andriamanitra ny lehilahy amin'ny alalan'ny vatan'ny vehivavy ary vehivavy amin'ny vatan'ny lehilahy.

Hoy ralehilahy: "Iza moa io vehivavy mitsidika toy ny maraina, **izay tsara tarehy tahaka ny volana**, madio toy ny masoandro sady mahatahotra toy ny antokon'ny miaramila mitondra faneva ?"<sup>67</sup> "Tsy nampoiziko ny nanandratan'ny fanahiko ahy no eo amin'ny kalesin'ny fireneko be voninahitra."<sup>68</sup> "Efa lasanao ny foko, ry havako ampakariko, efa lasanao ny foko tamin'ny masonao an-ila sy tamin'ny rojo anankiray amin'ny vozonao. Akory ny hatsaran'ny fitiavanao, ry havako ampakariko! Akory ny hatsaran'ny fitiavanao! Eny tsara noho ny divay! Ary ny fofon'ny menaka manitrap dia mihoatra noho ny zava-manitra rehetra!"<sup>69</sup>

Hoy kosa ravehivavy: "Mampianiana anareo aho, ry zanakavavin'i Jerosalema: Raha mba hitanareo re ny malalako, dia ahoana no holazainareo aminy? Lazao fa mararim-pitia aho."<sup>70</sup> "Enga anie ka hanoroka ahy amin'ny fanorohan'ny vavany izy! Fa tsara noho ny divay ny fitiavanao. Mani-pofona ny menakao tsara, Menaka manitrap voaidina ny anaranao, koa izany no itiavan'ny

---

<sup>67</sup> Tononkira 6.10

<sup>68</sup> Tononkira 6.12

<sup>69</sup> Tononkira 4.9-10

<sup>70</sup> Tononkira 5.8

zatovovavy anao.”<sup>71</sup> “Nentiny ho ao an-tranon-divay aho, ary ny fanevany eo amboniko dia fitiavana.”<sup>72</sup>

Andeha hohadihadiantsika ireo singa mandrafitra ilay fifanintonana mahavariana sy mambabo ny fo izay tian’Andriamanitra hiseho eo anivon’ny tokantrano ary ambaran’ireo andininy ireo. Tsara anefa ny manindry fa tsy amin’ny resaka firaisansana ara-nofo irery ihany mazava ho azy no miseho ilay fifamatorana ara-nofo, na dia singa manan-danja sy tendron’ny fifamatorana ara-nofo aza izy. Ny firaisansana ara-nofo dia azo antoka fa tsy maneho afa-tsy ampahany faran’ny kely amin’ny fotoana iarahana. Maro ny andininy ao amin’ny Baiboly no maneho ny fomba amolavolana sy ameloman’ny vavahadin-tsaina dimy ny fifanekena, na ny fifamatorana ara-batana amin’ny ankapobeny eo anivon’ny tokantrano.

### ***Ny fahatsarana eo amin’ny lafiny ara-batana: Ny fahitana.***

Ny lehilahy dia mora voakasika amin’izay hitan’ny masonry: nisy niteny hoe “be maso” ny lehilahy.

“**Tsara tarehy** tahaka an’i Tirza ianao, ry tompokovavy havako, eny, tsara tarehy tahaka an’i Jerosalema, mahatahotra toy ny antokon’ny miaramila mitondra faneva.”<sup>73</sup>

“Indro, tsara tarehy ianao, ry tompokovavy havako; Indro, tsara tarehy ianao; Voromailala ny masonao.”<sup>74</sup>

“Mahatsara ny tarehinao ireo voahangy voatohy; Manendrika ny vozonao ireo rado.”<sup>75</sup>

“Tsara avokoa izato bikanao izato, ry tompokovavy havako; Tsy misy kilema ianao.”<sup>76</sup>

“Endrey! mahate-hijery ny famindran’ny tongotrao mikiraro, ry zazavavy zanak’andriana! Dia tahaka ny firavaka ny amboampenao, nataon’ny tangan’ny mahay zavatra.”<sup>77</sup>

Talanjona ralehilahy manoloana ny vadiny ka feno fanindraindrana, sy tena variana ary toy ireny mamom-pitia ireny.

---

<sup>71</sup> Tononkira 1.2-3

<sup>72</sup> Tononkira 2.4

<sup>73</sup> Tononkira 6.4

<sup>74</sup> Tononkira 1.15

<sup>75</sup> Tononkira.110

<sup>76</sup> Tononkira 4.7

<sup>77</sup> Tononkira 7.2

Tena nahatsiaro fahasambarana feno fahafahana sy tena izy ilay maherifon'ny Tononkira nanoloana izany fitiavana izany. Tonga saina ny amin'ny fahatsaran-tarehiny izy: "Mivalomainty aho, nefo tsara tarehy, ry zanakavavin'i Jerosalema, toy ny lain'i Kedara, toy ny ambain-dain'i Solomona. Izaho dia voninkazo eny an-tanety ihany sy lilia eny an-dohasaha."<sup>78</sup>

Etsy an-kilany ihany koa, ravehivavy koa tsy hoe tsy taitra tamin'ny hatsaram-tarehin'ilay namany.

"Indro, tsara tarehy ianao, ry malalako. Eny, mahafinaritra; Maitso ny fandriantsika." <sup>79</sup>

"Ny tenany dia tahaka ny ivory voarafitra tsara sady misarona safira"<sup>80</sup> Mbola milaza ihany koa mahakasika ny tarehiny, ny volony, ny masonry, ny molony, ny lokon-tavany manjopiaka izy; oharinny ho toy ny anjam-bolamena ny sandriny ary ny ranjony toy ny andry vita amin'ny marbra.<sup>81</sup> Araka ny fijeriny dia manana hakingan'ny diera tanora ralehilahy.<sup>82</sup>

Tena zava-dehibe ny hatsaran-tarehin'ny vady (rehefa vita mariazy) sy ny fofom-bady (mialoha ny mariazy). Raha raisintsika indray ny ohatr'i Rebeka dia toy izao no nilazana ireo vanim-potoana roa ireo:

"Ary ilay zazavavy dia **tsara tarehy indrindra** sady virijina, ka tsy mbola nisy lehilahy nahalala azy."<sup>83</sup>

"Fa (Isaka) natahotra hilaza hoe: Vadiko izy, fandrao, hoy izy, hamono ahy ny lehilahy tompon-tany noho Rebeka, satria **tsara tarehy** izy."<sup>84</sup> Toy izany ihany koa ny amin'i Sara: "Ary Abrama dia nidina nankany Egypta hivahiny any,...dia hoy izy tamin'i Saray vadiny: Indro, fantattro fa **vehivavy tsara tarehy** ianao, ka raha hitan'ny Egyptiana, dia hataony hoe: Vadiny io; ka hovonooiny aho, fa ianao kosa hovelominy."<sup>85</sup>

Oharin'ny Tompo toy ny zanaka natsangany Jerosalema; Teo am-bavan'ny mpaminany Ezekiela no nanoritsoritany ny fivelaran'ny hatsaran-tarehiny tsy manam-paharoa<sup>86</sup>. Mahavariana ny fiofona nomanin'Andriamanitra mahakasika

<sup>78</sup> Tononkira 1.5, 2.1

<sup>79</sup> Tononkira 1.16

<sup>80</sup> Tononkira 5.14

<sup>81</sup> Tononkira 5.10-16

<sup>82</sup> Tononkira 2.8-9

<sup>83</sup> Genesisy 24.16

<sup>84</sup> Genesisy 26.7

<sup>85</sup> Genesisy 12:10-12

<sup>86</sup> Ezekiela 16.4-14. Mampalahelo ny tohin'ity andininny ity satria nolotoin'ny tsy fitoerana ho mahatoky sy ny fijangajangana ilay fahatsaran-tarehy tonga lafatra.

ilay zazavavikely nandalo tsy nisy nahatsikaritra sy ilay zazavavy mahafinaritra taona vitsivitsy taty aoriana.

Noho izy tena mora voakasika amin'ity sehatra ity, ireo zatovolahy te-hahomby eo amin'ny fanambadiany dia mila mahatsiaro fa ny fahatsarana anatin'ny vehivavy dia zava-dehibe lavitra noho ny fahatsarana ivelany. Maro ny fampitandreman'ny Baiboly ny amin'izany:

“Fa ny molotry ny vehivavy jejo [Heb. vehivavy tsy vadiny.] dia mitete toy ny tantely avy amin'ny tohotra, ary ny vavany dia malama noho ny diloilo; Nefa ny farany mangidy tahaka ny hazo mahafaty ary maranitra ohatra ny sabatra roa lela.”<sup>87</sup>

“Ka dia nandeha nanaraka azy niaraka tamin'izay ilay zatovo, tahaka ny omby entina hovonoina.”<sup>88</sup>

Saingy: “Sambatra izay olona mahita fahendrena sy izay olona mahazo fahalalana. Fa ny fandrantoana azy dia tsara noho ny fandrantoana volafotsy, ary ny tombom-barotra aminy dia mihoatra noho ny volamena tsara. Ka dia ho ain'ny fanahinao izany ary ho firavaky ny vozonao. Tsy hatahotra ianao, raha mandry; Eny, handry ianao, ary ho mamy ny torimasonao. Fa Jehovah no ho tokinao ka hiambina ny tongotrao tsy ho voafandrika.”<sup>89</sup>

Ny lehilahy toy izany dia ho afaka hankamamy izao teny izao: “Misotroa rano avy amin'ny lavaka famorian-dranonao ihany sy rano miboiboika avy amin'ny fantsakanao. Ary mifalia amin'ny vadin'ny fahatanoranao. Fa dieravavy mahate-ho-tia sy osi-dia tsara bika izy, dia aoka ny tratrany no hahafeno fifaliana anao mandrakariva, ary aoka ho feno faharavoravoana lalandava amin'ny fitiavany ianao.”<sup>90</sup>

Ambaran'ny Testamenta Vaovao fa voninahitry ny lahy ny vavy.<sup>91</sup> Rehefa hita ilay voafidy dia vao maika mivelatra ilay fahatsaran-tarehy amin'ny endrin maro samihafa sy manokana. Na ambarany na tsia, ilay zatovolahy dia ho voakasiky ny fanandratana na tsia ny hatsaran-tarehin'ny vadiny. Indrisy fa maro ireo vehivavy tsy misy hamantarana azy intsony vatany vao tafaverina avy amin'ny volan-tantely... Nozariny tamin'ny famirapiratany tsy manam-paharoan'ilay fofombady izahay fa ankehitriny kosa indro lasa matroka izy ireo, tahaka ny hoe

---

<sup>87</sup> Ohabolana 5.3-4, jereo ihany koa ny toko manontolo.

<sup>88</sup> Ohabolana 7.22, jereo ihany koa ny toko manontolo sy ny 6.20-34

<sup>89</sup> Ohabolana 3.13-14, 22, 24, 26

<sup>90</sup> Ohabolana 5: 15, 18-19

<sup>91</sup> 1 Korintiana 11.7

ny hany tanjon'ny hatsaran-tarehy dia ny mba hahitana vady ary avy eo dia ampirimina ao anatin'ny armoaran'ny fanadinoana ilay hakantony!

Soa ihany fa misy ihany koa ny mifanohitra amin'izany satria maro ireo vehivavy izay nahay nikolokolo ny hatsaran-tarehy anaty sy ivelany, amin'ny hakanto miavaka hatramin'ny fahanterany.

### ***Ny fiteny: fihainoana***

Raha be maso ny lehilahy, ***ny vehivavy*** kosa “***ranga sofina***”. Tsy zavatra hita ety ivelany anefa izany, fa ao am-po. Ny vehivavy dia tena mora voakasika amin'izay zavatra henony.

Raha manome baiko ny fofombady sy ny vady hanome fahafaham-po ny mason'ny fofombadiny sy ny vadiny ny fitiavana, dia manome baiko ny lehilahy ihany koa izy ny ho loharanon'ny teny mamelembelona eo an-tsofina sy ao ampon'ny vadiny ihany koa fa tsy ao am-pon'ny fofombadiny ihany. Toy ny mpivady vao izay nampirina ny hakantony rehefa vita ny volatantely, ny fahadisoan'ny lehilahy maro dia ny ny mampitsahatra ny manambara ny fitiavany amin'ny alalan'ny teny rehefa eo anivon'ny tokantrano. Ireo fahadisoana ireo no isan'ny fahadisoana goavana mety hataon'ny mpivady vao.

Toa maha-tsapa tena ho sambatra sy tena voakasika ilay voafidy rehefa niteny hoe: “Niteny ny malalako...”<sup>92</sup>

Inona ary no teny nataon-dralehilahy taminy? Niezaka nambabo ny fony ny malalany ary namela ny fony hiteny izy rehefa ravoravon'ny hakanton'ny fanatrehany, ny fitafiany, ny fijorony, ny taovolony, ny fitsikiny, ny fijeriny izay nampidobobokana ny fony, ny tarehiny, ny kaviny, ny orony mahafinaritra, ny takolany, ny molony, ny fofon'ainy mangatsiasika, ny firavaka mampiakatra ny hakanton'ny tendany, ny nonony, ny valahany, ny tongony kanto loatra ary ny vatany manontolo.

“Endrey! tsara tarehy sady mahafinaritra ianao, ry malala, amin'izao zava-mahafinaritra rehetra izao!”<sup>93</sup> Miresaka aminy mahakasika ny ririnina izy sy ireo fotoana hihiran'ny zavatra rehetra, ny domohina, ny aviavy sy ny voaloboka, ny havoana sy ny zaridaina, ny voninkazo ny fofony manitra.<sup>94</sup>

---

<sup>92</sup> Tononkira 2.10

<sup>93</sup> Tononkira 1.9-10, 1.15, 4.1-15, 6.4-7, 7.2-10

<sup>94</sup> Tononkira 2.10-14

Antsony hoe zazavavy zanak'andriana, malala, voromailalany, havany ampakariny, ilay azy tsy misy kilema ravehivavy vadiny.<sup>95</sup>

Ireo fanambarany ireo dia nanovo ny hareny tao amin'ny sehatra telo:

- Ny filazalazana mahakasika ilay tiany.
- Ny filazalazana mahakasika ny voaary, ny vanin-taona, ny tontolo iainany ary tetik'asa iombonany.
- Ny anarana izay omeny ny malalany.

Izao no nambarany taminy: "E! ry voromailalako... aoka hahita ny endrikao sy handre ny feonao aho; Fa mamy ny feonao, sady mahafinaritra ny endrikao!"<sup>96</sup>

Tsy azo eritreretina mihitsy ny hahatonga zatovo lahy raiki-pitia tsy hahita hotenenina, saingy ny lehilahy manambady kosa matetika kahihitra amin'ny teny ary matetika vao volana voalohan'ny fanambadiana. Tsy ela dia toy ny matin'ny hanoanana ilay vady vao ary mahatsiaro malahelo noho ny tsy fahampian'ny fifampiresahana. Ny lehilahy hendry dia mila mianatra miresaka tsy amin'ny fofombadiny ihany fa indrindra amin'ny vadiny.

Hohitantsika ao amin'ny fizara manaraka ny fomba hamelomana ny firesahana na hananganana azy amin'ny maty raha ilaina!

Ireo fihetseham-po ambara eto dia tsy misy resaka famitahana na mifono fitiavan-tena, fa manetsika fanajana sy fankasitrahana kosa noho ny tombontsoan'ny fitiavana izay mitarika avy hatrany ho amin'ny fanolorana ny tena. Toy izao no iantsoan-dravehivavy an-dralehilahy: ***tian'ny fanahiny, mpanjakany, malalany, namany, fitiavany, ilay tiany***. Ambarany azy ny fahasambarany, ny fankasitrahany ary manolo-tena ho azy izy.<sup>97</sup>

Mety ho loza ho an'ny zatovovavy anefa ny fahenoana teny toy izany noho izy mora voakasika amin'ny teny. Firifiry moa no nanaiky ho fitahin'ireo toa havanana amin'ny teny mamy nefo tsy inona fa bibilava ihany. Mety hahery angamba ny teny hilazana azy, raha tsy hoe angaha manokatra ny masontsika isika ary mahatakatra fa ny zava-doza nahazo an'i Eva dia mbola miverina hatreо am-baravarantsika sy amin'ireo tanora vavy eo anivon'ny vondrona misy antsika sy ny fiangonantsika!

---

<sup>95</sup> Tononkira 5.2b, 7.2

<sup>96</sup> Tononkira 2.14

<sup>97</sup> Tononkira 1.7, 12-14, 16-17, 2.1, 3-6, 16-17, 4.16, 7:10b-14, 8.1-2, 5b-7

## **Ny fisarihana ara-batana: ny fifampikasohana**

**“Mamy dia mamy** ny vavany, eny, maha-te-ho-tia avokoa izy. Toy izany ny malalako, ary toy izany ny sakaizako, ry zanakavavin'i Jerosalema! Aoka hanondana ahy ny tânany ankavia, ary aoka hanohona ahy ny tânany ankavanana.”<sup>98</sup>

Ny tena fitiavana ny vady dia fitadiavana ireo fomba fiteny izay manome fahafaham-po ny ankilany. Samihafa ny lahy sy ny vavy; ny fampanjakana amin'ny vadintsika izay tiantsika eo amin'ny lafiny fifampikasohana ara-batana dia fomba fanao mahazatra sy mifono hadalana. Ny fitadiavana izay mahasambatra azy no fanambin'ny fitiavana marina. Ny vehivavy izay manotrotra oroka ny vadiny, nefo rangahy tsy tia izany, sy izay manao tsinontsinona ny vatany nefo rangahy mandray izany ho toy ny fahafaham-baraka dia maneho tsy fitiavana sy tsy fahendrena. Toy izany koa, ny lehilahy tsy mba manao teny malefaka eo an-tsocrin'ny vadiny, izay tsy mba manao teny fankasitrahana azy, na manome fanomezana azy nefo manery hanao firasaina matetika dia tsy mahalala ny atao hoe fitiavana araka ny fomba fijeren'ny vehivavy.

Niresaka mahakasika io fahasamihafana io izahay tao amina ankohonana maha-te-ho tia iray tany Montbéliard raha nanolokevitra ny hanaovana “fanandramana” mahakasika azy ny iray taminay. Rehefa nahazo alalana taminy aho dia nitodika tany amin'ny zazavaky kely 6 taona ary nandefataminy “oroka ampitain-davitra telo na efatra”. ***Nitsiky izy sady nanao pi-maso***, toa hita tena faly izy ary nitodika tany amin'ny zandriny lahy 2 taona, nipetraka metatra vitsivitsy niala teo aminy, ary nanao taminy izay vao avy nataoko taminy; ***nitodika*** ilay zazalahy kely sady ***nisento***! Idrisy fa maro ny mpivady izay tsy nahazo mihitsy mahakasika ireo fitsipika fototra ireo ary dia mizaka ny tsy eran'ny aina ny amin'izany mandritra ny androm-piainany. Raha sarotra (nefo koa tsy hoe tsy azo tanterahina) ny manitsy ireo zavatra ireo rehefa niarainaina nandritra ny roapolo taona dia moramora kokoa ny manao fiaingana vaovao.

Mahavariana mihitsy fa toa feno fangorahana sy toa tena mora amintsika ery ny mampihatra io fitsipika io amin'ny alikantsika na ny sakantsika (haintsika tsara izay tiandy sy izay tsy tiandy dia ampifanarahintsika amin'izany ny fihetsika sy fahazarana asehontsika), nefo dia miahatra sy miadana dia miadana ny fahatakarantsika manoloana ilay namana faran'izay tsara indrindra. Izany akory tsy midika ho fanekena ny zavatra rehetra sy fahatongavana ho andevon'ny rendrarendran'ny vadin'ny tena; fa kosa fantaro fa ao anelanelan'izany fihetsika

---

<sup>98</sup> Tononkira 5.16, 8.3

diso tafahoatra izany sy ny fitiavana tsy mihontsona na amin'inona na amin'inona sy feno fitiavantena dia misy toerana midadasika izay mila trandrahana ho fahasambaran'ny ankilany.

Tsara marihina fa tsy natokana ho an'ny lehilahy irery ihany ny fandraisana fanapahankevitra ho amin'ny fotoana natokana ho an'ny mpivady. Azo eritreretina tsara mihitsy ny fahatairana sy ny fahasambaran'ny lehilahy maro raha maheno ny vadiny izy manao aminy hoe: "Taomy aho, dia hihazakazaka hanaraka anao; Nentin'ny mpanjaka ho ao an-efi-tranony aho. Hifaly sy hiravoravo aminao aho"<sup>99</sup> "Avia, ry malalako, aoka handeha ho any an-tsaha isika; Andeha handry any ambanivohitra isika. Dia aoka hifoha maraina koa ho any antanimboalo boka isika; Aoka hizahantsika raha mitsimoka ny voaloboka, sy mivelatra ny voniny, ary mamony ny ampongabendanitra; Any no hanehoako ny fitiavako anao."<sup>100</sup>

### ***Ny ranomanitra: fanamboloana***

Hoy ralehilahy: "Ny fofon'ny fitafianao dia tahaka ny fofon'i Libanona."<sup>101</sup>

Hoy koso ravehivavy: "Raha mipetraka amin'ny latabany ny mpanjaka, dia mamerovero tsara ny nardako. Ny malalako dia miora am-pehezana madinika mandry eo an-tratrako."<sup>102</sup>

Hoy ralehilahy: "Ianao no saha anirian'ny ampongabendanitra tsara voa, sady misy kofera sy narda, eny, narda sy safrona, veromanitra sy havozomanitra sy ny hazo misy ny **ditin-kazo mani-pofona** rehetra. **Miora sy hazo manitra mbamin'ny zava-manitra tsara rehetra.**"<sup>103</sup>

Hoy ralehilahy: "Ny foitranao dia miendrika kaopy boribory, tsy ho diso divay nolaroin-java-manitra."<sup>104</sup>

Hoy ravehivavy: "Iza moa iry vehivavy miakatra avy any an-efitra, tahaka ny setroka mitankosina, sady tsara fofona amin'ny miora sy ny ditin-kazo mani-pofona mbamin'ny vovoka manitra samy hafa entin'ny mpandranto ?"<sup>105</sup>

Ny vatana, ny tokantrano, ny akanjo izay mamerovero manitra dia vokatry ny fitiavana. Azo antoka fa mitaky fifehezan-tena sy asa tsy azo tsinontsinoavina ity hanitra manim-pofona ity, saingy ny azo ambara dia omen'ny Soratra Masina

---

<sup>99</sup> Tononkira 1.4

<sup>100</sup> Tononkira 7.12-13

<sup>101</sup> Tononkira 4.11

<sup>102</sup> Tononkira 1.12-13

<sup>103</sup> Tononkira 4.13-14

<sup>104</sup> Tononkira 7.3 (diem)

<sup>105</sup> Tononkira 3.6

toerana manan-danja izy. Ny ranomanitra dia toy ny fanehoana amin'ny fomba mangina ny fandraisana, ny firariana tonga soa ary ny fandraisam-bahiny.

### **Ny tsiro**

Hoy ravehivavy: "Mahafinaritra ahy indrindra ny mipetraka eo ambanin'ny alokalony, sady mamy ao am-bavako ny voany."<sup>106</sup>

Hoy ralehilahy: "Mitete tantly toy ny avy amin'ny tohotra ny molotrao, ry ampakariko; tantly sy ronono no ao ambanin'ny lelanao."<sup>107</sup>

Hoy ravehivavy: "Ny molony dia tahaka ny lilia sady mitete ranon'ny miora."<sup>108</sup>

Raha notapatapahintsika ny fomba nanehoana ireo fanehoam-pitiavana nasehon'Andriamanitra an-tsary sy nasehony mivantana mba hahatakarana ny heriny dia maro ihany koa ireo andininy ao amin'ny Tononkiran'i Solomona izay mampiaraka ireo vavahadin-tsaina dimy:

Hoy ralehilahy: "Ny nononao toy ny sampahom-boaloboka amiko, ary ny fofonainao ho tahaka ny an'ny poma, ny vavanao dia toy ny divay tsara."<sup>109</sup>

Hoy ravehivavy: "Mifohaza, ry rivotra avy any avaratra; avia, ry avy any atsimo, mitsofa eny an-tsahako hielezan'ny fofony manitra. Aoka ny malalako hankaty an-tanimboliny ka hihinana ny voankazony tsara."

Hoy ralehilahy: "Efa tonga eto an-tsahako aho, ry havako ampakariko; Mioly ny miorako mbamin'ny zava-manitro aho; efa homana ny toho-tanteliko mbamin'ny tanteliko aho, ary efa misotro ny divaiko mbamin'ny rononoko."<sup>110</sup>

Araka ny efa hitantsika, ny fitiavana feno halemem-panahy, ny fanajana, ny fankasitrahaha dia mivoaka avy amin'ny andininy tsirairay ao amin'ny Tenin'Andriamanitra mahakasika ny firaism-pon'ny mpivady. Ny herisetra, ny fanjakazakana ary ny fitakiana indraindrain'ny mpanao sarimihetsika sasantsasany sy iainan'ny mpivady maro dia sady manaratsy no mandoto ny iray amin'ireo zavatra faran'izay tsara indrindra nivoaka avy amin'ny tanan'ny Mpahary.

Andeha hiarahantsika mijery ny sasantsasany amin'ireo lafin-javatra mifameno izay mampiavaka ity firaism-pon'ny mpivady ity:

---

<sup>106</sup> Tononkira 2.3b

<sup>107</sup> Tononkira 4.11

<sup>108</sup> Tononkira 5.13

<sup>109</sup> Tononkira 7.9b-10

<sup>110</sup> Tononkira 4.16-5.1

## **Tsy itambarana amin'ny hafa: Loharano ara-boajanaharin'ny fahatokiana**

Hoy ralehilahy: "Toy ny lisy eo anivon'ny tsilo, dia toy izany ity **rahavako, eo anivon'ireo zatovovavy.**"<sup>111</sup>

Hoy ravehivavy: "Toy ny hazo paoma anankiray eo anivon'ireo hazo anaty saha, dia toy izany ity **malalako eo anivon'ireo zatovolahy.**"<sup>112</sup>

Hoy ravehivavy: "**Ahy** ny malalako, ary **azy** aho."<sup>113</sup>

Hoy ralehilahy: "Zaridaina mifefy tsara hidy ianao, ry havako fofombadiko; zaridaina mifefy tsara hidy ianao sady loharano **voaisy tombokase.**"<sup>114</sup>

Hoy ravehivavy: "Ny malalako dia sady fotsy mangatsakatsaka no mena, notsongaina tamin'ny alinalina."<sup>115</sup>

Hoy ralehilahy: "Misy mpanjakavavy enim-polo sy vaditsindrano valo-polo ary zatovovavy tsy hita isa. Fa **iray monja** kosa no **voromailalako**, dia ilay ahy tsy misy kilema, vavy tokan-dreniny sady tsongaina amin'izay naterany."<sup>116</sup>

Hoy ravehivavy: "**An'ny malalako aho**, sady manina ahy izy."<sup>117</sup>

Hoy ravehivavy: "Ataovy toy ny **fanombohan-kase ao ponao** aho sy toy ny fanombohan-kase eo an-tsandrinao."<sup>118</sup>

Tany amin'ny firenena izay vao avy nekena ho ara-dalana ny fampirafesana no nahenoako filazana fa nisy lehilahy iray nanambady zatovovavy efatra teo anatrehan'ny ben'ny tanana nandritra ny andro iray! Manafoana tanteraka ao anatin'ny in-dray mipimaso ny fahagagana mahakasika ny firaisan'ny olona roa izay lasa ho iray izany fomba izany. Traikefa manokana amin'ny fainana eto antany ny firaismampon'olona roa izay hohitantsika fa tsy mahakasika ny nofo ihany fa ny saina sy fanahy ihany koa. Novolavolaina tamin'ny fomba ara-boajanahary hizotra ho amin'io firaismampon' tsy itambarana amin'ny hafa io ny maha izy antsika. Voalohany indrindra dia miseho amin'ireo anarana ifanomezan'izy roroa ity resaka tsy fitambarana amin'ny hafa ity: ny fitiavako, ny harenako...Raha ampitahaina amin'izany, ny anarana izay omen'ny manodidina azy ireo dia toa tsy misy dikany. Tena manasongadina azy izany

---

<sup>111</sup> Tononkira 2.2 (diem)

<sup>112</sup> Tononkira 2.3 (diem)

<sup>113</sup> Tononkira 2.16

<sup>114</sup> Tononkira 4.12

<sup>115</sup> Tononkira 5.10

<sup>116</sup> Tononkira 6.8-9

<sup>117</sup> Tononkira 7.11

<sup>118</sup> Tononkira 8.6a

satria ny fahitany ireo zatovo vavy hafa dia toy ny tsilo; fa ravehivavy kosa mahita ireo zatovo lahy hafa ho toy ny hazo any an'ala!

Tsy afenin'ny Testamenta Taloha ny fifankahalana mahery vaika, ny loza sy ny tsy rariny ateraky ny fampirafesana. Tsy miresaka fahasambarana na dia kely akory aza ny Soratra Masina ao amin'io karazana fifandraisana io, saingy tsy tambo isaina ny fampanantenana fahafenoana omeny ho an'ny olon-droa mivady. Tsy natsoina hikambana amin'ireo vadiny na ny lehilahy na ny vehivavy, fa amin'ny vadiny. Tsy **roa** (fa tsy telo na dimy) intsony izy ireo fa iray.

### **Ny fahatsapana ho voaaro**

"Indro ny **filanjan'i** Solomona! Lehilahy enim-polo, mahery avokoa, avy amin'ny lehilahy mahery amin'ny Israely, no **manotrona** azy. An-tsabatra avokoa izy rehetra sady mahay miady, samy mitondra ny sabany eo am-balahanay avy **noho ny tahotra amin'ny alina**."<sup>119</sup>

Amin'ny ankapobeny ny tsy fisian'ny fahatsapana ho voaaro dia mangalatra ny fahatsapana fahafenoana. Mamelana ao anatin'ny fiadanana ny fifaliana sy ny fitiavana. Araka izay ho hitantsika aoriana kely, ny fahatsapana ho voaaro dia zavatra tena manan-danja ho an'ny vehivavy. Avy amin'ny malalany voalohany indrindra ity soatoavina ity: avy amin'ny fihetsiny, ny toetrary, ny teniny azo antoka; fa araka ny hita tetsy ambony ihany koa: tsy voaelingelina na tandindonin-doza na avy amin'iza na avy amin'iza, ary na avy amin'inona na avy amin'inona.

Ny fifamatorana am-po, ny fiarahana tsy itambarana amin'ny hafa ary ny tsy fisehosehoana izay itaoman'ny fampianaran'ny Baiboly dia mifanohitra tanteraka amin'izay ahariharin'ny haino vaky jery ankehitriny. Ao anatin'ireo tontolo ireo ilay hamamoam-pitiavana voajanahary dia lasa zary lasa toy ny fomban'ny biby sy toy ny etam-barotra aharihary sy amidy araka izay azo atao.

Araka izay efa hitantsika, ny fifamatorana am-po eo amin'ny mpivady dia mitombo amin'ny fomba madio rehefa iainana amin'ny firindrana sy amin'ny fahatokiana fa nanao safidy tsara. Manaraka izany, ny fifankatiavan'ny mpivady dia hivelatra ho amin'ny fahatsarana raha niainana tao anatin'ny fanajana ny ankilany ny fiarahana sy ny fifamofoana. Ny baranahiny eo amin'ny tontolon'ny haino vaky jery ankehitriny mahakasika ny tontolon'ny fananahana dia mitaky ezaka mihoatra ho an'ireo izay maniry ny handeha amin'ny fahitsiana sy banana fahafahana amin'ny fisainana sy ny fihetsika. Saingy raha Andriamanitra no momba antsika iza no hahatohitra antsika? Mirefarefa amin'ny tany loatra ny vokatra entin'ny fivoizana ny fanambaniana ireo hafa fananahana, hany ka tsy

---

<sup>119</sup> Tononkira 3.7-8

mahagaga raha fankahalana no asetrin'ny fiarahamonina izay miezaka mitady ny marimaritra iraisana. Ireo izay nisafidy an'i Kristy kosa tsy mila mitady ny marimaritra iraisana manoloana ireo hevitra roa mifandrirotra ireo fa afaka ny hijoro tsara manoloana ny fanindrahindrana na namambaniana ny resaka fananahana. "Ny fahendrena...efa naniraka ny ankizivaviny; Miantso eny anttampon'ny fitoerana avo any an-tanàna izy ka manao hoe: Izay kely saina, dia aoka izy hankatý; Ary amin'izay tsy ampy saina dia hoy izy: Avia, hano ny mofoko, ary sotroy ny divay voaharo haroko. Ilaozy ny kely saina, dia ho velona ianao, ary mizora amin'ny lâlan'ny fahalalana."<sup>120</sup>

Hamaranana ity lohahevitra ity dia andeha kosa hojerentsika ireo antony folo hitehirizana ny firaisansara ara-nofo ho an'ny sehatry ny fanambadiana.

## **Antony folo tsara hitehirizana ny firaisansara ara-nofo ho eo amin'ny sehatry ny fanambadiana**

### **1. Vao maika tena tsara ny fanomezana rehefa omena amin'ny fomba tsy ampoizina**

Eritrereto hoe nanapakevitra ny dadanao, araka izay efa fantapatatrao ny hanome anao ilay môtô efa nonofinofisinao amin'ny faha roapolo taona anao. Roa herin'andro mialoha ny daty dia nahita fonosana lehibe iray ianao tao amin'ny tranokely fasiana etana. Ny roa andro voalohany dia niezaka ny tsy handalo akaikin'ilay fonosana ianao; rehefa fanomezana dia fanomezana ary rehefa omena amin'ny fomba tsy ampoizina dia omena amin'ny fomba tsy ampoizina, izany no fanekem-pinoana naха-resy lahatra anao hatramin'ny fahazazanao raha vao fanomezana no resaka. Saingy ny andro fahadimy, mba hampisy fifaliana kely fotsiny, dia nanatona ilay fonosana ianao ary nitsapa ny lanjany. Ny andro fahafito, tsy aritraqa intsony; mila hitako ny lokon'ilay zavatra tena irako fatratra. Nanatona mangingina ianao ary nosokafanao ny fonony... Hatsaran-javatra izany, hoy ianao; fantatro amin'izay izay ao anatin'y.

Roa andro taty aoriana rehefa tsy nisy olona teo amin'ny manodidina dia niditra ilay tranon'entana ianao ary novohainao ilay fonosana. Tena tsara ny vatan'ilay môtô, mbola manimanitra ery ny lokony, efa mipetaka ny lakile... Miady mafy ianao ao amin'ny feon'ny fieritreretanao: tena ho diso fanantenana ny amiko ny dadako raha mahita ahy eto... "Henoy kely fotsiny ny feon'ny môtéra" hoy ny mpaka fanahy. Niakatra teo ambonin'ilay môtô ianao, nahodinao ny lakile ary dia novelominao. Naneno ilay môtéra vaovao ary nampita feo

---

<sup>120</sup> Ohabolana 9.1-6

mirondrondrona teo an-tsofinao ary nampidoboboboka ny fonao. Ampy izay hoy ianao ao anatinao ao, manome toky ny tenanao.

Valo amby efapolo ora sisa dia ho tonga ilay andro sarobidy, saingy nanohy ny fandresen-dahany ny mpaka fanahy nanao hoe: "Maninona raha andramana? Mihodina kely fotsiny? Tsy misy mahita anao akory sady tsy mampiova n'inon'inona izany." Niverina tany amin'ilay môtô ianao, nesorinao ny fonosany manontolo ary natosikao hihazo ny arabe ilay izy. Lasa izao; sady niaina traikefa mampitaintaina no mampalahelo ianao; malok'ila ny fahasambaranao, voatasin'ny nenina ny fietanam-ponao. Nody mangingina ianao sady nanantena fa tsy nahatsikaritra n'inon'inona ny mpifanolo-bodirindrina. Nofoncosinao indray ilay fanomezana sarobidy sady mangovitra kely ihany ianao. Tonga ny marainan'ny faha-roapolo taonanao, voatery nihatsara velatsihy ianao nanoloana ny fietanam-pon'ny dadanao. Efa vita hatreо ilay noheverina ho zavatra tsy ampoizina, tsy nisy fitaintainana intsony, saingy mody niaina zavatra hafa mihitsy ianao ho fanafenana ny fahadisoanao. Ilay andro iray izay niaraha-namisavisa matetika dia matetika, ilay andro tokana eo amin'ny fiaiananao no indro rakofan'ny lainga. Manana môtô tena tsara ianao, saingy efa fantatrao ny mombamomba azy ary raha tsy misy fanarenana ny fahamarinana dia ho zary lasa fahatsiarovana mangidy ho anao ilay izy.

Ny namana, ny haino vaky jery, ny mpiara-miasa ary ny devoly dia afaka hiaraka toy ny antoko-mpihira iray hihira amin'ny karazam-peo rehetra manao hoe tsara, ara-dalana ary ilaina ny firaiana ara-nofo alohan'ny fanambadiana; tsarovy anefa fa llay Andriamanitra nahary ny fanambadiana no Mpanolo-tsaina tsara indrindra ho anao.

## 2. *Ny rindran-damin'ny fahariana*

Andininny dimy manomboka amin'ny Genesisy ka hatramin'ny epistily ho an'ny Efesiana ary nambaran'i Jesosy in-droa ny fisainan'ny Baiboly izay mampianatra antsika fa: "Ny lehilahy dia **handao** ny rainy sy ny reniny ka **hikambana** amin'ny vadiny; dia **ho nofo iray** ihany ireo."<sup>121</sup>

Ny fahasamihafan'ny olombelona sy ny kolontsainy avy dia manana tanjona ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra.<sup>122</sup> Ny zavatra ambonin'ny kolontsaina rehetra satria avy amin'ny fahariana sy avy amin'Andriamanitra dia tsy inona fa ireo dingana telo izay mitarika ho amin'ny fanorenana ankohonana

---

<sup>121</sup> Genesisy 2.24, Matio 19.5, Marka 10.7, 1 Korintiana. 6.16, Efesiana 5.31

<sup>122</sup> Don Richardson ao amin'ny boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe "L'éternité dans leur cœur » dia manazava amin'ny fomba mahavariana ireo singa ara-natoraly, araka an'Andriamanitra ary singa avy amin'ny maizina izay mitondra fiatraikany eo amin'ny vahoaka tsirairay.

madio izay hitarika ho amin'ny fiarahamonna madio. Andeha ho jerentsika akaiky izy ireo:

- Voalohany: **mandao**. Mitaky fahasahiana izany ho an'ny lahy sy ny vavy, fahasahiana hikopak'elatra amin'ny famoronana sela vaovao, mahaleo tena sy misaraka amin'ny ray aman-dreny.
- Faharoa: hikambana na **hanao fifanekena**. Eo imason'ny olona rehetra manomboka eo dia ity vehivavy ity no vadin-dralehilahy, ary ity lehilahy ity no vadin-dravehivavy.
- Fahatelo: **ho nofo iray ihany**, hiray ara-nofo. Mba hahafahan'ny lehilahy iray miray ara-nofo aminao dia tsy maintsy manao fanekena aminao izy ary ianao manao fanekena aminy. Ao amin'ny "toerana masina" vaovao naorina tamin'ny fitiavana sy fahatokiana ary afaka hitarika amin'ny fisian'ny aina vaovao no hisian'io firaisansa io.

Araka ny hanehoan'ireo teboka manaraka azy, **ny fahefana tsy misy andraikitra dia loharanon'ny fahadisoam-panantenana ary tsy manome fahatsapana ho voaaro na kely akory aza**. Ny fanomezana fahefana olona iray amin'ny vatanao nefo izy tsy vonona handray handraikitra dia mitarika ratra goavana izay mety tsy ho sitrana mihitsy.

### 3. ***Ny tena fitiavana mahay miandry***

An'aliny maro ny tanora no mitory sy miaina izany. Feo faminaniana mikikika eny an-joron-dalana sy eny amin'ny toerana fivoriam-bahoaka izy ireny.

Nisy niteny hoe: "***Ny fitiavana dia afaka miandry hatrany mba hanome, fa ny fieremana kosa tsy afaka miandry mba handray.***" Ny hoe: "Raha tia ahy ianao, andao hiara-matory amiko" tsy mba teny fampiasan'ny fitiavana, fa kosa teny famerimberin'ny fieremana.

Ho an'i Jakoba izay hatsoin'Andriamanitra hoe Israely, ny fito taona nanompoany an'i Labana mba hahafahany manambady an'i Rahely zanany vavy dia toa tsy hitahita akory fa toy ny andro vitsy fotsiny, ***noho ny fitiavany azy***.<sup>123</sup> Raha nitsiriritra an'i Rahely kosa Jakoba dia ho toy ny tsy mety tapitra mihitsy ny fiandrasana; saingy ny fifaliana miaina tsy alavitra ilay tiany dia nanazava ireo taona maro ireo.

Marina fa io fotoana tena lava io dia noho ny fepetra notakian'ny mpampiasa azy kokoa fa tsy fanomanana madio teo amin'ny lafiny fotoana.

---

<sup>123</sup> Genesisy 29.20

Azontsika atao ny mihevitra fa amin'ny fisehoan-javatra manokana toy izany dia tokony hisy vahaolana manokana ihany koa. Noho izany maro ireo mpifamofa izay nosarahan'ny toerana noho ny fianarana maharitra atao'izy ireo no nisafidy ny hivady, amin'ny fahalalana fa tsy hiara-monina izy ireo raha tsy mahalana dia mahalana mandra-pahafahan'ny iray amin'izy ireo mampidibola ho fiahiana ny filan'ny tokantrano. Na dia vonjy maika aza ity vahaolana ity dia azo lazaina ho tsara lavitra noho ny fifamofoana tsy misy fiafarany, ary tsy azo ampitahaina amin'ny tokantrano maso.

#### **4. *Mahakasika ny rariny: Koa amin'izany na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany*<sup>24</sup>**

Nametraka izao fanontaniana izao aho tany amin'ny firenena maro samihafa sy tao anatin'ny taona maro, tamin'ny vodrona mpianatra any amin'ny lisea sy anjerimanontolo na kristiana na tsy kristiana: "Iza no tianareo manambady zatovovavy efa niray ara-nofo tamina lehilahy maro hafa sa zatovovavy nitahiry ny tenany ho anareo?" Antenaiko fa hifantoka tsara ianareo vehivavy mamaky ity boky ity eto: *mihoatra ny 99%* tamin'izy ireo no nisafidy tamimpahamatorana sy tsy ampihambahambana ny safidy faharoa. Mety ho nisy valiny hafa ve ny fanadihadiana raha napetraka tamin'ny zatovovavy ny fanontaniana? Tsy mino aho. Rariny faran'izay tsotra indrindra ny fanaovana amin'ny hafa izay tiako hataony amiko. Hoy aho tamin'ireo tanora ireo: "Raha tianareo ny hanambady zatovovavy virijiny rahampitso dia mila manaja azy ianareo anio. Raha tsy izany ahoana no hahafahanareo mitaky ny vadinareo hiaro ny tenany ho anareo?" Ny fitoerana ho virijiny mandrampahatonga ny fotoana hanambadiana dia zavatra ara-dalana sy ara-boajanahary na ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy. Fahamarinana voasoratra ao am-pon'ny olombelona izany. Ny ankamaroan'ny olona dia maniry mangina izany sady manesoeso izany amin'ny alalan'ny teny aza. Tokony hongotana ao am-pon'ireo izay mitoroka izany amin'ny hafa aloha voalohany indrindra ilay fihatsararam-belatsihy feno fanalam-baraka.

Raha eo amin'ny tontolon'ny fivarotan-tena ny maha-virijiny dia ambanimbaniana sy haratsiana ety ivelany, ny tena marina dia volabe ho an'ny mpanarama mpivaro-tena izy io! Takiany vola be izay maniry hiray amin'ny zazavavy virijiny...Indray mandeha tsy miverina eo amin'ny fainana ilay fotoana voalohany hanaovantsika firaisansana ara-nofo ary na ny devoly aza mahalala izany! Indraindray ny reniko miteny amiko hoe: "Toy ny mojomamy ny fitiavana; raha omenao olona iray ny didiny iray ary ny ampatelony ho an'olona iray hafa, inona intsony no homenao ny vadinao amin'ny andron'ny mariazy?" Izay niroso

<sup>24</sup> Matio 7.12

tamin'ny fanaovana firaosana ara-nofo in-drav mandeha na maromaro mialoha ny fanambadiana dia tsy hanana ilay fanomezana tsy ifampizarana amin'ny hafa ho an'ilay malalany ao anatin'ny harona fasiana tsodrano. Ho ahy sy Michèle rehefa samy vonona ny hahalala sy hanaiky ny lasanay tsy mitovy izahay dia tamin'ny fihetseham-po feno fankasitrahana ny andaniny sy ny ankilany ary fankasitrahana ny Tompo no nahafahanay niresaka mahakasika izany nandritra ny fifamofoanay.

##### **5. *Ny firaosana ara-nofo na dia voaaro aza dia mety hamindra aretina sida sy ireo aretina hafa miampita amin'ny alalan'ny firaosana ara-nofo***

Tao anatin'ny sary miaina nozaraina ho fiarovana amin'ny aretina sida teo anivon'ny ankizy mpianatra anarivony dia nisy fanontaniana nipeetraka mahakasika ny fomba atao raha rovitra ny kapaoty mandritra ny firaosana ara-nofo.

Mazava ny valiny fa tsy misy vahaolana afa-tsy ny miandry telo volana hanaovana ny fitilihana (raha tratran'ny aretina na tsia), ary narahina fampatsiahivana izany fa ny menaka fampiasa rehefa manao firaosana ara-nofo sasantsasany dia mety hahatonga ny kapaoty tsara indrindra ho mora vaky.

Mba azonao an-tsaina ve hoe adolantsento 100 no miray amin'olona maro mandritra ny taona, ary isaky ny firaosana ataony dia misy risika na dia faran'izay kely aza ho tratry ny aretina? Eny fa na dia vitsy aza no mitondra ny aretina sida ny amin'ny fiandohan'ny taona dia tena azo heverina ny risika hamindra ny aretina amin'ny tanora hafa ao anatin'ny taona. Marina izany na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy eny ho an'ny fiaraha-monina manontolo.

Ny fiarovan-tena azo antoka indrindra amin'ny sida eo amin'ny lafiny firaosana ara-nofo dia ny ***tsy fanaovana firaosana ara-nofo*** na ny ***fitoerana ho mahatoky*** eo amin'ny olon-droa samy tsy mitondra aretina.

##### **6. *Firaosana ara-nofo iray ivelan'ny fanambadiana, eny na dia amin'ny fofombadin'ny tena aza dia manokatra mora foana varavarana ho amin'ny fiarahana ivelan'ny fanambadiana na dia aorian'ny mariazy aza.***

Raha manaiky hanao firasaina ara-nofo ivelan'ny fanambadiana amiko ny fofombadiko dia lasa sadasada ny fomba fitondran-tenany. Zavatra tsy ampoizina amin'ny fotoana maha-mety azy (raha sendra marary, tsy fifankazahoana, fandehanana alavitra) dia mety handrodana ny rindrin'ny fiarovan'ny tokantrano taona vitsy any aoriana. Mamparefo ny fiainan-tokantrano amin'ny ho avy ny fifandraisana toy izany.

## **7. *Misy risika na ho an'ny ray aman-dreny na ho an'ny zaza ny fitondrana vohoka ivelan'ny fanambadiana***

Tsy misy fomba fanabeazan'aizana azo antoka 100% izany. Ny fiandrasana zaza alohan'ny fanambadiana dia manova ny zava-misy rehetra: tsy roa intsony isika fa telo na mety mihoatra aza!

Tadidio fa ny fifamofoana amin'ny fomba madio dia azo tahapahana. Tsy misy olona natao tsy ho tratran'ny fiovan-kevitra tsy hay hazavaina, na ny fifandirana mahery vaika, na ny loza, na ny aretina mafy, na ny fahakiviana lalina izay mety hampitarazoka na hanakana ny fanambadiana.

Misy ihany koa singa hafa tsy dia fahita nefá tena misy sady tsy mampiomana no tsy azo ianalana, toy ny fahafatesana, fanjavonana, zava-miseho goavana. Ireo rehetra ireo ankoatra ny fisehoan-javatra tsy fahita firy, toy ny hoe efa nahazo izay notadiaviny ralehilahy dia tsy liana intsony amin'ny fofombadiny, na noho ny tahotra ny andraikitra miandry azy dia nanjavona tsy hita izay nalehany. Ny firaisansana ara-nofo ifanaovan'ny mpifamofo noho izany dia mety hahatonga fahaterahana zaza tsy hanana ray aman-dreny mitambatra ho iray.

Nankafizinao ve ny tombontsoa nanananao tamin'ny fahafahana nitombo teo anivon'ny dada sy neny? Tolory fahatsapana ho voaaro toy izany koa ny zanakao. Nijaly noho ny haha-tsy teo ny iray tamin'ny ray aman-dreninao ve ianao, noho ny antony efa voalazantsika? Aza avela hahazo ny zanakao ny fahorianana diso fantatrao loatra.

## **8. *Ny fitondrana vohoka ivelan'ny fanambadiana, indrindra raha tsy nirina dia matetika miafara amin'ny fanalan-jaza***

Ny firaisansana ara-nofo dia midika ho lalana misokatra ho amin'ny fitondrana vohoka. Fandre matetika ny hoe afaka manao izay tiany atao amin'ny vatany ny vehivavy, rehefa ny fampitsaharana ny vohoka an-tsitrano no resahina. Raha ny marina anefa dia tsy vatany no resaka fa ny vatan'ny zanany. Tahaka azy ihany fony izy tao an-kibon'ny reniny.

Ny adihevitra ankehitriny dia mampiasa ny trangan-javatra miseho amin'ny endrinry faratapony ho entina hanamarinana fa azon'ny olombelona rehetra atao ny manala zaza. Ny fijoroana vavolombelon'ity zazavavy kely teraka noho ny fanolanana natao tamin'ny reniny ity dia tokony hampieritreritra antsika. "Misaotra ny mamako aho tsy nanameloka ahy ho faty noho ny heloky ny raiko" hoy izy.

Rehefa mivelatra amin'ny fanomezan-danja ny fahamarinana ny fandrosoan'ny tontolon'ny fitsaboana dia tsy ho ela dia ho maro ny firenena no ho tratry ny

henatra lalina noho ny nifidianany lalàna izay manaiky ho ara-dalana ny fanipazana eny amin'ny fanarium-pako ny iray ampahatelon'ny vahoaka ao aminy (mety hihotra aza). Moa tsy hafahafa ve raha ao anatin'ny tanan-dehibe iray dia misy mpivady am-polony maro miady an-taonany maro mba banana zo hanangan-jaza ary mandany vola tsy toko tsy forohana satria mety mila alaina any am-pitan-dranomasina ilay zaza, nefà mandritra izany fotoana izany dia hopitaly maro no manala zaza iray amin'ny roa teraka? Ahoana no handosiran'ny fiarhamonina toy izany amin'ny fitsaran'Andriamanitra? Heloka ny fanalan-jaza ary tompon'andraikitra feno amin'izany na ny ray na ny reny.

Nomelohin'i Jesosy ho mpamono olona ny devoly ary tsindriany manokana fa miezaka manaraka ny sitrany ny olona.<sup>125</sup> Raha tsy misy fibebahana lalina dia tsy misy mpamono olona manana fainana mandrakizay mitoetra ao anatiny.<sup>126</sup> Ambaran'ny Soratra Masina amintsika ihany koa fa afaka ny ho feno fifaliana sy ho feno ny Fanahy Masina ny zaza hatrany an-kibon-dreniny.<sup>127</sup> Maro ny andininny miresaka amintsika mahakasika ny asan'Andriamanitra sy ny fikasany amin'ny zaza.<sup>128</sup>

Mifanohitra amin'izay ankalahzaina amin'ny fomba ofisialy any amin'ny sekolintsika, ny vahaolan'ny vohoka tsy nirina tsy fanalan-jaza fa fananganan-jaza ohatra.

Andeha ho faranana amin'ny fampatsiarovana fa ny zanatsika dia hanaraka ny ohatra apetratsika ity teboka mampalahelo ity. Ho vitantsika ve ny hilaza am-pahamendrehana amin'izy ireo fa ny rahalahiny sy anabaviny roa tamin'izy dimy dia nahilikilik'i dada sy neny tsy ho isan'ny ankhonanay. Raha eny, moa tsy afaka hanontany amin'ny fomba marina ve izy ireo fa tena azo eritreretina ho isan'izay nolavina ihany koa izy ireo raha notorotoronina tamin'ny fotoana nifanindry tamin'ireo izay nesorina.

## **9. *Miteraka fifandraisana hafa ankoatra ny fifandraisany ny nofo ny firaiana ara-nofo.***

---

<sup>125</sup> Araka ny Jaona 8.44

<sup>126</sup> Araka ny 1 Jaona 3.15

<sup>127</sup> Lioka 1.15, 44

<sup>128</sup> Ohatra amin'izany ny Salamo 139

iray ihany izy roroa""<sup>129</sup> Mahakasika firaisan'ny maha-izy no ao ambadik'io andininy io, dia tsy inona fa ilay hetsika mamorona. Ny fitadidiana, ny fihetseham-po, ny vatana dia samy vaokasika ary mety ho voaloto ilay firaisana ara-dalana rahatrizay.

## **10. Mitera-doza ara-moraly sy ara-panahy ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana**

"Moa tsy fantatrareo va fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra ny mpijangajanga... sy ny mpaka vadin'olona sy ny sodomita"<sup>130</sup>

"Mandosira ny fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany."<sup>131</sup>

Ny tantaran'ny fijangajangan'i Davida mpanjaka dia maneho ny fiahian'Andriamanitra izay mitaona azy hibebeka ary avy eo Izy namela ny helony, nefo koa tsy afeniny voka-dratsy nentin'izany fihetsika izany teo amin'ny ankohonany.<sup>132</sup>

## **Inona no azo ambara mahakasika ny tokatranomaso?**

Mety hitombo tsy ankijanona ny fiaainana tokatrano maso ary mamenno tranomboky iray mihitsy ireo antony hanamarinana azy. Fomba fiaina mampaharefo ny fiaraha-monina sady mandravarava ny taranaka ho avy anefa izy ity. Raha miray fo na sambatra ny ankohonana iray nefo miorina eo ambony fasika dia ny tokantranomaso izany, ny fahendrena dia ny fampiorenana ny fifanekeny amin'ny alalan'ny mariazy (toy ny faharesen-dahatr'ireo mpivady maro voakasiky ny Filazantsara)

## **Manàna fahasahiana**

"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina."<sup>133</sup>

Tsy ao anatin'ny fakam-panahy no hieritretana mahakasika ity safidimpainana ity fa mialoha araka izay azo atao ary amin'ny fomba hentitra. Mandritra ny fotoana iarahana no mila ifampizarana amin'ny fomba henitra sy

---

<sup>129</sup> 1 Korintiana 6.16

<sup>130</sup> 1 Korintiana 6.9

<sup>131</sup> 1 Korintiana 6.18

<sup>132</sup> 2 Samoela 11, 12.1-14

<sup>133</sup> Romana 12.2

tsy misy fifampiraharaha araka izay azo atao ity fanapahan-kevitra ity. Hanome fifanajana sy fifampatokiana tena tsara iainana ny fanaovana izany!

Tamin'ny fitoriana Filazantsara natao farany teo tany Abidjan, Côte d'Ivoire dia nanome sehatra ireo tanora handray fanapahan-kevitra ampahibemaso mahakasika izany aho. Olona roa avy amin'ny ekipa, ny vadiko no iray tamin'izy ireo no nandohalika ho ohatra teo afovoan'ny lampihazo; tamin'ireo olona 4 000 nanatrika, tanora an'arivony teo no nanatona azy ireo. Nanolotena ampahibemaso ny hiaina ny fiaianana ara-pananahana araka an'Andriamanitra izy ireo.

Manolona fiarhamonina miha-lo, tandindonin'ny loza entin'ny sida ary vokisan'ny haino vaky jery izay indraindray mamoafady sy mety hitarika ho amin'ny firehidrehetana tsy amin'antony dia tanora maro no nisafidy ho fototra anorenana ny fiaianany ny hery sy ny fahitsiana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra.

## Fizarana faha efatra

### 4 Fifamatorana eo amin'ny sehatry ny fanahy

Ny fanahy eto dia entina hilazana ny ivon'ny sitrapo, fahalalana ary fihetseham-po.<sup>134</sup> Noho izany dia singa tena manan-danja ho an'ny maha-izy antsika ny fanahy izay hitondra fiatraikany amin'ny fifanekena eo amin'ny mpivady. Ny fitiavana antsoina hoe fileô (Testamenta Vaovao) dia midika fifandraisana akaiky eo amin'ny fanahy, izany hoe mitia amin'ny maha-mpinamana.

Iray amin'ireo finamàna madio sy mahery vaika izay tena malaza ao amin'ny Soratra Masina ny finamàn'i Davida sy Jonatana. Toy izao no ilazana azy: "Ary rehefa nitsahatra niteny tamin'i Saoly izy, dia raiki-pitia tamin'i Davida ny fanahin'i Jonatana, ka tia azy hoatra ny tenany mihitsy izy. Ary Davida sy Jonatana nanao fanekena noho ny fitiavan'i Jonatana azy toy ny tenany."<sup>135</sup>

Maro dia maro ny mpivady no tsy mahatakatra ny fahasamihafana misy eo amin'ny fitiavana agape sy ny fitiavana fileô. Ny voalohany fitiavana tsy misy fepetra, "fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao..."<sup>136</sup>, raha miankina mivantana amin'ny safidintsika isan'andro kosa ilay faharoa. Tsy niahotra Jesosy niteny tamin'ny mpianany nanao hoe: "Ianareo no sakaizako, raha manao araka izay andidiako anareo."<sup>137</sup> Manindry io resaka fepetra io ihany koa ny Ohabolana : "Izay te ho sakaizan'ny mpanjaka dia handala eritreritra madio sy fiteny maha te hotia."<sup>138</sup> Ny fampifangaroana na ny tsy fahalalana ireo lafin-javatra roa mahakasika ny fitiavana ireo dia mitarika amin'ny fikolokolona tsy firahirahiana ny famelomana ny finamàna eo amin'ny mpivady.

Mandritra ny fiarahana sy ny fifamofoana dia kolokoloina amin'ny fomba maro samihafa ny finamàna: fiarahana misakafo, fiarahana mitsangatsangana mandritra ny ora maro, fiarahana miala voly, fifampiantsoana sy fifanoratana maharitra, sns.

---

<sup>134</sup> Raha entin'ny Soratra Masina hilazana ny ivon'ny fihetseham-po ny fanahy amin'ny andininy maro dia ampiarahiny matetika aminy ihany koa ny fahalalana sy ny sitrapo. Tamin'ny andro pantekoty dia fanahy 3 000 (na olona) no nanampy isa ny fiangonana (Asa 2.41) Nampitandrina ny mpianany Jesosy nanao hoe " Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny fanahiny? Ary inona no homen'ny olona ho takalon'ny fanahiny?" (Matio 16.26) Jereo ihany koa ny Genesisy 35.18, 42.21, 1 Mpanjaka 17.22 sns.

<sup>135</sup> 1 Samoela 18.1, 3

<sup>136</sup> Jaona 3.16

<sup>137</sup> Jaona 15.14

<sup>138</sup> Ohabolana 22.11 (diem)

Raha vao tafiditra ao amin'ny sehatry ny fanambadiana ny mpivady dia zary reraka lava, hany ka tsy mihaona raha tsy ny maraina sy ny hariva, manao fitsitsiana amin'ny lafiny fiarahana mivoaka ary mitsoaka izay rehetra neverina ho adidy tsy maintsy atao mandritra ny faran'ny herin'andro, izay zary lasa mivadika ho rotoroto matetika. Na eo aza izany rehetra izany dia mino izy ireo fa ampy hameno ny banga amin'ny finamàñ'izy ireo ny fitiavana agape (na ny fitiavana erôs izay tsy inona fa ilay fifanintonana ara-batana). Ifikirany miharihary na mangina izao fomba fisaina izao: "Tokony hitohy hitia ahy izy (na ho namako), satria kristiana izy" Na koa "Mandeha ho azy ny fifankatiavanay satria Jesosy no Tomponay." Ilay fitiavana agape ambaran'ny 1 Korintiana 13, izay horesahantsika ao amin'ny fizarana manaraka dia tsy ho levona mandrakizy (na dia mety hariana na hialana aza), fa ny fileô kosa mety harary na ho faty. Ny finamàna dia toy ny afo: mila kitay hatrany izy mba hirehetany. Ny fileô dia na mahery vaika na saozanina, voatohana ara-tsakafo na maty noana, arakaraka ny safidy ataontsika isan'andro. Matetika dia ny fileô no hitondra fahasamihafana eo amin'ny andro manjombona sy feno fihenjanana sy ny rivotra iainana anjakan'ny fifampatokisana sy ny fifampizarana. Ity finamàna ity rehefa voakolokolo dia haneho fahatsarana sy manaitra eo amin'ny fifandraisan'ny mpivady nahay nikarakara azy. Izy no mitombo lehibe lavitra noho ny tamin'ny niandohany aorian'ny 20 taona nifampizarana fainana. Izy no manetsika ny tsikombakomba, ny fihomehezana, faharetana, fiombonam-pisainana, fifampatokiana ary ny fiarahana miala voly. Mbola ny fileô ihany koa no mitondra fahasamihafana amin'ny fisokafana ho amin'ny Filazantsara ho an'ny iray mbola tsy mino raha tonga tamin'ny finoana ny iray taorian'ny mariazy.

Toa vahiny amin'ity soatoavina ity ny tontolon'ny sary mihetsika, sy haino vaky jery, eny ny fanabeazana aza. Tiana hino isika fa amin'ny lafiny iray dia zanaky ny mpiray tampo amin'ny rajako ny olombelona, nivoatra nefo tsy nitoetra ho mahatoky, ary amin'ny firaisansana ara-nofo entanin'ny filana no mitondra fivelarana eo aminy, ary ao anatin'izany, ny maha-mpinamana dia neverina ho tsy zava-dehibe ary indrindra indrindra zavatra vonjy maika fotsiny! Vitsy ny mpivady no maneho ny mifanohitra amin'izany (na dia misy mpivady antapitrisany maro aza eto amin'ny planeta tany)

## **Nantsoina hivady amin'ny olona namantsika isika ary natao hikolokolo ny maha-mpinamana mandritra ny andro iainana**

Soatoavina mahaleotena izay tsy voasolon'ny firaisansana ara-nofo eo amin'ny mpivady, eny na ny fiarahana manompo aza ny finamàna eo anivon'ny mpivady. Tsy tao amin'ny efitrano fandriana na tao amin'ny tempoly no nametrahan'

Andriamanitra ny lahy sy ny vavy fa tao amin'ny zaridaina. Ny tempoly dia sary maneho ny fiankohofana, ny fanompoana, ny fitsipi-pifehezana; ny zaridaina kosa maneho fiadanana, hanitra, loko, tany taka-maso, voninkazo, voankazo ary finamàna. Rehefa nomen'Andriamanitra fahefana ho tonga zanany isika dia nomeny fahafahana hiditra ao amin'izany zaridaina izany ihany koa isika. Tian'Andriamanitra hikarakara zaridana feno zavatra mahasondriana izay natao hasaina sy hotandremana<sup>139</sup> ihany koa isika ao anatin'ity fiainana vaovao iarahan'olondroa ity, tahaka izay nataony tamin'i Adama sy Eva. Mitady ny fomba rehetra hanakanana antsika ny menarana. Maro ny mpivady no mitodika amin'ny lasa ary manembona ny fiantombohan'ny fiarahany izay nilomano tao amin'ny fitiavana niarahan'izy ireo nigoka ny tsy fananan-tsiny sy fahasambarana. Fa inona ary no niseho? Tsy nihevitra ireo fampianaranana telo ho an'ny mpivady izay nomen'llay Mpahary sy Mpanorina ny fanambadiana izy ireo ho fitantanana ny zaridainany.

- Mitandrina,
- Miasa,
- Tsy mihinana ny voankazo voarara.

### ***Inona no mety hamono ny “fileô”?***

Amin'ireo antony marobe dia ireto misy santoniany:

- Fitsaharana tsy mikolokolo intsony ny finamàna na eo amin'ny lafiny fotoana na fahatsarana.
- Fanoherana tsy ankijanona ny ankilany.
- Fanindriana ny fahadisoana tsirairay ataony.
- Fanesoana azy ao anaty mangina ao.
- Fanaovana antsirambina ny lafiny ara-batana.
- Fivazavazana fa tsy fitenenana.
- Famelana ny ankizy hampiasa ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny ray aman-dreny ho entina mitaona azy ireo homba ny tena ary hanohitra ny ankilany.
- Fitsaharana amin'ny fifamelana, vavaka ary fahamasinana.

Toy ny tsy naha-voatery an'i Adama sy Eva hanaraka an'i Satana no tsy maha-voatery anao hamono olona alohan'ny filentehan'ny masoandro. Tahaka ahy sy ianao dia nanana izay rehetra nilaina hiarovana ny fitahiana, hikolokolona sy hanakanana ny mpandrava izy ireo. Afaka ny handroso am-pahombiazana sy ho tonga ho toy ny dia lavitrezaka hamakivaky taona maro amin'ny fitomboana amin'ny fahatsarana sy famirapiratana ny tokantranonao. Tsy maintsy hisy

---

<sup>139</sup> Genesisy 2.15

vanim-potoana sarotra, lalan-diso toa mahasarika, soso-kevitra maka fanahy sy avy amin'ny devoly; saingy afaka ny hanolo-tsaina antsika ilay Tompon'ny aina sy Tompon'ny fanambadiana. Mbola mitoetra ho fiarovana mafy hatrany llay Mpiaandry tsara rehefa mihaodihaody ny amboadolia. Rehefa mitohy mihaino Azy ianao dia hankafy ny vokatra tsy lany laniana sy matsiro ary ny loharanao manala hetaheta ao amin'ny zaridainany ianao.

Toy ny tany am-piandohana dia tian'Andriamanitra hatrany ny mitsangatsangana ao amin'ny zaridainany miaraka amin'ny lehilahy sy ny vehivavy nohariana araka ny endriny.<sup>140</sup>

Mba hivelarany sy hitoeran'ny finamàna mandritra ny andro ianana dia tsy ampy ny fahalalana, ny fiasany ary ny fepetra takiana fa mila fantatra koa ny fototra iorenany. Tsy mihambo ho afaka hilaza azy rehetra aho, fa santionany ihany ireto manaraka ireto:

## Mieritreritra aloha vao manao hetsika

Ny fiainana ny maha-mpinamana tsy mba terena na takiana. Mitaky fanatonana ny ankilany izy, fisokafan'ny fo sy ny fotoana. Feno fanetren-tena izy ary mety hanjavona, amin'ny fomba tsy eritreretina akory, raha tonga manototra azy ny fiahiana ny amin'ny fiainana na ny fitiavam-bola.

Marina fa azon'ny Tompo arenina avokoa ny fiainan-tokantrano rehetra ary antenaiko fa ho maro amin'ireo mpivady mamaky ity asa soratra ity no hahita fitsipika tsotra sy mahomby izay hamelombelona na hanasitrana ny finamàny. Fa ho an'ireo mbola tsy manambady kosa dia te-hanindry zavatra mari-pototra aho amin'ny alalan'ity fizarana ity: ***Mora dia mora ny hahatonga anao ho naman'ny olona iray fa tsy olona iray hafa. Tsy ampy ny manambady olona iray satria tsara tarehy na tena ara-panahy izy!***

Voalaza fa jamba ny fitiavana, rehefa tia dia jamba angaha no tokony hotenina. Satria nahoana? Noho ny antony roa lehibe: Voalohany dia zary toa mihena dia mihena ny tsy fahatanterahany na tsy hitan'ny maso, ny fahatsarany kosa mitombo toy ny nojerena tamin'ny lopy; manarak'izany rehefa raiki-pitia dia samy maneho ny tenany amin'ny fomba tsara nefy tsy mitaky ezaka akory ny tsirairay... saingy olona samihafa amin'ny tena no alaina vady, olona mazoto homana na tsy dia mahina-kanina, ohatra, na mitandrina kokoa rehefa manao zavatra, na tsy dia mikorontana firy, na mitomany rehefa mihomehy ny iray, na mihomehy rehefa mitomany ny iray, sns. Kilalao ratsy ny manao ny fomban'ny aotrista izay manafina ny lohany ao anaty fasika sy ny fandavana tsy hamakafaka. "Ny kely saina mino ny teny rehetra; Fa ny mahira-tsaina

<sup>140</sup> Genesisy 3.8

mandinika ny diany.”<sup>141</sup> Te-hiteny amin’ireo izay mikasa hanambady nefà tsy mandinika aloha aho manao hoe: “mandehana fa tsy misy azoko atao aminaò; saingy mila manam-bitana maro ianao mba hahafahan’ny kisendrasendra manome fahasambarana ho anao. Kely dia kely ny vintanao ho tonga amin’ny toerana tianao haleha raha mandeha andro alina tsy mitondra saritany any amin’ny lalana ambanivohitra tsy fantatrao ianao. saingy izao, raha namaky ity boky ity hatreto ianao dia satria mino ianao **fa mila fanomanana ny fanambadiana mahomby.**

Notsindrian’i Jesosy mazava tsara fa ny fandinihana amin’ny saina tony ny tetik’asa iray dia zavatra tena ara-dalana amin’ny ankabopeny ary amporisihina.<sup>142</sup> Na ireo izay manam-pikasana hiasa na hianatra dia samy manadihady mahakasika ny sekoly na ny orinasa alohan’ny handraisany fanapahankevitra, eny fa na dia tetik’asa fohy ezaka aza. Maika moa fa ho an’ny olon-droa izay mikasa hifamatotra amim-piraisam-po mandram-pahafaty, moa tsy tokony “hipetraka sy handinika” amin’ny fomba malalaka tsara ve izy ireo alohan’ny hirosoana. Saingy ahoana no fomba hamantarana izay tokony sy tsy tokony hatao?

Andeha ho raisintsika ho ohatra ny sambo iray izay ikasanao handehanana. Vao manatona azy ianao, na dia tsy matihanina amin’ny resaka sambo aza dia efa hitanao sahady fa tsy tanteraka ilay sambo, ireo harefesina eo aminy sy ireo fahsimbana vitsivitsy no porofo maneho ny tsy fahatanerahany. Saingy ny fahatokianao amin’ny ankabopeny na ny fahafahany mitondra anao dia nitarika anao handeha am-pilaminana. Heveriko anefa na izany aza fa tsy handeha amin’io sambo io ianao raha hitanao fa misy fahavakisana ilay sambo na mitongilana tsy mijoro tsara! Toy izany ihany koa ny amin’ny fanambadiana. Fadio ny miroso raha mivandravandra ny famantarana fa ho rendrika ilay sambo. Misy olona mila fanamboarana goavana (tahaka ilay sambo vaky) alohan’ny hanapahany hevitra hanao ny dia lavitr’ezaky ny fanambadiana. Manolona izany dia maro no mametraka fanontaniana manao hoe: “Moa ve tsy ho afaka hiova eny am-pandehanana eny ny olona iray?”

Tsy misy fiovana ho amin’ny fahatsarana azo anteniana mihitsy raha tsy raisina ho toy ny sehatra hiofanana ny fiainana, ary ny fahamasinana ekena ho tanjona katsahina amin’ny fahatongavan-tsaina. Ahoana no nahatonga ny andralehilahy manaja olona, tsara fanahy ary tia mikarakara nandritra ny fifamofoana ho lasa vady tsy manjary, kahihitry ary sarotsarotiny? Ahoana no mahatonga an-drivehivavy tsara tarehy, feno tsiky sy feno fahalinana mandritra ny fifamofoana ho lasa vehivavy tsy mivaky loha, kizintina sy be mokon-doha?

---

<sup>141</sup> Ohabolana 14.15

<sup>142</sup> Araka ny Lioka 14.28-30

Ny antony dia tsotra ihany, satria ny fironanana natoraly amin'ny maha-olombelona dia mitarika ho amin'ny fitotonganana'ny fomba fanao arakaraka ny fandrosoan'ny fotoana. Ny baranahiny dia mitarika ho amin'ny fahaverezan'ny soatoavina toy ny fifehezan-tena, ny hatsaran'ny teny fampiasa, ny fanajana, ny fanompoana ary ny fahaiza-mamorona. Mba hahafahany mandroso dia mila fahanana, karakaraina, amporisihina ary ahitsy ny finoantsika. Tena azo tanterahina ny fiovana ho amin'ny fahatsarana azo tsapain-tanana ho an'ny kristiana: "Fa isika rehetra kosa mijery ny Tompo, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra."<sup>143</sup> "Mazotoa, mba hiseho amin'ny olona rehetra ny fandrosoanao."<sup>144</sup> Saingy tsara ny manindry fa matetika ireo izay miaraka dia toa lany andro amin'ny nofinofy fa tsy mametraka fanontaniana amin'ny fomba mazava manao hoe: "Tena vonona handany ny androm-piaainako miaraka amin'ity olona ity amin'ny maha izy azy ve aho?" Metetika dia terena hiarina eny am-pandehanana ilay sambo raha tokony hahemotra ny dia. Mametraka ny tokiny amin'ny mazimazia izay heveriny fa hanova ny hadalana ho fahitsiana amin'ny fotoana tsy fantatra hoe oviana na amin'ny fomba ahoana ny olona.

## **Mianatra mifankahalala**

Sekoly fanefena toetra tsy azo ialana ny fiarahan'olon-droa. Misy fahazarana, fomba fanao, toetra, hery sy fahalemena ao amin'ilay ho vady izay tsy maintsy ekentsika na mety hitarika ho amin'hy tsy firosoana amin'ny marlazy.

Afaka samy mandinika ny tsirairay amin'ny alalan'ity mari-pamantarana kely ity, izay arahina ohatra hatrany:

- Izay mila ovana ho fiarovana ny mpivady:
- Fironana ho amin'ny tsy fahatokiana.
- Izay mila ovana farafaharatsiny amin'ny ampahany:
- Fomba fiaina mifanaraka amin'ny vola miditra.
- Tena tsara raha ovana :
- Hakamoana miharihary.
- Tokony hanaraka ny fomban'ny ankilany.
- Tia matory tsy manidy varavarankely.
- Mety hiova ihany fa mitaky fotoana lava:
- Toetra be fanahiana sy taitaitra.
- Tsy hiova mihitsy ary mila ekena:
- Halavana 2m 14 cm.

---

<sup>143</sup> 2 Korintiana 3.18

<sup>144</sup> 1 Timoty 4.15

Ny tsara indrindra dia ny tsirairay no mihevitra ireo rehetra ireo ho an'ny tenany manokana: "Fa raha mba mamantatra ny tenantsika isika, dia tsy mba hotsaraina."<sup>145</sup> Ohatra, ny olona bokan'ny trosa dia tokony handray fanapahan-kevitra feno fahendrena hanao izay azony atao mba hanilihana ny trosany mba tsy hitarihana ilay ho vadiny amin'ny faharavan-karena.

Hohitantsika ao amin'ny fizarana manaraka fa ny fiainam-panahy no fototry ny zavatra rehetra. Manao ahoana ny traikefa ara-panahin'ilay namako: ivelambelany fotsiny? Tena izy? Mivelatra sy mitombo?

Iza marina moa izy? Misy zavatra izay manomboka fantatra arakaraka ny hihalonana. Tendremo, ny finamàna tokony hivelatra fa ny fihetseham-po tia miha lefy. Hadalana ny famaliana ireo fanontaniana manaraka ireo amin'ny fiheverana fa mbola hiredareda hatrany isan'andro isan'andro ny fitiavan'ny andaniny ny ankilany.

Hoy Michel Ange: "Ny antsipirihany no mampisy ny fahatanterahana, fa ny fahatanterahana tsy ilay antsipirihany." Ny fiainan'olondroa dia fitambaran-javatra marobe izay mifaninana, na mifameno, na mifanohitra. Manasa anao aho noho izany hihevitra manokana izay hambara manaraka ho toy ny biriky vonona na tsia ho amin'ilay fanorenana izay natao hialofan'ny finamàna eo amin'ny fiainanao amin'ny maha-olombelona faran'izay tsara indrindra anao.

### **Fifampiheverana**

- Manaja ahy ve izy?
- Tia ny fianakaviako ve izy?
- Tiany ve ny namako?
- Reharehany ve aho rehefa mampahafantatra ahy amin'ireo akaikin'ny fony izy?
- Ahoana ny fomba fijeriny mahakasika ny firaisansana ara-nofo eo anivon'ny mpivady?

### **Lafiny ara-pianakaviana**

- Firenena, faritra, renivohitra, ambanivohitra aiza no tiany honenana?
- Ao anivon'ny fiaraha-monina toy inona?
- Ao anatina ankohonana ara-panahy manao ahoana?
- Firy ny zaza tiany hananana? Manao ahoana ny elanelany?
- Ahoana ny fijeriny mahakasika ny fanabeazzan'aizana?
- Raha eny am-pandehanana eny vao fantatray fa tsy afaka hiteraka ny iray aminay, ahoana no hataonay?

---

<sup>145</sup> 1 Korintiana 11.31

- Ahoana ny fahitany ny fanabeazana ny ankizy?
- Ahoana ny fahitany ny resaka fahasalamana sy fahadiovana amin'ny ankapobeny?
- Ahoana ny fahitany ny fifandraisany fianakaviana roa tonta?
- Tiani ve ny fomba fahandroko sakafo?

### **Lafiny ara-moraly**

- Moa ve miiba, mahantra, mampitombo fahalalana, mampahery, voasaina, tsotra sy lalina ny votoatin'ny resaka ataony?
- Fitenim-bahoaka, mahitsy sa maha-te hotia ny fomba fiteniny ?
- Ambany, mivelatra tsara, mahatakatra, feno fahalinana ve ny fahatsapany mahakasika ny hafa ?
- Mangidy, henjana, tsotra sa mampivahana ny fifandrasiany amin'ny hafa ?
- Iaretana, ankasitrahana sa katsahina ny fanatrehany ny hafa?
- Tsy dia mivelatra, miaka-midina, tsy miova, feno fahamatorana ve ny fahavononany hanompo?
- Tsy dia mivelatra, mitombo, azo itokiana ve ny fandraisany andrakitra?
- Somary mikomy, madio, feno fiaraha-miasa ve ny fihetsiny manoloana ny fahefana?
- Manafitohina, tsy mifanaraka amin'ny zava-misy, mahafinaritra, mahafatifaty ny fisehony manokana?
- Tsy dia mivaky loha, hentitra, manome toerana ambony noho ny tombontsoa izy amin'ny lafiny etika eo amin'ny fandraharahana?
- Manelingelina, azo ekena, mahafinaritra, mahafaly ny fampihomehezana ataony?

### **Ny toetra**

- Manao ahoana ny fihetsiny rehefa tratran'ny rarint-saina sy rehefa tratran'ny tsindry?
- Manana fihetseham-po tsy miovaova ve izy?
- Mahay milefitra, mampihavana, mafy loha sa mazan-doha izy?
- Tia miaina ivelan'ny trano sy anaty trano izy, mijanona ao an-trano sa mandehandeha?
- Somary tsy be resaka izy sa be resaka?
- Milamindamina sa be korontana izy?
- Somary mikatsaka ny lafatra ve izy, miezaka manao zavatra tsara sa tsy mivaky loha?
- Mirehareha, manetry tena sa tsy tia sehoseho?
- Manaja fotoana amin'ny ankapobeny ve izy sa tara?

## **Fianarana sy kolontsaina**

- Moa ve mitovy, mifameno, mifanohitra, sa mifanao atsimo sy avaratra ny fianarana nataonay?
- Mitovy, mifameno, samihafa mihitsy ve ny haavom-pahalalanay?
- Mifanakaiky, samihafa, tena mifanalavitra ve ny kolontsainay? Ny fanambadian'olona avy amin'ny kaontinanta samihafa dia mitaky fanomanana goavana. Ny iray amin'izy ireo mety ho any amin'ny an'arivony kilometatra alavitrty ny fianakaviany<sup>146</sup>, ny namany fony fahazaza, ny fahazarany eo amin'ny fomba fahandro sakafo, toetr'andro sy sosialy. Mety mila mianatra fomba fiteny sarotra ianarana izay ho lasa fitenin'ny zanany izy.

## **Ny asa**

- Ho azy ve ny asa olana (tsy fananan'asa, tsy fahafahana miasa), sazy andosirana araka izay azo atao, mankaleo, adidy tsy maintsy atao, ekena, mahaliana, mampientanentana, fiainana, zava-maha-domelina?
- Tia manompo am-panoloran-tena ve izy?
- Ahoana no hitantanany ny asa ivelan'ny tokantrano?
- Ahoana no hitantanany ny raharaha ao an-trano?
- Tia manamboamboatra zavatra ve izy?
- Ahoana no fitantanany tetik'asa: manomboka fa tsy mahavita hatramin'ny farany, mamita hatramin'ny farany, afaka mampandray anjara ny hafa?
- Mahay miara-miasa ve izy amin'ny fiarahana amin'ny ekipa?
- Manana fahaiza-mitarika ve izy?
- Manana finiavana hanao zavatra ve izy?
- Manao ahoana ny toe-batany sy ny fahasalamany?

## **Ny vola**

- Inona no filozofiany mahakasika ny vola?
- Sarangam-piainana manao ahoana no eritreretiny manoloana ny trano fonenana, sakafo, fitafiana, fitaovam-pitanterana?
- Ahoana no fahitany ny fandanjalanjana manoloana ny fahalalahantanana sy ny fahendrena?
- Ahoana no fomba eritreretiny handoavana ny faktiora: vatany vao voaray, miandry kely, atao trosa, rehefa ampitahorina?

Rehefa voaomana tsara ireo sehatra ireo dia tsindry mampahory tsy tambo isaina mpahazo ankhonana maro no ho voasakana.

---

<sup>146</sup> Raha tsy hoe angaha nifindra monina niaraka aminy izy.

## **Fitsaharana sy fialam-boly**

- Ahoana no ieritreretany mahakasika ny fialan-tsasatra: aiza, isaky ny inona ary amin'ny sehatra manao ahoana?
- Ahoana no ieritreretany mahakasika ny andro tsy hiasana sy ny fety?
- Firy ora eo ny salan'isan'ny filana ara-torimaso eo aminy?
- Inona no fanatanjahantena tiany iarohana manao (mampiasa baolina, hakingana, hazakazaka, fifaninanana, mihoatra ny mety, misy ifandraisany amin'ny rano, ranomandry, tendrombohitra)? Isaky ny inona? Inona kosa no tsy iarahanay manao? Isaky ny inona?
- Misy zavatra mahaliana azy na zavatra mahafinaritra azy ve ny manao azy: zava-kanto, baolina kitra, fantsenana, fanangonana zavatra samihafa, fanamboamboaran-javatra, informatika, dia alavitra, sns.?
- Manana namana itambarana ve izahay?

## **Olona manana soatoavina amin'ny tena nefo hafa amin'ny tena no alaina vady**

“Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady **sahaza** ho azy izy.”<sup>147</sup>

**Mitovy** lanja amin'ny lahy ny vavy ary **mitovy** lanja amin'ny vavy ny lahy, saingy **samihafa** izy roa ireo. Ny fampifangaroana ny resaka fitoviana lanja sy fifanahafana dia mitarika fahasorenana tsy misy farany, ratra lalina, fifandonana mandreraka sy tsy mety tapitra ary miafara amin'ny tsy fahombiazana hatrany. laraha-mahita fa notrandrahina, nangalarina ary naetrin'ireo lehilahy mpanjakazaka sy mpanararaotra ny vehivavy, ary mbola mitohy izany mandraka ankehitriny. Rariny loatra ny ady madio hanoherana izany tsy rariny fanaon'izao tontolo izao izany; saingy ny fahasitranana tsy ao amin'ny famadihana ho lehilahy ny vehivavy na famadihana ho vehivavy ny lehilahy, fa ao amin'ny fivelaran'ny tsirairay amin'ny fomba manokana. Heveriko fa ny vehivavy tena resy lahatra ny lanjany sy ny maha-vehivavy azy dia ho sambatra lavitra noho ireo izay tsy mitsahatra manao ny ady rehetra hanahaka ny lehilahy. Raha mikatsaka ny fanajan'ny vehivavy ny lehilahy amin'ny fihezahana hanahaka ny vehivavy dia midi-kizo amin'ny ady tsy misy azo antenana fandresena izy, marina ihany koa ny mifanohitra amin'izany.

Ny lehilahy na vehivavy sambatra sy mirehareha amin'ny maha-izy azy dia mitarika ho amin'ny fanajana. Ny fanajana izay ataon'ny lahy amin'ny vavy sy ataon'ny vavy amin'ny lahy dia mampiorina ny fahasambarana amin'ny maha-samihafa sy mifameno azy nefo manana lanja mitovy.

---

<sup>147</sup> Genesisy 2.18

Moa efa nisy nisalasala ny amin'ny fitovian-danjan'ny zanaka lahy amin'ny rainy ve? Toa hafahafa izany. Mitovy tsy misy valaka ve izy ireo na izany aza? Tsia. Mitovy zavatra atao sy talenta ve izy ireo? Raha misy dia mahalana dia mahalana. Toy izany ihany koa eo amin'ny lahy sy ny vavy. "Fa toy ny nihavian'ny vehivavy avy tamin'ny lehilahy, dia toy izany koa no nihavin'ny lehilahy avy tamin'ny vehivavy."<sup>148</sup> Asehon'ny Soratra Masina fa ao amin'i Kristy tsy misy lahy sy vavy (amin'ny lafiny fampitahana eo amin'ny lanja), fa iray ihany ny rehetra ao amin'i Kristy Jesosy.<sup>149</sup> Moa mila misy loha anankiroa ve ny tokantrano noho izany, araka izay voizin'ireo lalana sasantsasany? Tsia; ny lahy nantsoina hitondra ny familiana ary ny vavy ho ivony.<sup>150</sup>

Fantatry ny tanora lahy sy tanora vavy mazava tsara fa samy hafa izy ireo eo amin'ny lafiny ara-batana; saingy ny ankamaroany tsy manaiky eo amin'ny lafiny teoria fa samihafa ihany koa izy ireo eo amin'ny lafiny ara-tsaina, maro ny tsy resy lahatra ny amin'izany; na tsy inoany ilay izy, na tsy fantany tsotra izao. Averintsika eto indray: ***ny fandrika dia ny faniriana hitia araka izay azo atao ny lahy toy ny hoe manana ny fisainan'ny vavy izy, ary ny hitia ny vavy tahaka ny hoe manana ny fisainan'ny lahy izy.***

Ao amin'ny taratasy nosoratany dia inefatra Paoly no mamporisika ny lahy hitia ny vavy, nefo koa mamporisika ny vavy izy hanaja sy hanaiky ny vadiny; maneho izany fa tsy mitovy ny fanamby miandry ny tsirairay. "Samia tia ny vadiny tahaka ny tenany ianareo lehilahy rehetra, ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy."<sup>151</sup>

Arakaraka ny hahalalana sy hanekena ary hidirana ao amin'ireo fahasamihafana ireo no hahatonga ireo ireo fahasamihafana iore hampanankarena ny andaniny sy ny ankilany; arakaraka ny tsy hahalalana, handavana ary hamotehana azy ireo kosa no hahatonga azy ho loharanom-pahasorenana.

Ireto misy lafin-javatra vitsivitsy izay mampiavaka ny lahy sy ny vavy. Saingy tsara ny manamarika fa tsy noheverina ho fahasamihafana tsy refesi-mandidy izy ireo.

- Ny vehivavy manana filana ny hotiana kokoa, fa ny lehilahy kosa ny ho ankasitrahana.
- Ny vehivavy mijery ny antsipirihan-javatra kokoa, ny lehilahy kosa mijery ny ankapobeny.

<sup>148</sup> Araka ny 1 Korintiana 11.12

<sup>149</sup> Galatiana 3.28

<sup>150</sup> Jereo ny Efesiana 5.23-28 sy ny Ohabolana 31

<sup>151</sup> Efesiana 5.33

- Ny vehivavy mila fahatakarana sy fanekena eo amin'ny lafiny fihetseham-po, ny lehilahy kosa mila fahatakarana sy fanekena eo amin'ny planiny.
- Ny vehivavy mora mifantoka kokoa amin'ny ankehitriny sy ny hoavy eo noho eo, ny lehilahy kosa mifantoka amin'ny tetik'asa antenantenany sy lavitr'ezaka.
- Ny vehivavy mora voakasika amin'ny fahalinana sy ny fahatakarana izay mahazo azy, ny lehilahy mora voakasika amin'ny lazany.
- Ny vehivavy mila mamoaka ny ao am-pony sy mila henoina mba ho fanovozany hery, ny lehilahy mila mitokana mba hahafahany manovo hery.
- Mandritra ny dia atao, ny vehivavy mifantoka amin'ny hatsaran'ny dia sy ny fifandraisana nandritra ilay dia, ny lehilahy kosa matetika mifantoka amin'ny tanjona.
- Eo amin'ny lafiny firaisansa ara-nofo, ny vehivavy voasariky ny teny malefaka henony sy ny fikasihana, ny lehilahy voasarika amin'izay hitany.

Misy boky tena tsara<sup>152</sup> miresaka io lohahevitra io amin'ny fomba lalina izay amporisihako anao ny hamaky azy. Raha mahaliana anao dia manatona ny mpivaro-boky akaiky anao (tsy mitantana io boky io izahay).

Amin'ireo fahasamihafana rehetra ireo dia misy soatovin'ny vehivavy sy soatoavin'ny lehilahy izay tena laharam-pahamehana amin'ny finamàna eo anivon'ny fanambadiana. Ny lehilahy na ny vehivavy izay mahatsapa fa nantsoin'Andriamanitra ho amin'ny fanambadiana nefà mahita fahasarotana amin'ny lafiny fifandraisana dia tena mila mihevitra manokana izay hambara manaraka eto.

## **Soatoavina lehibe ho an'ny vehivavy: ny fahatsapana ho voaaro**

Raha tsy eo ity fahatsapana ho voaaro ity dia hanjavona ilay fitiavana fileô. Mba hahatonga azy ho loharano hitondra fahatsapana ho voaaro dia tsy maintsy ho olona azo itokiana na ny namana, na ny fofombady na ny vady. Na dia mandrafitra ny toetra manontolo aza ity fahatsarana ity dia andeha hotsongaintsika manokana ireo lafin-javatra telo mila kolokoloina.

---

<sup>152</sup> Ireo tenim-pitiavana, nosoratan'i Gary Chapman, editiona Farel. "Ny lehilahy avy amin'ny planeta Marsa, ny vehivavy avy amin'ny planeta Venus", nosoratan'i John Gray, Edisiona J'ai lu.

## Ny teny

“Fa aoka ny teninareo ho Eny, eny; Tsia, tsia.”<sup>153</sup> Ny fiarahana miana amin’ny fahatsapana ho voaaro sy ho namana amin’ny lehilahy tsy mitana ny teniny dia fanamby goavana sy mahakivy ho an’ny vehivavy.

Tena mila anoratana boky mihitsy mahakasika ity lohahevitra ity... Andeha ambarantsika fotsiny fa ny fiovaovana, ny fivadibadihana, ny fanafoanana tetik’asa, ny fampanantenana tsy notanterahina ary fahazarana mamoromporonana eny am-pandehanana dia mamotika ny fifampatokisana ary mitondra fiatraikany ratsy amin’ny fileô. Andriamanitra dia vatolampy, Ray Izy. Mila mitady ilay toetra tsy miovaova ao aminy ny zatovolahy mivonona ho amin’ny fanambadiana. Izay mahatakatra fa mankasitraka sy manaja ny fitondran-tena tsy miovaova sy teny azo itokiana Andriamanitra dia tsy hanindrahindra (amin’ny fiheverana diso) ny fiainana miovaova. Ho loharanon’ny fahatsapana ho voaaro sy fahasambarana ho an’ny tokantranony ho avy izy.

## Ny fihetsika

“Aoka ho tonga fianarana amin’ny fiteny, amin’ny **fitondrantena**”<sup>154</sup> Ny fihetsika ataontsika dia na manaporofa na manimba ny teny ataontsika. Ny maha-izy antsika dia mitondra fiatraikany kokoa noho ny tenintsika amin’ireo izay nomen’Andriamanitra ho andraikitsika.

“Fa raha misy tsy mameleona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia efa nandà ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino.”<sup>155</sup>

“Fa izay manam-bady kosa miahys ny an’izao fiaianana izao mba hahafaly ny vavy.”<sup>156</sup>

Ny lehilahy izay mikarakara ny ankohonany ary manao izay hahafaly ny vadiny, maneho ny tenany ho modely amin’ny hetsika ataony dia loharano tsy hita pesipesenina amin’ny fahatsapana ho voaaro. Tsy afa-bela amin’izay mety ho zava-tsarotra miseho izy, saingy ny tanjona lalina sy mazava ao am-pony dia izay hasoaa hatrany ny ankohonany.

---

<sup>153</sup> Matio 5.37

<sup>154</sup> 1 Timoty 4.12

<sup>155</sup> 1 Timoty 5.8

<sup>156</sup> 1 Korintiana 7.33

## Ny fo

“Ianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia **tahaka** ny nitiavan'i Kristy ny fiangoanana ka **nanolorany** ny tenany hamonyjy azy.”<sup>157</sup> Ahoana no fomba nitiavany azy? Amin’ny fanomezana baiko avy eny ambony angidim-by? Amin’ny fanehoana ny tenany ho henjana, tsy azo ivalozana, tsy manampaharetana sy manjakazaka? Tsia; tamin’ny fandehanana eo alohany toy ny modely feno fanetren-tena, malemy fanahy sy mahery, manorina am-paharetana ny ho aviny, amin’ny fampandraisan’anjara azy amin’ny fanompoany, amin’ny fanompoana azy hatramin’ny fanaovana sorona ny tenany no nanehoany ny fitiavany azy.

Jonatana, ilay zanak’i Saoly mpanjaka no modelin’ny tena fanoloran-tena. Ny finamàny tamin’i Davida dia namafa tanteraka izay mety ho fifaninanana handrombaka ny sotroboninahim-panjakana, izay raha eo amin’ny maha-olona dia tena zony tanteraka. Hita taratra ihany koa izany fihetsika izany tao amin’i Jaona mpanao batisa rehefa nanamarika taminy ny amin’ny fahombiazan’i Jesosy ireo mpianany (toy ny hoe manindry ny vondrona misy azy ireo). Toy izao no navaliny azy ireo: “Ny sakaizan’ny mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra noho ny feon’ny mpampakatra; ary efa tanteraka izany fifaliako izany. Izy tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena.”<sup>158</sup> Maneho ny halehiben’ny tena finamàna izany toe-po izany. Faheno matetika ireo kabary tsara lahatra mahakasika ny fahavononana ho faty noho ny fitiavana; saingy manolaona ny resaka mahakasika antsika eto, izany hoe ny fitazonana toe-pon’ny mpanompo mahatoky manoloana ny vady izay napetrak’Andriamanitra ho eo ambany fiahantsika dia zava-dehibe lavaitra ny mivonona hiaina am-pitiavana.

Tsy amin’ny safidy lehibe raisina eo amin’ny fainana ihany no hisehoan’ity toe-po ity, fa indrindra indrindra amin’ny resaka ifanaovana, amin’ny fanajana, amin’ny fahalemem-panahy, amin’ny fampaherezana, amin’ny fanomezana voninkazo sy ireo fanomezana madinidinika samihafa, amin’ny fankasitrhana, amin’ny oroka feno fitiavana izay mahatonga ny fifandraisana isan’andro ho mahafinaritra sy feno hafanana.

Paoly na dia tsy nanambady aza dia nanome ny lehilahy fanalahidy izay sarobidy noho ny volamena: “Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany.”<sup>159</sup> Midika ihany koa izany fa izay tsy tia ny tenany dia manao ratsy goavana amin’ny tenany.

<sup>157</sup> Efesiana 5.25

<sup>158</sup> Jaona 3.29-30

<sup>159</sup> Efesiana 5.28

## **Soatoavina lehibe ho an'ny lehilahy: voninahitra**

Raha tsy misy ity soa toavina ity ny fileô dia ho levona. Mba hahatonga azy ho loharanon'ny voninahitra dia tsy maintsy manao ezaka "hanambady" ireo zavatra mahaliana ny lahy na ilay namana, na ilay fofom-bady na ilay vady. Iray amin'ireny, eny mety ho ny lehibe indrindra aza dia ny asany; manaraka izany ny tetik'asa sy ny fialamboliny. Manome voninahitra amin'ny fomba manokana ny vadiny ihany koa ny vehivavy amin'ny fahendreny sy ny hatsaran-tarehiny.

### **Ny fahalinana amin'ny asany**

"Fananana soa ho an'ny olona ny zoto."<sup>160</sup> Mampalahelo ny maheno vehivavy sasany izay tsy liana amin'ny asan'ny vadiny hatramin'ny tsy fahalalana ireo singa lehibe mahakasika izany. Ny mpanamboatra fiara izay tsy afaka miresaka mahakasika môtera, na ireo mampanao zavatra azy, na ireo zava-baovao mahakasika ny fiara amin'ny vadiny mihitsy dia hahatsiaro tena ho tsy raharahiana na ahililikilia mihitsy. Tsy mahagaga raha ho sarotra aminy ny tsy ho liana amin'ilay sekretera tsara tarehy manao zipo fohy izay tsy sasatra ny mametrakta fanontaniana aminy mahakasika teknika mandritra ny fankandrivotra. ***Mila fankasitrahana ny lehilahy*** tsy amin'ny maha-izy azy ihany, fa amin'izay ***ataony*** ihany koa. Ny fanajana ny lehilahy nefà tsy maneho fahaliana amin'ny asany dia fahadisoan-kevitra izay iezahan'ny vehivavy maro ifikirana nefà tsy vitany.

### **Fahalinana amin'ny tetik'asany**

Toy ny kapitenin-tsambo ny lehilahy; anjarany ny mitarika ny sambo ho amin'ny lalan-kalehany miaraka amin'ireo fiatoana sy ny fitodiana tiany hahatongavana; mifantoka any lavitra tsy hita maso any ny fijeriny. Ny vehivavy kosa toa mandeha ho azy ny fiheverany ny fiainana eny ambony sambo toy ny filân'ny mpiantsambo, ny fifandraisana sy ny fanentanana. Samy zava-dehibe avokoa reo andraikitra roa ireo (somary miavaka nefà indraindray mety hifamadika mandritra ny fotoana sasantsasany). Na izany aza dia mitaky ezaka feno faharesen-dahatra sy fahaliana avy amin'ny andaniny sy ny ankilany izany. Raha tsy misy io fahalinan'ny andaniny sy ny ankilany io dia mety hifantoka amin'izay ironan'ny fon'ny tsirairay ny fifampiresahana ary mety hiresaka amin'ny rivotra ny iray. Raha tsy mitandrina isika dia mety ho faty tanteraka ny fifampiresahan'ny mpivady. Mety ho very hevitra ny vehivavy ka hanontany tena hoe fa maninona no tsy miteny n'inon'inona intsony ny vadiny afa-tsy ngononganona sy menomenona tsy hay izay heviny. Rehefa hazavaina aminy

---

<sup>160</sup> Ohabolana 12.27

fa fametrahana fanontaniana vitsivitsy<sup>161</sup> mahakasika ny asa, ny tetik'asa ary ny fialam-bolin'ny vadiny fotsiny dia ampy hanokafana ny resaka, saingy lehibe loatra ny fahasorenana aterak'ilay tsy firesahana sy ilay fiainana samy maka ho azy ka tsy mety manao dingana voalohany matetika ravehivavy...Mety ho faty ny fileô. Fahafatesana no tambin'ny ota; ny fahafatesana eto dia tambin'ny ftiavan-tena.

Rehefa manao fialan-tsasatra izaho sy ny vadiko dia nanao fifanekena izahay: rehefa avy misakafo izahay dia mivoaka misotro kafe eo amin'ny lavarangana mahafinaritra iray. Mifandimbindimby mametraka fanontaniana mahakasika izay zavatra mahaliana ny ankilany izahay: "Inona no nofinofinao ao anatin'ny 12 volana ho avy? Raha misy zavatra azonao hovana amin'ny fiainantokantranotsika dia inona no hovanao? Iza no olona tena nitondra fiafraikany indrindra teo aminao teo amin'ny fiainanao, ary inona no antony? Inona no fanahianao lehibe indrindra na ny tahotrao lehibe indrindra? Inona no zavatra tianao indrindra sy tsy tianao indrindra eo amiko? Inona no azoko anampiana anao amin'ny....? Afa-po ve ianao amin'ny fiainantsika ny maha-mpinamana antsika ivelan'ny tokantrano? Matetika fanontaniana iray dia ampy, tsy amin'ny fihaonana iray fa amin'ireo fitsangatsanganana sy fivoahana hafa maromaro. Nisy fanapahankevitra pratika izay nitondra vokatra maharitra nivoaka avy amin'izy ireny.

### **Fahalinana amin'ny fialam-boliny**

Misy zavatra hafa mahaliana ny lehilahy izay toy ny harena miafina mitondra famelombelomana sy fahafahampo ny lehilahy izay manahirana ny vehivavy mihitsy ny mahazo sy manaiky azy. Isan'ireny ny fandehanana any antendrombohitra, mahakasika ny biby sy zava-maniry, ny sary, ny fanjonoana, ny fanatanjahantena, ny informatika. Tsy tambo isaina ny mpivady no mandany ora an'arivony, eny mety ho faran'ny herin'andro an-jatony aza samy mandeha amin'izay alehany, nefo tena azo eritreretina tsara ny fifanatonana. Ny vadiko tia rano; saro-tava sy fantsona kely ahafahana mifoka rivotra any anaty rano fotsiny no ilainy dia mahita fahafinaretana tsy misy toy izany izy mandinika trondro. Ho ahy manokana dia tsy izany mihitsy no fialam-boly tiako ary izaho somary tsy mahatanty ny hatsikan'ny rano. Saingy zary lasa tena fialam-boliko ny manaraka azy ary nitondra fiafraikany tamin'ny safidy ataonay amin'ny toerana hialana sasatra izany. Ho azy indray, amin'ny maha avy any Paris azy dia tsy dia manavanana azy loatra ny fiakarana tendrombohitra arynofy ratsy ho azy ny filalaovana eny amin'ny ranomandry. Ankehitriny kosa dia amimpifaliana tanteraka ho azy ny dia an-tongotra mandritra ny 5 na 6 ora ary

---

<sup>161</sup> Ny fizarana faha 6 amin'ny boky « Miara-mandroso amin'Andriamanitra» dia hanampy antsika hametraka fanontaniana amin'ny fomba mahomby.

manomboka manaraka ahy milalao eny amin'ny ranomandry izy. Ankoatr'izay dia nahita sehatra izay tsy tena nahaliana anay manokana izahay, saingy iarananay manao am-pifaliana kosa dia ny litera mba hahazoana teny, ny fanambatambarana singan-tsary maromaro mba hahazo sary feno, ny badminton, ny tenisy ambony latabatra, ny vaky boky...

Mahatsiaro omena voninahitra ny lehilahy rehefa tsapany fa mahazo azy ny hafa ary tohanan'ilay mpanohana tonga lafatra indrindra izy. Zary lasa fialofana ho an'ny lehilahy ny vehivavy, izay na dia toa tsy hita aza dia tena olon'ny fihetseham-po ihany koa ny lehilahy ... Hihamahery hatrany ny finamà̄n'izy ireo.

Ny vehivavy dia loharanon'ny voninahitra amin'ny fomba roa amin'ny vadiny; tsy amin'izay vao avy notsindriantsika ihany, fa amin'ny fihetsiny sy ny mahazify azy manontolo mihtsy. Na dia tsy dia be resaka na miambakavaka aza izy matetika, ny lehilahy izay mirehareha noho ny amin'ny vadiny dia hahatsiaro tena mahazo voninahitra, indrindra indrindra mahakasika ny fahendreny sy ny hatsaran-tarehiny. "Ny vehivavy tsara dia satroboninahity ny lahy."<sup>162</sup> "fa ny vehivavy no voninahity ny lehilahy"<sup>163</sup>

### **Ny fahendrena**

"Ny fahendren'ny vehivavy dia mahamafy ny tokantrano, fa ny fahadalany kosa maharava izany."<sup>164</sup> Ny fahendren'ilay vehivavy hendry dia voalaza amin'ny fomba miavaka ao amin'ny Ohabolana 31.10-31; hita taratra amin'ny fomba fitantanany ny haren'ny ankohonany izany, amin'ny finiavany, ny fahasahiany mividy sy ny fandraharahana ara-barotra ataony, ny asany tanterahiny am-pifaliana, ny sakafony, ny fahalalahantananay sy ny fiomanany hiatrika izay hiseho. Ireny rehetra ireny ahafahany mihomehy miatrika ny ho avy. Mampianatra amim-piheverana sy manara-maso ny ankohonany manontolo izy; ny zanany miteny aminy hoe sambatra, matoky azy ny vadiny ary midera azy, ny asany midera azy.

Tsy nofinofy akory izao zavatra ambara manaraka izao. Raha ny marina, rehefa sokafantsika ny masontsika dia ho hitantsika fa matetika ny vehivavy toa ireny no mahatonga ny tanana, ny fiaraha-monina na ny firenena iray tsy hitontongana amin'ny fahantrana sy ny faharavana. Nomen'Andriamanitra fahaiza-mamorona, faharetana ary fahalalahantahana tena mahavariana ny vehivavy.

---

<sup>162</sup> Ohabolana 12.4

<sup>163</sup> 1 Korintiana 11.7

<sup>164</sup> Ohabolana 14.1

Tsy misy ifandraisany amin'ny vehivavy voafehifehy, ampanompoina, mihidy aman-trano sy voafetra ny sary asehon'ny Ohabolana. Ireo voatanisa ireo anefa dia tsy mitsaha-mitombo noho ny fahalovan'ny olombelona sy ny fombapivavahana. Mifanohitra tanteraka amin'ny fanandevozana noho izany ny fanekena araka ilazan'ny Baiboly azy; **fiaraha-miasan'ny fo** izay mitondra hery sy rivotra iainan'ny tokatrano kokoa ny fanekena.

Ny hadalana izay melohin'ny Soratra Masina dia tsy misy ifandraisany amin'ny resaka fahalalana ara-tsaina fa kosa fomba fiaina. In-dimy no ampitandremany ny vehivavy izay mikolokolo fifandirana sy mitarika fifandirana amin'ny alalan'ny teny mahery setra: "Ny ady ataon'ny vehivavy dia toy ny rano mitete mandrakariva"<sup>165</sup> ary ampiany fa "ny fahadalana dia toy ny vehivavy vavana."<sup>166</sup> Ambaran'ny Baiboly mazava tsara fa aleo mitoetra eo an-joron'ny tampon-trano sy mitoetra an-efitra toy izay hiray trano amin'ny vehivavy tia ady.<sup>167</sup> Ny fahadalana dia miara-dalana amin'ny fiangajangana, ary ny fandangolangoana mifono hevi-dratsy dia oharina amin'ny kaikitry ny menarana.

### **Ny hatsaran-tarehy**

Tsy hoe akory zavatra tsy dia ilaina ny fahatsaran-tarehy fa oharina amin'ny volamena; saingy raha tsy arahina fahendrena izy dia tonga zava-poana. "Toy ny kavim-bolamena eo amin'ny oron-kisoa Ny vehivavy tsara tarehy tsy manampahendrena"<sup>168</sup> Ny famaritana ity fahatsaran-tarehy izay manome voninahitra ny lehilahy sy mandray anjara feno amin'ny finamàna eo anivon'ny mpivady ity dia miseho amin'ny endrika maro samihafa arakaraka ny fahasamihafan'ny toetra. Saingy rariny loatra raha **mitady izay hahafaly** ny lahy ny vavy. Sady tsy manao tsinontsinona izay manaitra azy manokana dia ho afaka ny haneho ny fitiavany amin'ny malalany izy amin'ny alalan'ny fomba fiakanjony, fanamboarany ny volony, ny ranomanitra ampiasainy.

Raha toa ka sarotra ny manatsoaka ny hevitr'ireo lahatsoratra sasantsasany ary nitarika adihevitra goavana dia mila ekena fa ao amin'ny Soratra Masina ny vehivavy dia natsoina haneho ny toetra maha-vehivavy azy amin'ny fitondrantenany, ao am-pony ary amin'ny fisehony ivelany, ary ny lehilahy ihany koa dia nantsoina haneho ny toetra maha-lehilahy azy toy izany.<sup>169</sup>

Nisy minisitra tany Congo nahita ny vadiny avy nanatrika seminera ka nahatsikaritra ny fivelaran'ny fomba fanomezany voninahitra ny vadiny.

<sup>165</sup> Ohabolana 19.13, 21.9, 21.19, 25.24, 27.15

<sup>166</sup> Ohabolana 9.13

<sup>167</sup> Ohabolana 21.9, 19

<sup>168</sup> Ohabolana 11.22

<sup>169</sup> Araka ny 1 Korintiana 11.14-15

Niharihary tanteraka ny fiovan'ny vadiny ka efatra andro taty aoriana dia niloabava izy niteny hoe: "Raha toy izao ny fivavahana kristiana dia te-ho tonga kristiana ihany koa aho!"

## **Olona mahay zavatra maro alaina vady fa tsy olona mahay ny zavatra rehetra**

Ny fahadisoan'ny mpivady sasantsasany dia ny fiheverana fa ilay vadiny dia afaka hamaly izay zavatra andrasany rehetra. Izany no mahatonga ny vehivavy sasany maniry ny vadiny ho sady ray, no anadahy, no mpanamboatra fiara, no mpanamboatra fantson-drano, no psikôlôgy, sns. Tarzan! Ralehilahy kosa maniry ny vadiny ihany koa ho toy ny reniny, anabaviny, mpiasa manohana aratsosialy, mpitsabo mpanampy, mpitatanana, sns. Miss Univers! Enta-mavesatra sarotra lanjaina izany. Misy fiangonana ihany koa manana izany zavatra andrasana toy izany amin'ny mpitandrina azy ireo; safidy roa ihany no miandry ny mpitandrina, na mandiso fanantenana azy ireo na trotraka tanteraka!

Tsy singa saro-takarina sy mahavita tena ny mpivady. Mila ahitana hanitry ny fahafahana fa tsy faneriterena diso tafahoatra, na hasarotam-piaro na fifehezana ny fitiavana. Tsy afaka ny hanananterea isika fa olona iray dia afaka hamaly ny filantsika rehetra. Hanana namana sy zavatra atao any ivelan'ny tokantrano izay tsy voatery hahakasika ny lahy ny vavy, toy izany ihany koa ho an'ny vavy. Ny tena zava-dehibe dia ny fahaizana mandanjalanja.

## **Olona manana filàna mitovy amin'ny an'ny tena alaina vady.**

Na dia samy manana ny mampiavaka azy aza ny lehilahy sy ny vehivavy dia mazava ho azy fa manana ny filana itovizany ihany koa. Ny foto-kevitra izay efa nambara, izay ny ampahany be indrindra dia notsoahan'i Jesosy avy amin'ny Fanekena Taloha dia izao: "Na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany."<sup>170</sup> Azo antoka fa azo ampiharina eo anivon'ny fanambadiana izany:

- TIANAO VE NY HO HENOINA, HENOV IZY.
- TIANAO VE NY HAMPAHEREZINA, AMPAHEREZO IZY.
- TIANAO VE NY HANAN-JO HANAO FAHADISOANA, EKEO IHANY KOA FA METY MANAO FAHADISOANA IZY.
- TIANAO VE NY HO HAJAINA REHEFA MATORY, HAJAO IHANY KOA NY TORIMASONY.
- TIANAO VE NY HIVAVAHANY HO ANAO, MIVAVAHY HO AZY.

---

<sup>170</sup> Matio 7.12

- Tianao ve ny hanaovany ezaka hahatakatra izay mahazo anao, manaova toy izany koa aminy.

Ny fitoviana eo amin'ny lafiny ara-bola fanao am-paosy, ny teti-bola ho amin'ny tiefatiana, ny hatsaran'ny sakafo, ny fahalalahana manao hetsika sy ireo hafa dia **tokony hekena** manomboka eo amin'ny mariazy ary **iainana toy ny fenitra farafahakeliny**. Tsy midika ho fifantohana amin'ny antsipirihany faran'izay madinika izany fa fampiharana foto-kevitra miainga avy amin'ny rariny sy ftiavana marina.

## **Tokony ho eo ambany fifehezan'ny finamàna ny fandaharam-potoana sy ny resa-bola.**

Iza zavatra toa **nandeha ho azy** amin'ity resaka ity nandritra ny fiarahana sy ny fifamofona dia tokony hotohizana **am-pisainana mazava** eo anivon'ny tokantrano. Firifiry moa ny mpivady no tsy mahay milalao intsony, tsy mahay mihomehy, tsy mahay miaraka manao fanatanjahantena satria nitsangana ho toy ny fahavaloxo goavam-be ny fandaharam-potoana sy ny poketra fotoana fohy taorian'ny fety! Ho an'ny mpandraharaha sy ny mpitandrina dia zava-misy ny fanomezana laharam-pahamehana ny fotoana hihaonana aman'olona hafa manoloana ny fotoana efa nifaranarahany tamin'ny vadiny. Eo amin'ny lafiny teoria dia ekena an-tsitraro fa ny vady aloha vao ny afera na ny fianam-piagonana; saingy eo amin'ny lafiny pratika, rehefa tsy misy faharesen-dahatra mazava dia hisongona ny fainan-tokantrano ireo zavatra tsy azo ialana sy maika any ivelany. Inona ary no atao? Mila mandray fanapahan-kevitra hentitra **mialoha** ny haha-voasaringotra amin'ny fisafotofoton'ny rivotry ny fainana. Ilay mpitandrina fiagonana isan'ny lehibe indrindra eran-tany, antsoina hoe Yonggi Cho dia nizara taminay ny fangirifiriana niaretan'ny tokantranony amin'ity lafin-javatra ity, na dia efa tena nandroso fatratra azo ny fiagonany tamin'izany fotoana izay nahitana mpikambana miisa 3 000. In-dray andro dia nanapakevitra izy ny hanokana ora vitsivitsy isan-kerinandro hiainana ny fanamàny amin'ny vadiny; naharitra tamin'izany izy ary nioty ny vokany mandraka ankehitriny.

Tsy vitan'ny hoe fanapahan-kevitra feno fahendrena fa tena ilaina ny mamaritra fotoana hihaonana amin'ny vady, mipetraka ary manoratra ao amin'ny diary, manokana fotoana amin'ny faran'ny herinandro mba tsy ho difotra ao anatin'ny zavatra tsy azo ialana na akorontan'ny tsy firahirahiana ralehilahy. Manana ny anjara andraikiny ihany koa ny vavy: manao hetsika hanasa ny vadiny hisotro kafe, mihinana glasy na pizza any amin'ny toerana mampanonofy dia hetsika tsy dia fahita izay mampiravoravo sy manaitra ny lehilahy.

## Fizarana faha dimy

### 5 Fifamatorana eo amin'ny sehatry ny fanahy<sup>171</sup>

Nojerentsika mahakasika ny hakanton'ny fitiavana eo amin'ny lafiny arabatana izay sitrapon'Andriamanitra hitondra fahasambarana eo amin'ny mpivady. Nojerentsika avy eo ny fanomezana mahakasika ny finamàna, marefo nefo tena saro-bidy, izay mety hampahiratra ny fijery sy ny flainan'ireo izay mitahiry sy mikolokolo azy. Mila fenointsika ankehitriny ilay fifanekena misy singa telo amin'ny firesahana momba ny fiombonana eo amin'ny lafiny arapanahy. Manokatra jery lavitra tsy manam-pahataperana ho amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny olombelona izay tena tiany loatra ity lafinjavatra ity.

Tadidinao ve ilay zavatra nentin'ilay lahy antitra mpitoky Filazantsara izay tena nanaitra ahy manokana? Hoy indrindra izy: "Carlo, mbola tsy manambady foana angaha ianao? Tsy fantatrao angaha fa ny "**Iray**" afaka mandresy 100 fa ny "**roa**" afaka mandresy 1000?" Eo amin'ny fisainan'ny Baiboly, ny fifanekena na ny firaisan'ny roa na maromaro miara-manatratra tanjona iombonana dia tsy miteraka fanampiana fa fampitomboana kosa. Ny mpianatra mbola mpitovo mazava ho azy dia afaka miaina izany fiaraha-mientana izany eo mpinamana na eo amin'ny ekipa, toy izany ihany koa ireo izay efa manambady dia afaka ny hiaina izany ihany koa eo amin'ny sehatry ny asa na amin'ny sehatra hafa<sup>172</sup>; saingy ho antsika manokana dia eo amin'ny tontolon'ny fanambadiana no hijerentsika azy. Alohan'ny hamantarana ny vokany dia andeha hampsiahivina aloha ny loharano nipoirany:

### “Agape”: loharanon’ny fiombonana ara-panahy

“...Nampidinan'Andriamanitra ny fitiavany ao am-pontsika...”<sup>173</sup> Tsy fitiavana sokajy faharoa na fahatelo no resaka eto, fa **ilay fitiavany**, madio, sady malefaka no mahery. Tsy notiavin'Andriamanitra tamin'io fitiavana io fotsiny isika, fa nozrainy amintsika izany, narotsany ao amintsika, nataony fanomezana ho antsika. Tsy mety ritra, maimaim-poana ary mandrakizay io “tahirim-pitiavana” avy any an-danitra io. Tsy nomena antsika in-dray mandeha tsy miverina tamin'ny andro niovantsika fo izy io, fa kosa mirotsaka tsy tapaka ao amintsika rehefa mitoetra amin'ny fiombonana amin'i Kristy isika. Tsy azontsika amboarina na koa vidiana na azontsika avy amin'ny fahamendrehantsika izy io (indrisy fa maro no niezaka nefo tsy tafavoaka),

<sup>171</sup> Sehatry ny fiombonana amin'Andriamanitra

<sup>172</sup> Mpitoriteny 4.9-12

<sup>173</sup> Romana 5.5

saingy azontsika angatahina kosa, azontsika raisina ary azontsika atao ny mifandray aminy hatrany.

Ilay fitiavan'Andriamanitra antsoina hoe agape ao amin'ny Soratra Masina no "solika ara-panahy" tsy azo ialana ho an'ny olombelona rehetra; izy no fanalahidin'ny fainana sambatra sy mamokatra ho an'olon-droa. Andeha hohenoina ny fomba ilazan'i Paoly azy: "Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otripo, tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay..."<sup>174</sup>

"Andriamanitra dia fitiavana."<sup>175</sup> Monina ao amin'ny fanahintsika ny Fanahiny.<sup>176</sup> Tsy anganongano izany fa fahamarinana sy tanjon'ny Filazantsara.

Ny mpivady izay tsy mitoky afa-tsy amin'ny fihetseham-po miredareda fotsiny ho fanorenana maharitra dia mety ho lany solika eny an-dalana ihany; fa izay manovo avy ao amin'ilay loharanon'Andriamanitra kosa dia hahita fa hikoriana sy hanavao ny fon'olombelona na dia mandroso aza ny fotoana, na amin'ny fisedrana na amin'ny fahombiazana, sy eo amin'ny andavan'androm-piainana ihany koa.

Ny mpivady manovo avy amin'ny agape dia banana **hery** sy banana tombontsoa **hanome** sy **hanolo-tena** ho amin'ny sehatra nomanin' Andriamanitra ho azy. Tsy ny antso mahakasika ny asa misionera ihany no tiako hambara, na dia an'arivony aza ny mpivady vao no antsoina ho fitahiana eto amin'ity planeta tany ity isan-taona, fa amin'ireo sehatra mitondra voka-tsoa eo anivon'ireo asa amin'ny sehatra samihafa eo anivon'ny zanak'olombelona izay tsy ahitana ireo tena mpianatra marina.

Toy ny voasoratra hoe: "Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray"<sup>177</sup>, dia toy izany koa, ny mpivady "misionera" amin'ny heviny malalaka (ireo izay manome sy manolo-tena) dia ho ho sambatra kokoa noho ireo izay tsy manao afa-tsy mandray.

Mitondra voka-tsoa ity fifamatorana eo amin'ny lafiny ara-panahy ity. Maneho ny famirapiratany izy ity any amin'ny sehatra maro:

---

<sup>174</sup> 1 Korintiana 13.4-8a

<sup>175</sup> 1 Jaona 4.8

<sup>176</sup> Araka ny Jaona 14.23, Hebreo 3.6

<sup>177</sup> Asa 20.35

## Fiaraha-mientana eo anivon'ny asa fanompoana

Fanaon'i Jesosy ny maniraka ny mpianany tsiroaroa.<sup>178</sup> Hatrany hatrany dia manome azy ireo **toromarika**, **iraka** manokana ary **fahefa-manao** ilaina hanatantarahana azy Izy.

Manome antsika fijoroana vavolombelona tena mahaliana mahakasika izany ny Apostoly Paoly: "Moa tsy mahazo mitondra vady izay isan'ny mino va izahay, **tahaka ny Apostoly sasany koa sy ny rahalahin'ny Tompo ary Kefasy?**"<sup>179</sup> Ho an'ny mpivady izay mahazo an-tsaina ny maha-zava-dehibe izany dia afaka ny tena hivelatra ireo sehatra samy mampahery azy ireo, ary afaka hifameno kosa ireo izay mampahery ny andininy nefà somary latsa-danja amin'ny ankilany:<sup>180</sup> fanomezam-pahasoavana manompo, mandray vahiny, fifandraisana, fitarihana, famoronana artistika, fanofanana, fivavahana ho an'ny hafa, fifandraisana manana tanjona ho fanampiana ny hafa, asa eo anivon'ny tanora, fitantanana, fanoloran-tena ara-tsosialy, fiantrana ny mahantha sy ny marefo, mozika sy hira, fahalalahana-tanana, fampaherezana<sup>181</sup>; ankoatra ireo seham-panompoana dimy: apostoly, mpaminany, evanelista, mpitandrina sy mpampianatra, sy ireo fanomezam-pahasoavana tsy tambo isaina. "Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo."<sup>182</sup> "Mandehana ianareo ka ataovy mpianatra ny firenena rehetra..."<sup>183</sup>

## Fiaraha-mientana amin'ny alalan'ny vavaka

"Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy **roa** aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny **roa** na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho."<sup>184</sup>

Maro ny mpivady no miara-mivavaka amin'ny vondrona, amin'ny fikambanana na tsirairay, saingy vitsy dia vitsy ireo roa "mifanaiky" ka mandray ny tombontsoan'io teny fikasana io. Tsy vahaolana ihany koa anefa ny fanerena ny vadim'ny tena hivavaka amin'ny fanindrahindrana ny lalana. Mivavaka fe mivavaka fotsiny na mivavaka mba hampitoniana ny feon'ny fieritreretana na ny fampiasana ny vavaka ho fanerena an-kolaka amin'ny fomba feno fitiavan-tena

<sup>178</sup> Marka 6.7, 14.13, Lioka 10.1

<sup>179</sup> 1 Korintiana 9.5

<sup>180</sup> Hahita fanoritsoritana mahagaga mahakasika faritra iray manontolo nandray fitahiana avy amin'ny asa fanompoana nataona mpivady niaina izany fieraha-mientana izany ny bokiko mitondra ny lohateny hoe « Une vie en couleur » Pejy 115.122.

<sup>181</sup> Jereo ihany koa ireo hevitra 32 ho entina mamory ny yokatra amin'ny alalan'ny talenta ao amin'ny bokiko « Progresser avec Dieu », fizarana faha 5

<sup>182</sup> Jaona 15.8

<sup>183</sup> Matio 28.19

<sup>184</sup> Matio 18.19.20

ihany koa dia tsy vahaolana. Ny fanamby ho an'ny mpivady tsirairay dia ny hahita ny fotoana mety mba hanaovana izany amin'ny fomba mitohy. Tahaka ny zavatra rehetra natao hitohy ao anatin'ny fotoana lava dia mila jerena akaiky ny lafiny hatsarana ary fadiana ny "fanalavam-potoana" izay mitarika fahasorenana sy manala izay mety ho fifaliana sy faharesen-dahatra an-tsitrano. Mba hisian'ny firindrana dia tena zava-dehibe ny hanatonana am-po amin'ny filan'ny ankilany mba hahafahana miaraka mitodika amin'ny eo ivelany avy eo.

Tena mahafinaritra loatra ny miresaka amin'lay Lohan'izao rehetra izao, Ilay raintsika amin'ny maha-mpivady. Saiky isan'andro izaho sy ny vadiko no mangataka tolo-tsaina amin'Andriamanitra mahakasika sehatra maro samihafa. Matetika dia miseho amin'ny endrika tsy misy fombafomba manokana izany: rehefa mitsangatsangana, eny ambony fiara, indraindray aza moa dia any amin'ny toeram-pivarotana lehibe mialoha ny hividianana zavatra goavana. Misy ihany koa ireo fanapahan-kevitra lavitrezaka, na ireo izay mitaky fampiasam-bola betsaka izay ivavahanay matetika izay elanelaninay fotoana hisaintsainana manokana. Raha ny tao anatin'ny 20 taona farany jerekko dia hitako fa anjatony eny mety ho an'arivony mihitsy aza ireo fanapahan-kevitra madinika sy lehibe izay niarahanay nikatsaka ny fahendren'Andriamanitra. Mangataka Aminy ny fitahiany isan'andro izahay ho amin'izay zavatra ataonay avy, ary mivavaka ihany koa ho amin'ny zava-miseho maneran-tany ary ho an'ny filan'ireo manodidina anay. Na dia matetika aza ireo fotoana atokana ivavahana ireo (ny iray mitohy, ny iray miseho tampoka eny am-pandehanana) dia amin'ny ankabobeny minitra vitsy ihany no faharetany. Izaho akory tsy miteny hoe tanteraka io vahaolana io ary azoko an-tsaina tsara fa mbola tsy tena nitrandraka araka ny tokony ho izy ny harena izay atolotr'Andriamanitra anay izahay, saingy nahita hafainganam-pandeha mety aminay sy fientanam-po miaraka izay azo lazaina hoe fototra tsara izahay.

## Fiaraha-mientana eo amin'ny fahefana

### Fahefana manoloana ny tetik'asa

"Indro, iray foko ny olona, sady **iray fanononana** izy rehetra, ary ity vao fiandohan'ny hataony; koa izao dia **tsy hisy azoakanana na inona na inona izay saintsaininy hatao**."<sup>185</sup>Raha mahakasika tetik'asa tsy tsara, toy ny fanamboarana ny tilikambon'i Babela no anambaran'Andriamanitra izany eto dia vao maika zava-dehibe aminy izany manoloana ireo asa nomaninhy ho an'ny tokantrano tsirairay.

---

<sup>185</sup> Genesisy 11.6

## **Fahefana amin'ny alalan'ny vavaka**

Mba hahafahana mampiasa amin'ny fahafenoany ny fahefana ao anatin'ny vavaka dia mamporisika ny lehilahy ny apostoly Petera mba hahay hiara mitoetra amin'ny vadiny, hanaja ny vavy, tahaka ny mety hatao amin'ny fanaka malemilemy, mba tsy ho voasakana ny fivavahany.<sup>186</sup> Maro ny lehilahy no miaina fiainam-bavaka tena mahantre sy feno sakana satria tsy manaja ny vadiny izy ireo. Maro ihany koa ny lehilahy miaina fiainam-bavaka tena mahaliana sy feno valim-bavaka satria manaja ny vadiny izy ireo.

## **Fahefana amin'ny teny**

“Ary voasoratra ao amin'ny lalànareo fa marina ny fanambaran'ny olona **roa** lahy”<sup>187</sup> “... mba ho voaorina mafy avokoa ny teny rehetra amin'ny tenin'ny vavolombelona **roa** na telo”<sup>188</sup>

## **Fahefana amin'ny fijoroana vavolombelona**

“Izany no ahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia.”<sup>189</sup> Maro ny fiovam-po izay vokatry ny fifankatiavana marina teo amin'ny mpivady. Ny fananana “zanaka ara-panahy” salama tsara dia tokony ho faniriana lalina mitovy amin'ny faniriana banana taranaka.

## **Fiaraha-mientana amin'ny fahamasinana (na amin'ny fahotana...)**

Mety hiseho amin'ny lafitsarany na amin'ny lafiratsiny ny fiaraha-mientana, saingy ny azo antoka dia ny fisian'ny fiatraikany entin'ny andaniny amin'ny ankilany, izany no antony mahatonga ny lehilahy sy ny vehivavy zary manahaka an'ireo mpivady fahiny. Matetikaaza moa dia mihanaka amin-kery eo ivelan'ny tokatrano io fiatraikany io. Raha tsy hitanisa afats'ireto santionany voalaza ao amin'ny Baiboly ireto isika: Adama sy Eva, Elkana sy Hana, Rota sy Boaza, Estera sy Ahasoerosy, Josefa sy Maria, Prisila sy Akoila, ary farany Kristy izay manamasina ny fiangonana.Tena ilaina ny misaintsaina mahakasika ireo fifandraisana miseho amin'ny endrika maro samihafa izay mitondra fiatraikany ireo sy ireo vokany tsy hita pesipesenina na ho amin'ny ratsy na ho amin'ny tsara eo amin'ny olombelona manontolo!

---

<sup>186</sup> 1 Petera 3.7

<sup>187</sup> Jaona 8.17

<sup>188</sup> Matio 18.16

<sup>189</sup> Jaona 13.35

## Mpivady telo no mbola mendrika ifantohana manokana:

“Nisy mpisorona anankiray atao hoe Zakaria; ary ny vadiny dia Elizabeta no anarany. Ary **samy marina teo anatrehan'Andriamanitra izy mivady** sady nitondra tena tsy nanan-tsiny araka ny didy sy ny fitsipika rehetra nomen'ny Tompo.”<sup>190</sup> Izy ireo no hiteraka an'i Jaona mpanao batisa. “Tonga mpanjakan'i Joda Jorama... Ary nandeha tamin'ny lalan'ny mpanjakan'ny Isiraely izy, dia tahaka ny nataon'ny taranak'i Ahaba, fa ny zanakavavin'i Ahaba no vadiny, -- eny, nanao izay ratsy eo imason'i Jehovah izy.”<sup>191</sup>

Mbola hitantsika ihany koa toy ny ohatra mifanohitra ny tantaran'i Ananiasy sy Safira. “Nahoana ianareo no **niray tetika** haka fanahy ny Fanahin'ny Tompo? Indro, eo am-baravarana ny tongotrizay nandevina ny vadinao, ary hitondra anao hivoaka koa izy.”<sup>192</sup> Tsy mba maty martiora izy mivady, fa maty amin'ny maha-mpandainga azy tao anatin'ny vanim-potoana nisian'ny fifohazam-panahy...

## Fiaraha-mientana amin'ny fahaizana mandanjalanja sy ny fahendrena

“Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy.”<sup>193</sup> Ny hevitra fototry ny lahatsoratra dia milaza mahakasika olona mifanatrika, olona manana hevitra mifanohitra, manome fijery mifameno.

Izany no mahatonga ny ankamaroan'ny mpivady ny iray toa kahihitra ny iray kosa malala-tanana, ny iray sahisahy ny iray mitandritandrina kokoa, ny iray mandray fanapahan-kevitra avy hatrany ny iray misaina sy mandinika aloha, ny iray tia filaminana ny iray somary tsy dia mahay mandamina loatra. Na inona na inona fomba entina mandrefy azy, eny na amin'ireo izay manana hery itovizana aza dia tsy maintsy misy fihavahana hatrany. Raha raisintsika ho ohatra ny lafiny fanajana fotoana: ny iray mety ho tonga telo minitr aorian'ny fotoana nifanomezana ary mety hihevitra fa tena efa fahombiazana goavana ho azy izany, saingy ny ankilany kosa mihevitra izany ho efa fahatarana. Amin'ny fanapahan-kevitra lehibe rehetra, na fanehoana ny faharesen-dahatra, na fisaintsainana dia hisy hatrany sehatra hahafahana mandanjalanja, fitadiavana ny marimaritra iraisana, ny fanitsiana izay tena sitraky ny Mpahary ho toy ny loharanom-pahendrena.

Raha maneho fahatsarana ny fifandanjana sy fifamenoan'ny mpivady dia loza tena mety hiseho ny fandehanana alavitra loatra sy ny fikolokolona fisainana

---

<sup>190</sup> Lioka 1.5-6

<sup>191</sup> 2 Mpanjaka 8.16-18

<sup>192</sup> Asa 5.9

<sup>193</sup> Genesisy 2.18

mifanohitra. Raha tsara lavitra ny fanazavana roa noho ny iray dia natao hiaianana ao anaty fanahy tia fihavanana, mandry fahalemana ary manaja ny hevity ny ankilany izany.”<sup>194</sup>

## “Faritra mena” na rehefa tandindonin-doza ny fiaraha-mientana

“Sambory ny amboahaolo...izay manimba ny tanimboaloka; Fa efa mamony izao ny voalobotsika.”<sup>195</sup>

Ny antsoiko hoe “faritra mena” dia ireo fotoana ao anatin’ny andro, ireo fisehoan-javatra na ireo fitondran-tena ratsy izay mampanjombona ny fiombonan’ny mpivady. Tiako atomboka amin’ny fanomezana ohatra avy amin’ny fianana vondrona izay manazava tsara ny tiana hambara ny resaka:

Nandritra ny taona maro dia nitarika ekipa ahitana tanora misionera 15 ka hatramin’ny 20 namakivaky an’i Afrika aho. Efa nainanay izany hoe mandeha mandritra ny andro manontolo amin’ny lalana any am-banivohitra ao anatin’ny hafanana sy ny vovoka. Rehefa tonga any amin’ny toerana itodiana izahay dia sady reraka no noana no maloto. Ny faniriana izay tena ara-drariny ao anatinay dia ny handro sy hisasa, hipetraka eo ambony latabatra mba horosoana sakafo, ary farany hitsotra eo ambony fandriana sy hatory amin’ny torimaso mamy mandra-paha ampitso ny andro. Hafa noho izany anefa ny zava-misy; tsy maintsy ampidinina eo ambony fiara ny entana, tsy maintsy atsangana ihany koa ny toerana hilasiana, tsy maintsy milahatra manoloana ny toerana fandroana, mikarakara sakafo ary mifandimby mandroso sakafo sy manasa vilia. Tsy hoe akory tsy tsara ny firaisansa, na nosendraina izy mandritra ny andro, fa nandritra io fotoana io indrindra no tena nosedraina tamin’ny fomba manokana ilay firaisansa. Io “faritra mena” io no nanome sehatra ny tsirairay hitombo amin’ny fahamatorana amin’ny fanompoana ny hafa; saingy raha ratsy tantana ilay firaisansa dia mety hanakorontana ny finaman’ny ekipa manontolo noho ny fifandonana, ny fitakiana sy teny mandratra samihafa.

Ny mpivady izay manokana fotoana hieritreretana dia hahita fa ny ankamaroan’ny fifandirana dia miseho **mandritra ny fisehoan-javatra mitovy** ary manodidina lafin-javatra mitovy. Rehefa voahodidina, na rehefa fantatra ny mahakasika ireo “amboahaolo” ireo dia ho mora kokoa ny miady aminy. Indreto misy ohatra faran’izay tsotra nefá tena zava-misy:

- Ralehilahy manapotsitra ny dantifrisy eo amin’ny kibony, ny tena tian’i madama anefa dia potsehina hatrany amin’ny tendroney ilay izy...

<sup>194</sup> Jakoba 3.13-15

<sup>195</sup> Tononkira 2.15

Fahadisoana kely tsy dia misy dikany toy izany dia mety hitarika fifamaliana isan-kerin'andro ary hiafara amin'ny firesahana mahakasika fandanilaniam-poana, tsy fahafehezan-tena, tsy firaharahiana, sy teny misy poizina maro, izay tsy misy ifandraisany akory amin'ilay resaka niandohany. Azo heverina fa ny vahaloana dia ny fanekena ny fomban'ny ankilany amin'ny fanovana tanteraka ny an'ny andaniny, fa ny fahendrena ihany koa dia azo heverina ny hananan'ny tsirairay ny dantifrisiny avy!

- Ramatoa manana fahazarana mandrehitra ny jiro rehetra nefo tsy mamono mihitsy rehefa mivoaka. Rangahy kosa, ho fisorohana ny olana mety hanimba ny tokantranony vokatry ny fifamaliana nandritra ny taona maro izay namelabelarany petrakevitra araka izay azony natao mahakasika ny fiarovana ny tontolo iainana sy mahakasika lafiny aratoekarena dia nandray andraikitra ho fanitsiana izany fahadisoana izany. Ho ahy manokana dia heveriko fa fahendrena ho an-dralehilahy ny manaiky ny zava-misy ary mamono ny jiro araka azony atao ary mandoa ny vidin-jiro. Raha ampitahaina ny vola aloa amin'ny jiro sy ny fifandirana in-telopolo isam-bolana dia azoko antoka fa na eo amin'ny lafiny arapahasalamana fotsiny aza dia misy fiaitraikany goavana eo amin'ny lafiny ara ekonomika ny fanekena ny zava-misy!

“Toy ny arina atao amin'ny vainafo sy ny kitay hazo atao amin'ny afo, dia toy izany, ny olona tia ady mandrehitra fifandirana.”<sup>196</sup>

Noho ny asa dia mandeha foana izahay mivady. Ny fandehanana amin'ny fanasana mandritra ny faran'ny herin'andro na maharitra kokoa matetika dia miteraka olana hatrany. Mipetra ka ao anaty fiara aho tsindrian-daona miandry ny hahatongavan'ny vadiko... Fotoana fohy taty aoriana dia niharihary taminay fa “faritra mena” ho anay ny fiaingana. Nifampiresahanay ilay izy ary nametraka zavatra vitsivitsy ho fisorohana izahay:

**Ny fifampiresahana:** arakaraka ny maha-goavana ny fiaingana no hiresahako mialoha mahakasika ny ora marina hiaingana. Raha hivoaka mandritra ny faran'ny herin'andro izahay dia ny alarobia dia efa fantatry ny vadiko fa tokony efa miainga izahay ny zoma amin'ny dimy sy sasany ohatra. Izy moa tsy dia tia mandeha fiara miaraka amin'ny rarin-tsaina dia hanao izay ezaka rehetra izy ho fanajana ny ora amin'ny fitsinjarana ireo fiomanana tsy maintsy atao.

**Ny fizarana asa:** nianatra ny nandray andraikitra mihoatra aho amin'ny fanomanana ny entana, ny fanadiovana sy ireo pitsopitsony maro amin'ny

---

<sup>196</sup> Ohabolana 26.21

minitra farany mialoha ny fiaingana. Tsy mipetraka miandry ao anaty fiara aho fa manao hetsika hatrany mandram-pahatonga ny fotoana fiaingana.

Fiovana tsara telo no hitanay:

- a) Nihamaro ny fiaingana alaviry ny olana.
- b) Na dia mbola misy disadisa sasantsasany aza dia tsy dia misongadina be toy ny teo aloha intsony.
- c) Tsara lavitra ny rivotra iainana mandritra ny dia.

Ho an'ny mpivady sasany ny “faritra mena” dia ny fotoana hodian-drangahy avy niasa, rehefa hatory, na mifamatotra amin’ny anton-dresaka sasantsasany. Ho an’ny hafa indray mety ny fotoana handehanana mivavaka izay ahitana zavatra tsy ampoizina maro, indrindra moa fa rehefa nirarahan’ny kafe izay ny pataloahan’i dada nefo izy mampandroso olona io maraina io. Mila mianatra mamantatra ireny faritra mena ireny isika : fa maninona ary no amin’io fotoana io foana no miseho ny tsy fifankazahoan-kevitra ? Rehefa izany dia mila ifampiresahana ary itadiavana vahaolana pratika sy azo ampiharina avy amin’ny Tompo.

Maro ny ray aman-dreny no nianatra ny tsy hanaiky intsony hampiadian’ny zanany rehefa maneho tsy fankatoavana izy ireo na maniry fatratra hahazo zavatra iray. Toy izao no faharesen-dahatr’izy ireo : “Tsy ekeko intsony ny hitaoman’ny zanako ahy hanohitra ny vadiko”. Haneho firaisan-tsaina izahay manomboka izao. Any am-pandriana izahay no mifanazava raha ilaina, fa rehefa eo imason’ny ankizy izahay dia hifanaran-tsaina.”

Ny hoe “Izay nampiraisin’Andriamanitra, aoka tsy hosarahin’ny olona”, dia azo vakiana toy izao : “Izay nampiraisin’Andriamanitra, aoka tsy hosarahin’ny ankizy”. Tsy amin’ny lafiny fisarahanam-panambadiana mazava ho azy, fa kosa amin’ny fifandirana mandritra ny “faritra mena”.

“Izay mitsitsy ny tsorakazonny dia tsy tia ny zanany ; Fa izay tia zanaka dia manafay azy, raha mbola kely.”<sup>197</sup> Mazava ho azy fa amin’ny zavatra rehetra dia ilaina hatrany ny fahaizana mandanjalanja ; misy ihany koa ny ankizy iharan’ny herisetra, fa misy koa ny ankizy toy ny “mpanjaka kely” izay mampiasa fahefana, eny mety ho fanjakazakana maloto amin’ny ray aman-dreny tsy mahalala intsony izay lalan-kombany.

Ny fahatezerana mirehitra, ny ranomaso, ny famaizana miseho amin’ny fahanginana dia vao maika manome hery ny “faritra mena”, ny fitiavana agape

---

<sup>197</sup> Ohabolana 13.24

kosa manova azy ireny. Hamaranana azy dia andeha mbola hotsindriantsika ireo lafinjavatra vitsivitsy mahakasika azy ity.

## **“Agape” : loharanom-pahatokiana**

Andriamanitra llay namorona ny fanambadiana dia nanome baiko ny mpivady mba hitoetra ho mahatoky mandritra ny androm-piainany. Diso paika ve Izy ? Moa zavatra tsy azo tanterahina mihitsy ve izany ? Tsy fantany ve fa miovaova ny fihetseham-pontsika, ny zavatra mahasarika antsika koa mivoatra hatrany ary miha antitra ny vatantsika ? Ny lehilahy sy vehivavy tsirairay izay mikasa hiroso amin’ny fanambadiana amin’ny fomba matotra dia mila mieritreritra tsara ity fanontaniana ity : “Amin’iza no ametrahako ny fahatokiako ? Amin’ny fironana ankehitriny sa amin’llay nahary ahy ? Samy tsy ampy na ny fihidiana vazana na ny fametrahana fahatokiana amin’ny fanapahankevitra manokana. Tena ilainao ny flankinana am-pahatokiana amin’llay azo itokiana sy maniry ny hahombiazan’ny tokantranonao amin’ny fomba maharitra. Ilay Andriamanitra nahary ny vatana, fanahy ary saina sy ny fiasany rehetra dia mahalala ihany koa ny hery manintona avy amin’ny taovam-pananahana. Ho fitantanana ireo amim-pahatokiana dia voakasika avokoa sy mila mifameno ireo lafin-javatra telo mahakasika ny maha-izy antsika.

### **A. *Ny lalan’ny famafazana sy fijinjana na mandeha araka ny Fanahy***

Raha misy olona mamafy fahatokaina, hatsaram-panahy ary fitiavana dia tsy ho ela dia hijinja fahatokiana, hatsaram-panahy ary fitiavana izy. Raha tsy fahatokiana, hamafisam-po ary fitiavan-tena kosa no afafin’ny olona iray dia tsy ho ela dia hijinja tsy fahatokiana, hamafisam-po ary fitiavan-tena izy.<sup>198</sup>

Indro fitsipika faran’izay tsotra sy tena marina mahakasika ny famafazana sy fijinjana:

- Izay afafintsika no jinjaintsika.
- Maro lavitra noho izay afafintsika no jinjaintsika.
- Ao aoriana isika vao hijinja.

Ho ahy manokana dia efa 20 taona izay no nanambadiako. Raha mbola omen’Andriamanitra tombon’andro izahay, in-dray andro any dia ho 50, ho 60 taona, na mihoatra tahaka ahy ny vadiko. Azo eritreretina tsara ny hanambadiako vehivavy manan-kanja 80 taona afaka 10 taona vitsivitsy, ary dia ho fifaliana ho ahy izany! Endrey ny tsikombakomba sy fananana antoka

---

<sup>198</sup> Galatiana 6.7

mahafinaritra eo amin'ny mpinamama niara-niaina ny zavatra rehetra nandritra ny fotoana lava dia lava...

Manoloana izany fanambarana izany dia mety hisy hampahatsiaro haingana fa ny aretina ara-batana sy ara-tsaina dia mety hampananosarotra ny zavatra rehetra. Marina izany, saingy mety ho trattran'izany avokoa na ny lahy na ny vavy, ary tsy misy afaka hanakana ny hisian'ny firosoana amin'ny fahanterana amin'ny fomba natoraly eo amin'ny mpivady ihany koa. Ny zavatra resahina eto dia maneho fotsiny ihany ny maha-zava-dehibe ny famafazana zava-tsoa tsy tapaka mba hiara-mijinja ny vokatra hatrany amin'ny fahanterana. Aza hadino fa "tsy zavatra natao harina rehefa avy nampiasaina" ny vadintsika; ny fahalalana sy fanekena izany dia tena hanampy antsika hamafy amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra. Hanamora ny fiheverana fiaraha-monin'olondroa ahitana ireo vanim-potoana samihafa mandrafitra ny fainana ny Fanahin'Andriamanitra sy ny tolo-tsainy.

### **B. *Ny fiasan'ny maha-izy antsika (ny fanahy)***

Nisy nampitaha ny maha-izy antsika amin'ny lohan'ny kamiô sy ny remôrka tarihiny, ka ny lohan'ny kamiô sy ny môterany no entina maneho ny faharanitan-tsaintsika, ny familiarina kosa maneho ny finiavana ary ny remôrka kosa maneho ny fihetseham-po. Rehefa ny lohan'ny kamiô no eo alohan'ny remôrka dia mizotra tsara ny zavatra rehetra; saingy rehefa ny remôrka kosa no lasa aloha dia hihemotra ilay fiara ary dia ho loza no hiafaran'izany.

Toy ny familiarina mitondra ny fiara amin'ny lalana tokony hizoran'ny lohan'ny kamiô ary dia manaraka azy ny remôrka dia isika no ***misafidy*** izay zavatra ***hoeritreretintsika*** ary izay eritreretintsika no miteraka ***fihetseham-po*** ao anatintsika.

Raha misy manao teniteny foana amintsika, toy ny hoe "Ataovy izayahasambatra anao, aza manao ohatra an'io, asehoy ny fifalianao!" dia vao maika mahatezitra antsika izany, satria ny fihetseham-po tsy mba azo baikoina. Tsy misy môtera ao amin'ny remôrka.<sup>199</sup> Ny fifaliana, ny fahatezerana, ny fiadanana sy ireo fihetseham-po hafa rehetra dia miankina tanteraka amin'izay eritreretintsika. Raha voafahana amin'ny fisainana feno tahotra ny saiko dia zava-poana ny hahitako filaminan-tsaina. Raha mihaino tantara mampihomehy kosa aho dia hiteraka fihetseham-po faly izany.

Indro misy lehilahy mahatoky sady sambatra satria manan-janaka telo. In-dray andro dia nisy mpiasa vavy vaovao tena mahasarika tonga ao amin'ny toeram-

---

<sup>199</sup> Raha ampaherezin'ny Teny ny fihetseham-pontsika dia ho raisiny an-tanana ny famelomana ny faharanitan-tsaintsika.

piasany. Niredareda ny fihetseham-pon'ilay rangahy, babo tanteraka ny sainy ary ny finiavany zary lasa toa kilalao sy andevo. Raha ny zavatra neverin'ny haino vaky jery ho marina dia tokana ihany ny safidin'ity lehilahy ity dia ny hiaramdry amin'ilay vao tonga ary hisara-panambadiana afaka fotoana fohy ka hamela ny vadiny sy ny zanany telo hampahorian'ny fangirifiriana ary tsy hahazo an-tsaina ny zavatra mahazo azy manoloana ilay horohoron-tany atrehany. Iza no diso? Mety hisy hisaina na hiteny fa raha ny marina dia llay Mpahary no diso...saingy hoy ny Soratra Masina: "Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy; fa samy alaim-panahy ny olona, raha tarihin'ny filany sy fitahiny izy. Ary ny filana, rehefa torontoronina, dia miteraka ota; ary ny ota, rehefa tanteraka dia miteraka fahafatesana."<sup>200</sup>

Andeha ho raisintsika indray ilay tantara, saingy araka ny fomba fijerin'ny Baiboly azy kosa:

In-dray alatsinainy maraina dia tonga tao am-piasana ity mpiasa vaovao izy tena mahasarika. Fantatr'ity lehilahy efa manambady fa mety hiredareda amin'ilay zatovo vavy ny fihetseham-pony, saingy nofeheziny ny sainy tamin'ny fisafidianana ny fahasambaran'ny vady aman-janany eny hatramin'ny fahasambaran'ity tanora mpiasa vaovao aza, hany ka njery azy tsy toy ny hena natao hohanina izy, fa toy ny olona iray manana ny anto-pisiany manokana. Na dia tena misy sady mitaona mafy aza ny fakam-panahy dia voafahana tamin'ny soa toavina tsara lavitra ny sainy ary niaro azy tamin'ny fihetsika mitondra faharavana izany; voaaro tanteraka noho izany ny fahafahan'ny finiavany. Nisafidy ny fahatokian'ny fo ilay rangahy; niaina tamim-pahatsapana ho voaaro ny vadiny ary mihamika amin'ny harena mafina alaviry ny fiahiahiana ny zanany. Ny mitia amin'ny fitia agape dia mihoatra lavitra ny fihetseham-po, satria safidy raisina: safidy ny hitady ny tsara indrindra ho an'ny vadiny, ho an'ny zanany ary ho an'ny tenany.

Fanampin'izany, raha toa ilay fitiavana voatohan'ny finamana, voatefy tamin'ny fanompoana, fanajana, fahatokiana, fiaraha-miatrika ny ady sy ny tolona, ranomaso sy hehy, fanamby niaraha-niatrika, fialan-tsasatra sy fialamboly niaraha-nanao, dia tsy ho lasa ho eo aloha mihitsy ny remôrka isaky ny misy zatovovavy manao zipo fohy mandalo eo anoloana na ho an'ny vehivavy isaky ny misy olona mahalala fomba milaza zavatra tsara aminy. Ny olona rehetra, n'inon'inona toerana misy azy dia mety ho lavo avokoa, eny fa na izaho izay manoratra ity boky ity ho anao aza; toy izay niseho tamin'i Davida mpanjaka. Saingy Andriamanitra tsy mamela antsika tsy hanana fiarovan-tena

---

<sup>200</sup> Jakoba 1.13-15

manoloana ny fakam-panahy. Toy ny mpamily fiara izay manaja fitsipika maromaro mba tsy ho voasinton'ny remôrka hiverina, isika koa dia mila mianatra mitondra ny maha izy antsika eo ambany fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra, hitantana ny fihetseham-pontsika, hamahana ny fihetseham-po ary hankafy ny firavoravoana entiny saingy tsy mamela azy hohoatra antsika.

Mora ve izany? Tsia. Azo tanterahina ve izany? Eny. Ho fanamafisana ny fahamailontsika dia manazava ny saintsika ny Tenin'Andriamanitra manoloana ireo lafin-javatra mahakasika antsika rehetra.

### **C. *Aza misara-pandriana ianareo<sup>201</sup> (vatana)***

Mety ho tany amin'ny fizarana faha telo no noeritreretana hahitana ny famelabelarana ity teboka ity, saingy manindry ny faharesen-dahatry ny saina mialoha ny an'ny vatana izy ity. Idrisy fa tsy lany hevitra sy hafetsifetsena tsy hanaiky hanome ny tenantsika ho an'ny ankilany ny saintsika manoloana ny firaisan'ny mpivady ara-nofo. Manazasy, mamaly faty, na ny vatana eo ihany fa ny tsaina tsy ao mihitsy, na miridiridy tsy maneho hetsika toy ny vatan-kazo, na fampivelarana fihetsika maro feno lainga toa maneho fa mety aminy izay ataon'ny ankilany, fanararaotana, ady varotra, ireo rehetra ireo dia ohatra vitsivitsy manoho ny hakingana amin'ny ratsy...

"Ny vavy tsy manam-pahefana amin'ny tenany, fa ny lahy; ary mba toy izany koa ny lahy tsy manam-pahefana amin'ny tenany, fa ny vavy."<sup>202</sup> Raha fiombonan'ny vatana, fo ary saina ny firaisansana ara-nofo dia hitombo hery hatrany ny fahatokiana.

### **Agape, loharanon'ny fahatsaram-panahy sy famelan-keloka**

Mampikoriana ny heriny amin'ny fahafenoana eo amintsika tsirairay ny fahatsaram-panahy. Mampita lesona amintsika mahakasika izany ny vanintaona sy ny toetr'andro: rehefa tsara ny vanin-taona sy ny toetr'andro dia mivesatra vokatra betsaka ny hazo fihinam-boa, rakotra felana ny voninkazo, manome ranony tena tsara ny voaloboka ary mamokatra be tsy misy toa izany ny fambolena.

Ny fikolokoloana toetr'andro ahitana fahatsaram-panahy ao an-tokantrano dia mitondra fiovana goavana eo amin'ny fiainantsika ary mampitombo ny vokatra entiny.

---

<sup>201</sup> 1 Korintiana 7.5

<sup>202</sup> 1 Korintiana 7.4

Toy izany no ikorianan'ny agape amin'ireo izay tsy mendrika handray izany akory amin'ny fotoana sasantsasany.

Ny fiandrasana kendry tohana ny vadintsika rehefa sendra tezitra izy ka itenenana hoe: "asehonao tokoa ny tena maha-anao anao" dia tena fahadisoana goavana. Hanao ahoana ny hahazo antsika raha itenenan'Andriamanitra toy izany isika amin'ny fotoana mampitabataba ny fahatezerantsika na aoriny tanteraka amin'ny fahelementsika ny fomba fijeriny antsika.

Raha kristiana iray no manota, raha izay heverina ho mpanompon' Andriamanitra manana ny maha izy azy no manota, raha ny vadinao no manota dia ratsy hatrany izany. Saingy ny fanidiana ilay olona ao anatin'ny fahotany no fitavozavozana faran'izay ratsy indrindra. Ny hatsaram-panahinao (tiako foana ianao) sy ny famelanao heloka (aoriko ao am-poko ho toy ny tsy nanota mihitsy ianao) no hanetsika ny fahavononana sy ny faniriana handroso hatrany.

Ny fanomezana zo ny hafa hanao fahadisoana dia fanaovana toy izay ataon'Andriamanitra amintsika. Raha mandà tsy hanao izany isika dia hahantra indrindra, ary azo antoka fa mizotra mihazo ny lalana mankany amin'ny afobe.

Rehefa mamela antsika Andriamanitra dia raisiny ho toy ny tsy nanota mihitsy isika. Noho izany dia eo anivon'ny tokantrano no mila mianatra mamela heloka isika. Tsy misy safidy hafa ny famelana heloka, io no fomba tokana hahafahana miaina fifandraisana lalina ao anatin'ny fotoana lava. Manome fitsaharana ho an'ny fihetseham-po izany ary mampisy fiaraha-mientana, ary mahatonga ny hafa hiaina fahasambarana.

Mazava ho azy fa amin'ny alalan'ny fifandraisana isan'andro amin'ilay Andriamanitra fitiavana no anomezana antsika ny fahalemem-panahy, ny fahafoizan-tena, ny hery hoentina mamela heloka amin'ny fandresena ny ratsy amin'ny soa ary ny fandresena manoloana ny fandrik'ilay ratsy.

Mba ho iray ihany izy rehetra, ....tahaka ny mahiray Antsika<sup>203</sup>

---

<sup>203</sup> Araka ny Jaona 17.21-23

## Famitinana ny boky.

Ny fiaianana mahomby amin'ny lafiny iray dia miankina amin'ny fahombiazan'ny fanambadiana. Ny fahombiazan'ny fanambadiana dia oharina kokoa amin'ny fanorenana katedraly fa tsy fananganana trano lay. Zava-dehibe ny fiarahana manorina amin'ilay natokana ho anao; mety ho tena hanana antoka tsara orina ianao eo am-piandohana, saingy mila fanamasifana orina hatrany izany. Maro ireo lafin-javatra mitarika ho amin'ny fivelaran'ny fahazoana antoka:

Ireo fototra iorenany:

- Fananana hery manosika tsara: ny hanao izay hahasambatra.
- Tia ny Mpahary mihoatra noho ny voaariny.
- Ny fanomezan'Andriamanitra: hanambady sa ho mpitovo.
- Miandry ny fotoana mety.
- Tady mirandranan-telo: ara-batana, ara-moraly, ara-panahy.
- Ny fanoloran-tsaina.

Mitombo amin'ny alalan'ny fifandraisana

- Miaina am-pahendrena ny fotoana iarahana.
- Miaina am-pahendrena ny fotoana fifamofoana.

Ny mariazy sy ny fiaianan'ny mpivady.

- Fifamatorana eo amin'ny lafiny ara-batana.
- Fifamatorana ara-tsaina: fikolokoloana finamàna.
- Fifamatorana ara-panahy.

Ireto fanontaniana manan-danja ireto dia mila valiana mba hahombiazan'ny fanambadiana.

Inona ireo sehatra mila ovana eo amin'ny fihetsiko?

Inona ireo fahalemeko izay mety ho tonga sakana amin'ny fifandraisana sambatra?

Iza no afaka hanolo-tsaina ahy mahakasika ny fanambadiana?

Raha miaraka amin'olona aho izao:

Manoloana izay efa fantatro, misy ho avy ve ny fifandraisako aminy?

Inona ireo lafin-javatra mila atao ko praktika ?

Inona no angatahiko amin'Andriamanitra mahakasika ilay ho vadiko?

Iza no mpivady tian'ny Fanahy Masina hivavahako?

## Taratasy ho an'ny mpamaky

Ry mpamaky hajaina.

Eo am-panoratana ity boky ity aho dia tsy mitsahatra mieritreritra ny fahasamihafana mampiavaka ny zavatra azon'ny mpivady manaraka ny fomban'Andriamanitra sy ny helo iainan'ny tokantrano maro. Ekena fa misy zavatra tsy azo ialana sy fisehoan-javatra tsy azontsika fehezina, saingy ny ankamaroan'izay jinjaintsika na tsara na ratsy dia avy amin'izay nafafin'ny tanantsika ihany.

Enga anie ka hanampy anao hanapakevitra hamafy araka an'Andriamanitra ireo pejy vitsivitsy ireo. Hameno fahasambarana anao sy ny vadinao ary ny ankohonanao ny vokatra entiny.

Raha efa amin'ny vanim-potoana fifamofoana ianao, na miroso ho amin'izany, nahoana raha iarahanareo mamaky ity boky ity?

Andriamanitra dia fitiavana ary hanao ny fomba rehetra hampahomby ny fanambadianao Izy.

Carlo B.

P.S: Ity boky ity sy ireo rehetra teo alohany dia afaka atao seminera<sup>204</sup> misokatra ho an'ny olona rehetra. Saingy izaho sy ny vadiko ary ireo ekipa miara-miasa aminay dia te-hanompo ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny firaisansa ary amin'ny fametrahana ho laharam-pahamehana ny fitoriana Filazantsara. Raha te-hanasa anay ary ianareo dia manorata aty aminay<sup>205</sup> amin'ny fijerena akaiky ireto soso-kevitra manaraka ireto:

- Mety ho afaka manangona kristiana maro araka izay azo atao amin'ny faritra misy anao ve ianao mba hisorohana ny famerimberenana fampianarana amin'ny vondrona hafa fotoana fohy any aoriania?
- Afaka mikarakara miaraka amin'ny seminera na aorian'ny seminera fitoriana Filazantsara ve ianareo na fihaonana manana tanjona ho fitoriana Filazantsara?

---

<sup>204</sup> Azo atao ihany koa ny manaoa fihaonana iray na maromaro isan-kariva mahakasika lahahevitra oa amin'ity boky ity.

<sup>205</sup> Adiresy Montolieu 79, 1010 Lausanne, Suisse. Raisinay am-pitiavana ny fifandraisana mahakasika ny fanompoana saingy tsy afaka mamaly ny taratasy mahakasika flainan'olon-tokana izahay.

## Fampahafantarana ny boky

“Tsy misy manakaiky ny lanitra toy ny mpivady mifankatia, ary tsy misy manakaiky ny helo toy ny mpivady mifanimba”. Ny fahombiazan’ny fanambadiana dia azo oharina kokoa amin’ny fanorenana katedraly fa tsy fananganana trano lay. Izao tontolo izao iray manontolo dia fehezin’ny lalàna ara-fizika, ara-moraly ary ara-panahy tena misy izay mahakasika ny sehatra rehetra. Tsy afa-miala amin’izany ny fanambadiana. Ny mpivady izay tsy mahalala izany dia ho mora tratran’ny aretina toy ny sambo tsy misy familiana eo anivon’ny ranomasina. Ny fifandraisana manokana ifandraisana’olon-droa mifankatia dia ao amin’ny ivon’ny planin’Andriamanitra, Ilay tombo-marika, Mpahary ary mpanatanteraka ny zavatra rehetra.

Mitoditodika mitady am-panantenana marika mari-pototra ny fiarhamonina tsy manan-tanjona kendrena misy antsika. Ilay Andriamanitra izay nahary ny fanambadiana, nanome baiko ny hitoerana ho mahatoky ary maniry nyahasambatra ny mpivady dia mitady lehilahy sy vehivavy hanao ny asan’ny mpaminany amin’ny fanehoana ho hita maso sy ho vavolombelon’ilay fanjakana miorina amin’ny fitiavana.

N.B: Misy kaonferansa amin’ny horonan-tsary ataon’ny mpanoratra ihany koa ity boky ity (youtube)